HC
895
.R33
2011


REMOTE STORAGE

MSU Lib RSF Do Not Remove
5002010705


johary rakotonirina

MADAGASIKARA

Ho Aiza Marina








johary rakotonirina

MADAGASIKARA
Ho aiza marina ?

Topy maso sy Dindon'ny

50

taona nahaleovantena



HC
895
.R33
2011

Atolotra ho an'ny :

- MALAGASY manontolo
- TARANAKA MALAGASY tsy avakavahana.

Isaorana :


- Ny ***ZANAHARY***, lolohavina an-tampon'ny loha
- Ny *Vady* sy ny *Zanaka*, noho ny faharetana
- Ny *Tapaka* sy ny *Namana*, noho ny fanohanana
- Ireo *Nampianatra* rehetra, noho ny soa nampitaina
- Ny *Vahoaka malagasy*, noho ny fanomezan-desona.

Tadidio fa :

« *Ny anaovana aro riaka raha mainandro,*
Tahotra ny ho lena raha fahavaratra ! »

« *Raha mamatra mihoatra ny feno : raraka ;*
raha mihinana mihoatra ny voky : manevika ;
raha mamindro mihoatra ny toko : may ;
raha mandry mihoatra ny farafara : mianjera ! »

Madagasikara, 2010





SASY

Eto am-panombohana ny mpanoratra dia misalasala ihany : inona ary no hosoratana ? Inona no kendrena amin'izany ? Ahoana no handraisan'ny olona izany ?

Raha manao zavatra toy izao mantsy ankehitriny, dia ny ahiahy sy fanebahana no tsy maintsy tonga mialoha : « miseho mahay sy mahalala noho iza...? », « mitady inona...? ». Toa tsy hain'ny Malagasy ankehitriny intsony izany manao na mandray zavatra am-pahatsorana, am-panetren-tena, an-kitsimpo, amin'ny saina tsy miangatra izany, fa dia tsy maintsy misy ambadika hatrany.

Raha ny amin'ity boky ity anefa dia tsotra.

Ny voalohany ary ny lehibe indrindra !

Tsy mihambo hanoro na hitsikera bontolo ireo mpitondra sy tompon'andraikitra eto amin'ny Tany sy ny Fanjakana mihitsy. Tsy mihambo hanome lesona sy hampianatra ihany koa. Satria tsy be saina miohatra noho iza akory, fa ny « eo ho eo » ihany, saingy mahatsiaro manana adidy eo amin'ny Firenena sy ny taranaka fotsiny eo amin'izao faha ***50*** *taonan'ny* ***« Fahaleovantenam-pirenena »*** *izao, koa* ***izay kely ananana dia tsy maintsy mba ahiratra***.

Faharoa ary tsy ambakan'io !

Tsy mihambo ho misolo vava na iza na iza mihitsy. Mahazatra ny Malagasy sasany koa mantsy ity miteny na manoratra amin'ny ***« anaran'ny vahoaka »*** *ity. Tsy manana ary tsy mitady izany fahefana izany ny mpanoratra, ka* ***tsy hisalovana ny anjaran'ny sasany***.

Fahatelo sady farany !

Tsy mihambo hananatra koa sanatria, fa tsy tompon'ny Fahendrena akory.

Fa FANEHOAM-PISAINAN'OLON-TOKANA fotsiny izy ity. Vokatry ny fandinihana ny niainana sy ny iainana, notakarina avy amin'ny zavamisy malagasy sy ny Fahendrena malagasy, ny ***MAHA MALAGASY****, ka tsy maintsy aposaka iarahan'ny maro, indrindra ny taranaka, mandinika sy miady hevitra.*

Natao boky fotsiny izany mba ho voarakitra an-tsoratra, satria ny ***soratra, hono, mitoetra****. Raha izay teny navoaka teto amin'ny Firenena izay mantsy, dia tena nandalo tokoa ! Ho an'ny kely feo moa dia aleo misafidy ny soratra, sitrany ahay mba ho... heno !*

Fanamarihana farany : niniana nosoratana amin'ny ***fiteny malagasy*** *izy ity, na dia fantatra aza fa tsy omen'ny ankamaroan' ny Malagasy, indrindra ny avarapianarana, lanjany loatra ny zavatra toy izao, voasoratra amin'ny fiteniny.* ***Valalan'amboa****... !*

Niniana natao amin'ny fitenintsika, satria maro ihany ireo ***tongo-bakivaky*** *ao, izay* ***sady maharary no mahamenatra*** *tokoa. Amin'izay izy, farafaharatsiny, mba mijanona ho raharaham-pianakaviana antsika ihany...*

Niniana natao amin'ny fitenintsika ihany koa, mba ho azon'ny Malagasy tsy mamaky afa-tsy ny teny malagasy. Matetika mantsy ny toy itony dia amin'ny teny vahiny hatrany, ka ***ny tompony indray no mangataka atiny****.*

Ny mpanoratra

FAHANTRAM-BAHOAKA SY TANY MANANKARENA

Eo no anombohana azy.

Hilaza miara-mahita raha hiresaka ny fahantram-bahoaka malagasy amin'izao fiandohan'ny taon-jato faha 21 izao.

Avelantsika ho an'ny mpahay toekarena isan-tsokajiny ny famakafakana ny mombamomba izany, sy ny fanomezana ny fanafody mahomby ara-toekarena ho fanafan'izany, fa samy manana ny tandrifiny moa.

Koa sanatria tsy manamaivana ny zakain'ny mpiarabelona, tsy andro tsy alina, raha mamintina amin'ny fomba tsotra ny amin' izany « *fahantrana* » izany :

1.- TSY AMPY SAKAFO : Zara raha mahita arapaka ny ankamaroam-bahoaka ! Fiteny fahiny ny hoe « *tapa-kibo* », fa angamba ny « *ampahaefa-kibo* » aza amin'izao manahirana...

2.- FITAFY TSY ZARIZARY : Misaringo-borodamba ny ankamaroam-bahoaka. « *Mafy izany rovi-damba ririnina* », hoy fitenin'ny Ntaolo, fa tsy mba voalaza kosa ny amin'ny *rovi-damba mandavan-taona*... Tsy nisy angamba izany fahiny ... ?

3.- FAHASALAMANA TSY TOMOMBANA : Raha ny amin' io lafiny io dia ny « *aza marary* » ihany no fanafodiny. Efa nilaozan' ny toetr'andro angamba ilay hoe « *izay marary andrianina* »... ?

4.- TRANO FONENANA TSY MANJARY : Zara raha misy isitrihana. Ary miha maro ireo « tsy misitrika » na aiza na aiza, fa dia tafo lanitra tokoa moa izany...

5.- FANDRIAMPAHALEMANA TSY HITA BE IHANY : *Mandry tsy lavo loha* sy *andriran'antsy* tokoa ny vahoaka manerana ny Nosy amin'ity lafiny ity. Ny sokajim-bahoaka rehetra izany : na ny manana na ny malahelo.

AIN-DEHIBE ireo lafin-javatra dimy ireo ho an'ny vahoaka. Ireo no miantoka ny fahavelomana, ny fahasambarana..., mialoha ny zavatra rehetra.

Ireo ain-dehibe ireo anefa amin'izao fotoana izao no tena tsy zarizary sy tsy tomombana tokoa. *Very fanahy mbola velona* ny vahoaka eo anatrehan'izany. Mahatsiaro ho toy ny *valala voatango*, ho toy ny *bibilava sinambotr'ankizy*.

Araka ny mba takatry ny sainy, dia ny « *tsy fisiam-bola* » no mahatonga izany. Satria raha ain-dehibe ireo, ny *vola* kosa, hono, no *hozatry ny fiainana*. Koa angamba tratry ny « lefa-kozatra » ny raharaha matoa mandrorona sy tsy ahita-mangirana toy izao ity fiainam-bahoaka !

Etsy andanin'izay anefa dia dradraina mandavan-taona (ireo mpitondra nifandimby tao anatin'ny 50 taona dia samy nanao izany avokoa), fa « ***tany manankarena*** » ity tany ity !!!

Dia eo no maha ketraka, satria toy ny fanesoana sy fandatsana ireo mandry fotsy ihany izany.

TANY MANANKARENA ity tany ity ! Mety ho marina izany, kanefa eo anatrehan'ny fahoriam-bahoaka, dia toa *malaza tsy ihinanana* ilay izy.

Aiza tokoa moa ka no *malaza ho mpanefy nefa dombo antsy*. Tany be mpamboly (80%n'ny Malagasy moa ?), be vokatra, kanefa tsy ampy sakafo sy mosarena... Tsy ampy izao rehetra izao...

Koa ahoana no tena fipetrak'izany tarehin-javatra toa mifanohitra be izany ?

Maro ny fomba ahazoana manazava izany, saingy ny azo heverina fa tsotra indrindra, dia ny fijerena akaiky ny tontolo anatiny sy ny manodidina ireo sokajin'olona na toejavatra, azo lazaina fa tena mampihetsika sy manome aina ny raharahampirenena.


Hotetezina amin'izany ny mpanao politika, ny mpandraharaha ara-toekarena, ny avarapianarana, ny raiamandreny, ny tanora, ny vehivavy, ny tantsaha, sy ny sisa...


Kanefa dia mbola atitraterina ihany, fa tsy dia tampom-pahaizana manao ahoana akory ny mpanoratra, ka ahafantatra izao rehetra izao. Fa raha ny marina dia ny isan-tsokajy ihany no tena mahafantatra ny zavamisy iainany ao. Mazava ho azy !

Ialan-tsiny mialoha, araka izany, raha toa ka misy ny *madilana tokony ho tentenina* eo amin'izay holazaina manaraka rehetra eto (satria tena misy izany), tsy *hijery arina an-tava* amin'izany ny mpamaky, satria *ny tao-trano, hono, tsy efan'ny irery.*

Torak'izany ihany koa. Raha toa ka misy ny manafintohana (satria mety misy izany), *ny teniko ariana fa aza ny tenako* !

Koa am-pahatsorana sy am-panentren-tena : ***HO AIZA MARINA I MADAGASIKARA*** .?





NY MPANAO POLITIKA SY NY POLITIKA

Raha vao « *mpanao politika* » na « *politika* » fotsiny no resahana, dia « *seza* » no tonga ao an-tsaina avy hatrany.

Ary raha vao io « seza » io no voatonontonona, dia tsy misy afa-tsy « *harena* », « *fananam-be* », « *fahefam-be* »... no mby ao an-tsaina.

Tsotra loatra izany filaza azy izany, kanefa dia toy izany mihitsy no iheveran'ny ankamaroam-bahoaka ny mombamomba ity sehatra iray ity, ary angamba tsy ny ankamaroam-bahoaka ihany no manana izany fiheverana izany, fa mety ho isan'izany koa ny sasantsasany amin'ireo mpanao politika, mba tsy ilazana hoe ny ankamaroan'izy ireo.

Tsy takona afenina mantsy ny fitsambikin'ny faripiainan' ny mpanao politika nahazo seza ! Nahatsapana izany avokoa ny repoblika sy ny tetezamita nifandimby teto.

Fiovana mihoatra lavitra noho ny mety ho takatry ny karama, sy ny tombontsoa ara-dalàna raisiny, kanefa tsy dia be manao ahoana akory ny karaman'ny mpanao politika nahazo seza, na dia « karamabe » aza no fiheveran'ny vahoaka izany.

Vokany : alaim-panahy ny maro, indrindra ny tanora, hihevitra fa ny « *asa politika* » no asa tena « *mamokatra* » indrindra. Ny hevitry ny hoe « mamokatra » eto dia tsotra : mampanankarena haingana dia haingana. Mbola haingana lavitra noho ny asan' ny mpandraharaha ara-toekarena mihitsy, na dia asa natao hikatsahana manokana tombontsoa sy tombom-barotra aza ny an-drizareo ireto.

Koa tsy mahagaga raha misisika any amin'ny asa politika hatramin'ny tsy tokony hanao izany akory (miisa 200 mahery ny orinasa politika...-azafady- ny antoko politika eto Madagasikara

amin'izao fotoana izao !), satria misy mihevitra fa « *afera* » toy ny « *afera* » rehetra ihany ny fanaovana politika...

Dia hahagaga ve, raha izany, raha dia tena mirefarefa amin' ny tany ny kabary sy ny hevitra politika aely eto ?

Dia hahagaga koa ve raha 50 taona no efa niresahana izany « fandrosoana » sy « fampandrosoana » izany teto, kanefa toa ny mifanohitra amin'izany indray no iainana ?

MIREFAREFA

Misisika any amin'ny asa politika avokoa, hoy isika, na dia ny tsy tokony hanao izany aza... Angamba aloha tsy misy izany tsy tokony hanao politika izany, raha amin'izao « *andro efa mazava* » izao, kanefa iaraha-mahalala ny maha zava-dehibe loatra ny Fitantanam-pirenena, indrindra izany hoe fampandrosoam-pirenena izany. Mila fahaizana izany ! Izany hoe mila fianarana. Tsy fianarana norantovina an-tsekoly loatra no tian-kolazaina eto, satria afaka manao politika tsara ny rehetra, na dokotera izany, na injeniera, na mpampianatra..., saingy *tsy maintsy mahafehy tsara ny raharaham-panjakana sy ny fitantanam-pirenena* izy, raha te-hanao izany amin'ny tena avo lenta. Izay fomba hianarany izany, dia azy ny azy. Tsy maintsy hainy fotsiny ireo !

Ny fitantanana orinasa faran'izay madinika aza mantsy itakiana fahaizana amam-pahalalana norantovina an-taonany maro eny amin'ny sekoly ambony. Koa raha tsy, farafaharatsiny, mahafehy ny fahalalana ny raharaham-pirenena izay te hanao politika, dia mazava ho azy, fa rehefa mahazo seza izy (mora azo koa io fa ny mitana azy no sarotra...), tsy ela akory dia ho lasa mpanao politika lasan-ko vavany fotsiny, matavy resaka sy malama vava, mpanao kobaka am-bava sy mpamahan-dalitra hatrany (noho ny fiarovan-tseza...), na dia mba nety nanana sitrapo tsara ihany aza, tany am-piandohana.

Amin'ity raharaha ity mantsy, dia tsy ampy intsony ny sitrapo tsara sy ny hafanam-po. Ilaina tokoa ireo, saingy tsy ny « *velezo ny vy dieny mafana* » fotsiny intsony no mitondra ny Firenena.

Ankoatra io fahaizana toa « manalasala » io dia toa tsy ampy « fahalalana ankapobeny » loatra ny ankamaroan'ny mpanao politika malagasy. Toa tsy dia mahafehy loatra ny fivoarana ara-pahalalana, eo amin'ny sehatra isan-karazany, na ara-piarahamonina izany, na ara-toekarena, na ara-pisainana tsotra fotsiny izao (mba firy amin'ireo mpanao politika malagasy tokoa moa no nahasoratra boky, na lahatsoratra an-gazety fotsiny aza... ?)... Fa toa *mitompo teny fantatra* fotsiny, toa manara-davahana izay, toa manao tsianjery be fotsiny aza matetika...

Tsy fahaizana mampita ny fahalalana ananana ve ? Sa efa tratry ny « fahakamoana ara-tsaina » kosa, satria efa tonga eo amin'izay notadiavina, ka tsy te « hivaky loha » intsony ? Sa tsy fahaizana tsotra fotsiny izao... ?

Enga anie ka ho iry voalohany (izay mbola azo amboarina), fa raha iretsy farany dia tsy misy fanantenana ny amin'ny fampandrosoam-pirenena. Ny *lohany indray no matsatso*, ka inona no azo antenaina amin'izany...?

Tsy maintsy mirefarefa amin'ny tany ny ady hevitra politika, rehefa tonga eo amin'ny fiarovan-tseza ny mpanao politika. Ary tsy maintsy izay no alehany, satria efa tsy voafehiny tsara rahateo ny manodidina ny raharaham-panjakana sy ny fitantanam-pirenena, no tsy nahitam-pahombiazana rahateo koa izay mba « politika kely » noheveriny hitondrana ny raharaha. Koa lasa vaindohan-draharahany izany, manomboka eo, ny fitadiavana sy ny fampi-harana tetika isan-karazany itazonany ny seza.

Rehefa tonga amin'izay dia zary mandefitra ny fampandrosoam-pirenena sy ny fanatsarana ny fiainam-bahoaka. Ny maika aloha no tsy maintsy vonjena :

1.- Ny fanamboamboarana ny hita sy ny misy, ka ny tsy fahombiazana atao izay ahatakona azy tsy ho hita loatra, na, raha hita, dia atolaka sy ailika ho andraikitry ny hafa
2.- Ny fampiasana ny fitaovana samihafa, indrindra ny vola (volam-panjakana ihany io...) ividianana olona na antoko manelingelina, mba tsy ho henjana sy maro loatra ny fanoherana,

3.- Ny fizaran-tseza madinidinika isan-karazany, miainga avy amin' ny famoronana rafitra peta-toko, tsy mifanaraka akory amin'izay ilain'ny fandrosoan'ny raharaham-pirenena, fa natao ahatampim-bava ireo mpanao politika hafa « mianakendry »... Sy ny sisa...

Eto moa no ahatsapan'ny sarambabem-bahoaka fa andralahy, malama sy fetsy, tsy mena-mivadika ny mpanao politika. Mora-mivadi-dela, mora mamadika palitao, ary havanana tokoa raha hanazava ny anton'izany sangodim-panina izany.

Nivadika ho hafetsifetsen'ny mpitondra sisa no andraisan'ny vahoaka ny « politika », fa ny fampandrosoana marina sy ny fanatsarana ny fiainam-bahoaka kosa, dia zary lasa voambolana haingon-kabary fotsiny, ka na tokony hampitombo finoana sy risipo eo amin'ny vahoaka aza, ny mpanao politika ihany no mamadika izany ho *toy ny vilian-tsahona, malaza tsy ihinanana.*

Fa angaha izay ihany ?

Mbola maro ny sehatra nosimbain'ny mpanao politika, noho ny tsy fahaizany sy ny fiarovan-tseza befahantany.

MANIRATSIRA

Ohatra iray ity. Ny mpanao politika ihany no isan'ny fositra iray manimba ny fiarahamonina. Mahatonga ny tsy fanajana ny lalàna velona. Mahagoragora ny fifampifehezana. Mahatonga ny vahoaka ho tsy tan-dalàna. Iza indray no tsy mahalala fa rehefa akaiky ny fifidianana, na zavatra hafa ilàna vahoaka, dia mivahavaha avokoa ny fifehezana sy ny fifampifehezana rehetra eo amin'ny fiarahamonina, ka tsy mampaninona ny mpanao-politika-mpitondra ny manapi-maso amin'ny tsy fanarahan-dalàna etsy sy erca. Tonga amin'ilay fiteny ankehitriny hoe : « mandeha ho azy », ka izay mbola mba mahatsiaro tena kely amin'ny fanajan-dalàna indray no heverin'ny sasany ho...adala !

Vokany : ratsy, satria ny lalàna mihitsy no manjary tsy misy heriny, tsy misy hasiny intsony.

Manamafy izay : raha misy lalàna mivoaka, ohatra, mandrara ny fanaovana itsy na iroa, herinandro ihany izany, raha maharitra,

no mihatra sy voahaja, fa avy eo dia adino sy tsy misy miresaka intsony. Tsy mahagaga raha mandeha amin'ny tsy tokony alehany ny fiarahamonina.

Mpanao politika diso « manambitamby » vahoaka amin'ny tsy tokony hanambatambazana, no fototry izany. Matoa manao izany izy dia tsy tanterany izay tena nifanarahany tamin'ny vahoaka, ka io fomba mamohehatra, mamery hasina sy haja ny lalàna sy ny Fanjakana io no mba vaha olana hitany, hanavotana ny tenany sy ny tombontsoany. Tsy nosaintsaininy akory ny mety ho vokadratsin'izany aoriana.

Ohatra iray hafa koa.

Mbola ny mpanao politika koa no loharano ipoiran'ny tsolotra sy ny kolikoly isan-karazany. Ny fanaovan-draharaha sy ny fahazoan-javatra miankina amin'ny « fahalalana olona ». Fahazarandratsy nampitain'ny ambaratongam-pitondrana isan-karazany, hatrany amin'ny farantampony, ka hatraty ambany, aty amin'ny vahoaka io.

Tsy misy raharaha vita mora mihitsy, na dia ny tsotra sy ny ara-dalàna izao, raha tsy mahalala olona, na « mandrotsaka » fotsiny izao. Indrindra moa raha misy tsy dia « ara-dalàna » izay ilay raharaha. Ny amin'io indray dia arakaraka ny tsy maha ara-dalàna azy, no hiakarana amin'ny ambonimbony hatrany, ka tsy maintsy vita foana no anarany, rehefa tonga any amin'ny farantampony « mahavita azy » ny raharaha... Mahita izany ny aty ambanimbany dia...mba samy manao izay tandrifiny e !

Eto dia ny hasim-panjakana mihitsy no voazimbazimba, satria voavidy vola ! Ary tsy maintsy midehaka amin'izany ireo nahay « nihetsika » : « izay manao raharaha amin'ny Fanjakana koa ve ? »...

Ny mpanao politika ihany no mamery hasina ny Fanjakana sy ny lalàna. Mandrora mitsilany...

Tsy ny mpanao politika irery angamba, hoy ny sasany, fa manana ampahan'andraikitra amin'izany koa ny vahoaka. Mety ho marina izany. Jereo tokoa itony fisainam-bahoaka « mamosavy » ny mpanao politika itony.

Mitsingilahila izay moa io seza politika io. Tsy dia marin-toerana loatra. Tsy hitahita akory dia mampidaraboka. Ny tena anefa mba efa teny an-tampony teny ihany, ka raha hiverina amin'ny fiainana teo aloha, (izany hoe hiverina hanofa trano na handeha amin'ny fiara fitateram-bahoaka), dia mba « hafahafa » ihany. Dia hoy ilay fisainam-bahoaka « mamosavy » mahita izany : « izaho ve no teo izao...taona, na volana, dia tsy hanan-trano sy fiara fa ...vendrana ! » Koa alaim-panahy ihany ny mpanao politika marivo salosina hanaonao foana. Tsy izay tokony ataony no imasoany, fa ny hanangonana ireo amin'ny fomba rehetra aloha, mba *hitsinjovana ny vodiandro merika.*

Na ny vahoaka aza izany dia mihevitra fa tena fanangonan-karena ny fanaovana politika, ary fananganana harena ny fidirana eo amin'ny fitondram-panjakana. « *Bingo ny mpitarika, ka manjary tsy mahitsy fandeha ny mpanaraka* ! »

Hevi-diso tsy noezahan'ny mpanao politika nahitsy io, fa maika koa aza nohamafisiny eo amin'ny fihetsiny sy ny ataony. Ary izany indrindra no mahatonga ny mpanao politika malagasy tsy misy mivoaka madio, fa dia arahin-dromoromo hatrany, nandritra izay 50 taona izay.

Nahoana tokoa moa no tsy arahin-dromoromo ? Ny mpanao politika nahazo seza, mitombo harena tsy misy ohatr'izany; ny vahoaka sy ny Firenena anefa miha-mahantra andro aman' alina !

Mbola mikasika ilay hasim-panjakana nopotehan'ny mpanao politika ihany. Ny mpanao politika miaro seza no voaresaka teo, fa ny mpanao politika mitady seza koa dia mandray anjara mavitrika amin'io fanapotehana io.

Ny fisehoan'izany matetika dia eo amin'ny fitariham-bahoaka haniratsira Fanjakana, na dia manodoka dia manodoka aza ny fiantsoana azy : « tolom-bahoaka ! ».

Azo atao tsara ny manohitra ny mpitondra Fanjakana. Mazava ny amin'io, satria izay rahateo no nifanarahana. Saingy ny fanoherana atao dia tokony ho fanoherana MITAIZA vahoaka hahay sy hahafantatra ny tsy mety tokony hotoherina. Hahaizany manohitra...

Ny zavamisy hatramin'izao mantsy dia fanoherana-fanapotehana tsotra izao. Tsy itsinjovana ny ampitso. Tsy ijerena izay mety na tsy mety marina ataon'izay mpitondra fa ikendrena izay hianjerany fotsiny ihany.

Koa tarihina amin'izay làlana izay amin'ny fomba rehetra ny vahoaka, ary atao avokoa eto na famingavingana, na fanaratsiana, hatramin'ny fanompana mihitsy aza.

Vokany : miongana ihany anie ny mpitondra atao izany e ! Saingy ho saro-kosehana eo amin'ny vahoaka (satria efa nitaizana azy) ilay toetra maniratsira Fanjakana. Toetra hanahirana ny mpanao politika nahaongana io rehefa anjarany indray no mitondra. Hihen-danja eo amin'ny vahoaka mantsy ny hasina sy ny fahefam-panjakana, satria hay moa azo atao ihany ny maniratsira sy mamingavinga ny Fanjakana, ny lalàna ary ny mpitondra.

Manamarina izany ny fahasahiranan'ny ambaratongampitondrana ao amin'ny Fanjakana taorian'ireny « tolom-bahoaka » tamin'ny 1972, nohamafisin'ny tamin'ny 1991 sy 2002, ary tamin' ny 2009. Ny mpitondra vaovao mpifehy sy mpitandro ny fampiharana ny lalàna indray no toa nanambitamby ny olom-pehezina, izay najary tsy azo nobaikona sy tsy azo natoro. Tsy azo napanarahan-dalàna...Tsy azo nosaziana akory aza, raha nisy tsy nety nataony, satria nanjary nivadika zavatra hafa ny resaka...

Ka inona moa fa tsy... Ny natao hitondra toa tsy « manampahefana » araka ny fiantsoana azy mahazatra; ny entina indray toa mihevitra fa tena tompon'ny fahefana, kanefa tsy dia mazava ary tsy dia hitany loatra izay fomba fampiharana izany eo amin'ny fiainana andavanandro, afa-tsy ny fanaovana rahom-bava sy ny fampitahorana fikomiana etsy sy eroa. Dia mila ho very hatramin' ny dikan'ny hoe : « fahefam-panjakana ». Ny tena heviny marina moa dia tsy lazaina intsony.

Izany no voka-dratsin'ny fanoherana tsy voahevitra sy tsy mitsinjo ny hoavy, ataon'ny mpanao politika *mandry amorompampana*. Izany ihany koa no mahatonga ny mpanao politika tsy hivoaka madio fa tsy maintsy arahin-dromoromo hatrany.

Araka izany, mila mpanao politika mahay manohitra, satria aiza moa no ahaizan'ny vahoaka manohitra raha ny mpanao poli-

tika manentana sy mitarika azy aza tsy mahay izany akory ! Tsy fahaizana manaratsy sy mitsikera befahantany no tian-kolazaina eto, fa mbola ilay fahaizana ny fitantanam-pirenena sy fifehezana tsara ny raharaham-panjakana ihany.

Tsy maintsy mitombina sy marim-pototra tsara, mifanaraka amin'ny zavamisy tsy mety sy tsy mahomby eo amin'ny fitantanam-pirenena ny fanoherana, fa tsy vitan'ny fahaizana manaratsy sy fahaizana mitarika haniratsira fotsiny. Faran'izay mora tokoa mantsy ny manapotika sy ny manongana. Indrindra raha mifanandrify amin'ilay fotoan-tsarotra mampikaviavia ny fitondrana misy iny. Mora ny manao izany fa ny manarina ny nopotehina no raharaha hafa. Satria raha tsy fantatry ny mpanao politika vao hahazo seza akory izay miandry azy ao, fa may amin'ny tombontsoa manokana sy ny voninahitra izy dia tena ho sahirana.

Ny fanoherana tena izy, araka izany, dia tokony hanana fandaharan'asa marim-pototra (tokony « mandeha ho azy » io) enti-mandresy lahatra ny vahoaka eo amin'ny hatsarany sy izay mety ho fahombiazany, raha ampitahaina amin'izay ampiharin'ny mpitondra.

Tsy maintsy hanana ihany koa volavolan-tetibola mifandraika amin'izany, satria io no miantoka ny tena fahombiazana eo amin' ity lafiny ity, fa tsy fandaharan'asa tora-po sy resabe misavoana fotsiny.

Ny hita hatramin'izao mantsy dia toherina hatrany ny tetibola aroson'izay mitondra, kanefa rehefa ny mpanohitra no tonga eo amin'ny fitondrana, dia tsy mandroso tetibola hafa sy miavaka akory izy, fa ny an'ny teo aloha notoheriny ihany no entiny hanatanterahany ny « fandaharan'asany »... Hay ny nanoherany izany tsy noho ilay tetibola tsy nahomby akory, fa noho ilay izy *tsy izy no nitantana* azy !

Tena « ady seza » mba hikendrena tombontsoa fotsiny ny toy izany, satria tsy mba tonga any amin'ny tena fotony sy ny votoatiny akory ny ady hevitra.

Marihina fa tsy vitan'ny fananganananganana antoko na fikambanana etsy sy eroa, sy ny famoahana fanambarana an-gazety manohana an'izatsy, na manameloka an'izary fotsiny intsony

mantsy ny raharaham-pirenena, tsy vitan'ny kabary tsara lahatra sy ny resaka matavy intsony, fa raha vitan'izany dia efa ela i Madagasikara no isan'ny firenena matanjaka.

Amin'izao mantsy dia toa tsy dia misongadina loatra izay mba firehana mazava ananan'ny ankolafin-kery politika malagasy. Toa manjavozavo..., fehezan-teny baiko (« *slogans*») no betsaka, fipasohana ny efa malama no androatokony, ary tetika an-dàlana no mameno ireo.

Ny mampihomehy aza dia ity : misy antoko politika samihafa, tsapa mibaribary izao fa mitovy hevitra amin'ny lafiny maro, ary tsy hita loatra izay anavahana azy, kanefa dia mifanohitra sy tsy mifampitsitsy rehefa mba misy sehatra ifandonana iny. Atao ahoana fa samy mba te ho any e...!

RENIVOLA

Nanombohana ny resaka teny am-piandohana ny amin'ny « asa politika », voalaza fa asa tena « mamokatra »..., mampanankarena haingana ny mpanao politika mahay « mihetsika » amin'izany.

Maro karazana io « fihetsehana » io : ao ny fanodinkodinana isan-karazany, ny fandraisana kolikoly sy tsolotra, ny fampiasana ny fahefam-panjakana ho fanangonan-karena...

Tsorina aloha fa tsy eto Madagasikara ihany no ahitana ireo tarehin-javatra ireo, satria saika ny firenena rehetra, na ny matanjaka na ny mahantra, dia misy izany jiaby. Ny maha samihafa azy fotsiny angaha dia izao : ny any amin'ny olona mba sady mahafehy tsara ny fitantanam-panjakana ny mpitondra, no tsy dia tendan-kanina loatra, ka na « mamely » aza izy, ny raharaham-pirenena mizotra tsara ihany. Izany hoe, azo lazaina ho miaramitombo eo ny hareny manokana sy ny haren'ny fireneny. Koa tsy dia mibaribary loatra ny halatra sy ny tsy mety. Kanefa « halatra » moa izany, ka tsy azo ekena ihany !

Fa ny aty amin'ny tany toa antsika kosa, izay sady efa mahantra, no tsy dia ampy renivola loatra, dia tsy mba toy izany. Matetika tendan-kanina loatra ny mpitondra, ka na ny fitantanam-

pirenena aza dia zary miasa tsotra izao ho amin'ny tombontsoany manokana. Impiry no nandrenesam-peo fa nahatsangana orinasa na lasan'ny mpanao politika ranona... ny orinasa atsy sy aroa...

Tsy misy maharatsy izany, satria mba mandray anjara amin'ny fampandrosoam-pirenena ny fitsanganan'ny orinasa toy izany. Saingy misy « indro kely » ihany...

Maro ireo te hanangana orinasa, misy mihitsy aza ireo nanokan-tena amin'izany, nandany mondron-kery sy ron-doha, saingy tsy tafavoaka (satria tsy mba mpanao politika nahazo seza, na tsy mahafantatra mpitondra ...). Ny an'ny sasany anefa toa ny fandalovany eo amin'ny fitondrana no nahatsanganany renivola, ka nahatonga azy ho mpandraharaha ara-toekarena vaventy, ankoatra ny maha mpanao politika goavana azy !

Avy aiza no nipoiran'izany renivola izany ? Nahoana no toa dia mora ho an'ny nahazo seza no nahazo azy, saingy tena sarotra loatra ho an'ny tsy tafiditra « am-bala » ?

An'ny rehetra no mamaly izany. Ny homarihina kely fotsiny dia ireto : alaim-panahy hatramin'ny tena mpandraharaha ankehitriny hirotsaka mivantana eo amin'ny sehatry ny politika. Tsy tokony hanao izany ireo raha ny marina, satria efa raharaha sarotra ny fandraharahana, kanefa voatery ihany, satria iharan'ny fifaninanana tsy « mihaja » sy tsy ara-dalàna avy amin'ny mpanao politika-mpandraharaha. Tsy misalasala mantsy ireto farany mampiasa ny fahefam-panjakana eo am-pelantanany; mba hampandeha tsara ny fandraharahany.

Mahatsiaro ho voa mafy sy iangarana, araka izany, ny tena mpandraharaha, ary mety ho potika mihitsy aza ny orinasany, ka ny hitany fa vahaolana dia ny firotsahana eo amin'ny politika, nefa mazava ho azy fa tsy hitondra vokatsoa loatra ho an'ny fampandrosoam-pirenena marina izany, satria raha samy hiady fo amin'ny fampiasana ny fahefam-panjakana ho fampitomboana ny ambaindain'ny tena manokana, dia tsy ho lasa lavitra ny Firenena.

Manaraka izany : ekena fa tany mahantra ny aty, ka sarotra hanangonana sy hananganan-drenivola. Ny mpahay toekarena dia hilaza fa tsy ampy na tsy misy mihitsy ny fananganana

tahiry... Ary eto no miditra ny resaka famatsiam-bola avy any ivelany. Satria tsy ho ampy ny mpanao politika mihitsy ny vola vokatry ny asa eto an-toerana. Sady tsy dia heveriny ho zava-dehibe loatra io hatramin'izao. Koa isisihana fatratra ny fifanarahana ahazoana fanampiana sy fisamboram-bola avy any ivelany, iadiana fo mafy io mba ahatondraka vola eto an-toerana. Satria rehefa mitondraka izany dia tsy maintsy ahitana hirika foana ny hamiliana azy, na dia eo aza ny fanarahamaso ataon'ny mpanome sy ny mpampisambotra.

Koa tsy mahagaga raha tsy miteraka fampandrosoana loatra ireny vola avy any ivelany ireny, satria matetika tetikasa latsabidy tsy mifanaraka amin'izay voarakitry ny antontan-taratasy mifandraika amin'izany no hajoro, ka tsy dia tomombana loatra ny raharaha, na koa tetikasa tsy dia mitera-pahombiazana loatra, noho ny fisian'ny ambadika isan-karazany tsy mifanaraka loatra amin'izay tena kendrena, ary mety tsy misy ifandraisany akory amin'ny fampandrosoana marina... (Manginy fotsiny amin'izany -mbola manampy trotraka- ny karama an-tapitrisany maro omena ireo « manampahaizana manokana vahiny » izay tsy maintsy miditra ao anatin'ny vola nosamborina...).

Ny maha fanampiana manampy amin'ny fialàna amin'ny fiankinan-doha izany aloha dia resabe ventesin'ny mpanao politika fotsiny, na dia izany tokoa aza (?) no kendren'ny mpamatsy vola sasany (hono ?) ary isan'ny antony hanomezany.

Ny zavamisy mantsy dia mifanohitra tanteraka amin'io tononkira ventesina io : fa arakaraky ny fidiran'ny fanampiana avy any ivelany -na fanomezana izany na fisamborana-, no toa maika koa maha lalim-paka ny fiankinan-doha, mahatonga ny fandrosoana miha manalavitra hatrany.

Mazava ny antony hoy isika. Hihazakazahan'ny mpitondra fatratra ny mitady famatsiam-bola avy any ivelany, fa io ihany no vahaolana... Ny hery hafa tokony hiteraka fampandrosoana anefa -ny asan'ny mpiasa eto an-toerana sy ny vokatr'izany- dia tsy nomena lanjany firy, ary nanjary tsy nanome lanja ny tenany koa, ka tsy mihevitra akory fa tena isan'ny loharanom-pampandrosoana ny Firenena mihitsy. Hany ka mba lasa miandrandra

fanampiana avy any ivelany koa. Dia eo no mihitsoka ny raharaha : ny famatsiam-bola avy any ivelany, tsy mahavaly ny hetahetam-bahoaka; ny hery ato anatiny toa very maina tsy miteraka afa-tsy « lamokam-pandrosoana », hatramin'izao aloha !

Ilaina ny famatsiam-bola avy any ivelany. Raha ny zavamisy amin'izao fotoana izao dia tsy iadian-kevitra izany. Mila izany tokoa mantsy ny hery eto an-toerana mba ahatonga azy hamokatra tsaratsara sy bebe kokoa. Marina tokoa ny an'ny mpanao politika rehefa miventy indray izy hoe « famenony fotsiny ny fanampiana avy any ivelany »...Kanefa moa tsy dia izay loatra ny fahamarinana ampiharina, satria raha ny zavamisy dia toa ilay famenony indray no lasa « ventin-javatra » sy ipetrahan'ny fanantenana rehetra, isaky ny misy zavatra kely atao. Koa hisy fampandrosoana ho vanona ve raha *hanantena harin-drahalahy* lava eto !!!

Ny iafarany dia tsotra : tsy maintsy mitombo hatrany ny trosam-pirenena, satria ny vola nosamborina toa tsy manampy ny hery eto an-toerana amin'ny famerenana izany akory...

Tsy maintsy hiankin-doha lava amin'ny any ivelany ny Firenena, satria ny fitondrahan'ny vola avy any ivelany eto no tombontsoan'ny ankamaroan'ny mpanao politika, izay tsy vitan'ny mandainga amin'ny vahoaka, fa mbola mamitaka ny mpamatsy vola iraisam-pirenena ihany koa (no sady fitahin'ny mpamatsy vola sasany... ?).

Efa niresaka fandraharahana ara-toekarena ihany teo, koa tsara raha asian-teny ity lafiny iray ity. Dia ny mikasika indrindra ny « fampirisihan'ny mpanao politika ireo mpandraharaha vahiny mba hampiasa ny volany eto Madagasikara ».

Lafiny iray tena imatimatesan'ny mpanao politika io hatramin' izay. Fa izay mpanao politika manao fitsidihana any ivelany, dia tsy manadino mihitsy ny « fifampidinihana » amin'ny mpandraharaha vahiny, izay voalaza hatrany fa manam-pikasana tokoa hampiasa ny volany eto.

Taratra eo tokoa amin'izany ny maha zava-dehibe an'io, ho an' ny mpanao politika, ary azo lazaina fa somary ampandeferina ihany ny mpandraharaha teratany (na dia eo aza ireo fampikaonan-doha azy ireo mba « hiara-mandraharaha »...)

Voalaza ombieny ombieny rahateo koa moa fa « tombontsoam-pirenena ny fidiran'ireo mpandraharaha vahiny ireo eto », satria mitondra fampandrosoana izy ireo, amin'ny alalan'ny làlambarotra vaovao, ny tekinolojia, ny famoronana asa, ny fampitomboan-ketra...

Marina izany, indrindra raha ireo lafiny ireo no ijerena azy. Saingy tokony hazava tsara ny fipetraky ny resaka. Ny ahiahy tsy mampihavana mantsy dia mitovitovy amin'ny fipetraky ny famatsiam-bola avy any ivelany ihany.

Ankoatra ny tombontsoa isan-karazany (ara-bola, ara-politika -satria mampihena ny disadisa politika eo amin'ny Firenena ny fiforonan' asa-...) mety ho azon'ny mpanao politika avy amin'io fampirisihana ny mpandraharaha vahiny io, dia misy ihany tokoa ny ahiahy manao hoe : sao dia ankinina loatra amin'ny mpandraharaha vahiny indray koa ny fampandrosoana ny Firenena ?

Satria, eo anatrehan'ny tsy fandehanan-draharaha sy ny olana ara-toekarena mianjady amin'ny vahoaka, dia mety alaimpanahy ihany ny mpanao politika handray io fepetra tsotra indrindra io, ka tsy hisaintsaina akory izay mety ho vokatr'izany aoriana.

Hita ihany mantsy ny fidehaky ny mpanao politika mpitondra, rehefa misy vahiny mikasa hanangana na nahatsangana orinasa izay. Sahany tsotra izao ny manasokajy izany ho isan'ny zavabitan'ny fitondrany. Sarotsarotra ho an'ny vahoaka rahateo ny manavaka izay sokajin'orinasa any, ka dia afaka manao be filaza eo ny mpanao politika. Ny tena asongadina moa amin'io dia ny famoronana asa, fa io no mora azon'ny vahoaka, satria tena olana mamely mafy loatra ny zana-bahoaka ny tsy fisian'asa. Koa rehefa misy ny asa, na iza mampiasa na iza, na dia tsy zarizary aza ny karama, dia mahazo mandihy ny vahoaka, rehefa ampandihizin'ny mpanao politika.

Adino tanteraka eto - atao ahoana moa fa izay angaha ilay fahantrana... ?- fa dia ho mpiasan'ny vahiny fotsiny izany ny ankamaroan'ny Malagasy, na ny nianatra, na ny tsy nianatra, na dia eto amin'ny taniny aza !

Tsy fitiavan-tanidrazana tafahoatra no anoratana izany, satria ny mpanoratra dia manaiky fa ilaina ny fidiran'ny mpandraharaha vahiny mitondra ny volany eto. Manatevina ny hery ara-toekaren' ny Firenena izany, raha tsy hilaza afa-tsy izay fotsiny.

Saingy mba tsara homarihina ihany fa tsy « mpanao asa fanasoavana » anie ny mpandraharaha vahiny e ! Na dia toa izany aza no fisainana tian'ny mpanao politika sasany hilentika ao an-tsain'ny vahoaka. Fa toy ny mpandraharaha rehetra dia tombontsoa sy tombom-barotra no katsahiny. Izany hoe : tsy hitondra ny volany eto izy, raha tsy tena azony antoka fa hiverina any amin'ny tany niaviany ny volany, miaraka amin'izay tombony...

Tsy maintsy hisy ihany ny ampahany hijanona eto an-toerana, na dia ny hetra sy ny karaman'ny mpiasa fotsiny aza, kanefa ampy hanosehana sy hanatevenana ny fampandrosoam-pirenena ve izany ?

Tsy misy maharatsy ny fidiran'ny mpandraharaha vahiny eto, saingy mba misy fepetra fototra tokony hapetraka sy hajaina, toy ny hoe : « famenon'ny orinasa teratany fotsiny ny orinasa vahiny ». Raha ny marina izany dia izay famokarana tena hita fa mbola tsy voafehin'ny teratany no omena ny vahiny, ary mbola maro tokoa izany.

Raha toa mantsy avela ataon'ny vahiny malalaka izao rehetra izao, dia tsy ho lasa lavitra intsony ireo orinasa teratany. Raha hanana fahalalahana tanteraka ny orinasa vahiny dia tsy ela akory dia hifehy tanteraka ny toekarena anatiny izy ireo.

Koa raha sady efa miankina amin'ny any ivelany eo amin'ny famatsiam-bola isan-karazany sy eo amin'ny vidim-bokatra fanondrana, no mbola hiankina amin'ny vahiny koa eo amin'ny famokarana anatiny, dia inona fa tsy resabe fotsiny sisa ny fahaleovantena sy ny fampandrosoana ary ny tsy fiankinan-doha, tononkira mamin'ny mpanao politika.

Tsy tokony hanao *fiaron'amboalahy antitra* anefa eo amin'izay lafiny izay, fa avelao ny vahiny ho avy, hifanatrehana. Ny tokony apetraka tsara kosa dia izao : na dia tsy hanampy ny orinasa teratany aza ny mpanao politika, dia tsy tokony hanao izay

hahapotika izany avy amin'ny fanomezana vahana be loatra ny mpandraharaha vahiny mahay « mihetsika » any ho any..., ka zary mamery hasina sy tsy mampanan-kery ny lalàna velona, ho amin'ny tombontsoan'ny vahiny !

Avy amin'izay voalaza rehetra teo, ny mpanao politika no tena isan'ny nahatonga ny tsy fandrosoana, nampandamoaka ny fampandrosoana... Zavamisy hafa :

Arisika dia arisika ny vahoaka, indrindra ny vahoaka tantsaha, hamokatra sy hiasa mafy. Izay rehetra tonga teo amin'ny fitondrana dia mitovy tononkira avokoa amin'io lafiny io. Mahavalalanina sy mahakivy ny vahoaka ihany anefa izany, satria ny iainany sy tsapany dia efa tena miasa mafy mihitsy izy. Ny tantsaha fotsiny, ohatra, dia tsy misy afa-tsy asa no mameno ny fiainany : mivoaka maraina vao mangiran-dratsy, tsy mody an-trano raha tsy maizim-bava vilany, ary tsy sanatria mandanilany andro eny an-tsaha, fa tena « miantoka aina » mihitsy.

Raha jerena fotsiny ireo faritra maro eto Madagasikara, indrindra ny faritra afovoany mitomandavana, dia manomboka vita asa avokoa na dia ny tendrombohitra tsy tokony asaina aza. Tsy ambakan'izany ny any anindrantany rehetra any, izay efa ahitana hôraka lavitra dia lavitra tanàna.

Na izany aza anefa dia mahazendana fa tsy tafavoaka ihany, fa toa tena mamikotra Rafahantrana.

Koa rehefa manaika ny mpanao politika manao hoe : Miasà ! Mamokara ! Ampitomboy ny vokatra fa tsy ampy ! Fa izany hono mantsy no fiadiana mahomby indrindra handresena ny fahantrana, dia tsy hitan'ny tantsaha intsony izay hatao. Ahoana no fomba mbola hampitomboana ny asa ? Ny vokatra ?

Efa tena miasa tokoa ny tantsaha, satria tsy manao afa-tsy izany izy mandritra ny fiainany. Saingy ny vokatry ny asany dia tsy mahavita mihitsy hampivoatra izany asany izany, ka hampitombo sy hanatsara ny vokatra.

Jereo ! Ny vola avy any ivelany (na nosamborina na nomena), na vidim-bokatra namidy tany ivelany, dia mijanona an-tanan-dehibe ny ampahany betsaka amin'izany, fa tsy tafaverina any amin'ny tantsaha mpamokatra, izay tena mila mampitao ny asany.

Satria raha tsy maintsy ampitomboina ny asa sy ny vokatra, dia tsy ny ain'ny tantsaha fotsiny no terena hanao izany, fa tsy maintsy vory avokoa ny fepetra isan-karazany ahafahany manatanteraka izany, mba hanamaivana kokoa ny asany sy hamokarany bebe sy tsaratsara kokoa. Satria *ny tany mena tsy mirehitra*, ary atao ahoana no *fizaka ny tsy eran'ny aina* ?

Mba mila valin-kasasarana, ankoatra ny vokatra, ny tantsaha. Mila fiarovan'aina indrindra indrindra, fa raha tsy izany tsy hisy vokatra hanjary eo.

Hatramin'izao mantsy dia « *miasa jamba rafozana* » hatrany ny tantsaha ! Sokajin'olona tena mamelona ny Firenena izy, nefa na dia izay fanafody hitandrovany ny ainy aza, tsy tonga any aminy akory. Maika moa fa ny zavatra hafa izay tena ilainy mba hana-tsaratsarany ny fiainany. Ny amin'ny fandriampahalemana dia tsy asian-teny intsony, fa dia mionona fotsiny amin'ny hoe « *ny kely anananao aza mbola halaina aminao* », ka dia aoka fotsiny !

Tsy mahagaga raha tsy hita soritra eto Madagasikara izay fiorenam-pakan'ny fandrosoana, satria tsy voafafin'ny mpanao politika mihitsy hatramin'izao ny masombolin'izany.

Fitrosana any ivelany hatrany no vahaolana arangarangan' ny mpanao politika, kanefa iza ity hamerina ny volan'olona ? Satria ny tantsaha mpamokatra harena tsy hahavita izany, fa tsy ampy fitaovana, no sady efa mikomy mangina koa ny maro aminy, mandositra ny fambolena sy ny fiompiana, fa asa tsy araky ny aina intsony io, no sady tsy mitera-bokatsoa, fa fatiantoka aza no betsaka azo ao.

Kabary efa mahazatra, nataon'ny fitondrana nifanesy teto ny hoe : 80%n'ny Malagasy dia tantsaha avokoa, kanefa toa zary fampandriana adrisa fotsiny izany, fa tsy hita akory izay mba ezaka misongadina enti-manatsara ny asa sy ny fiainan' ny tantsaha.

Andraikitry ny mpanao politika « zanaka am-pielezan'ny tantsaha » izany rehetra izany, fa izy ireo no nisolantsolana hitantana ny Firenena.

Tsy hoe tsy fitiavana mpanao politika akory no ilazana izany, fa mba fikatsahana ny hahatsara zavatra ihany. Satria tsy mety

raha *mifandevi-...maloto an-tsalaka* eto isika mianakavy, fa raha izany mantsy dia isika ihany no ho maimbo eto amin'ny farany.

Sady koa tokony mba efa hanana ny tsara amin'izay ny Malagasy. Mba mendrika izany koa izy ! Ny tsara ? Izany hoe mpanao politika tena MATIHANINA, tena mahafehy tsara io raharaha io, tena manana sitrapo sy risipo tsara ! Fa tsy mpanao politika *natao ho hitsikitsika ivavahana*, kinanjo *izy indray no nipaoka ny zanak'akoho*; tsy mpanao politika *nantenaina hanirina, kanjo izy indray no nampivandravandra* ! Tsy mpanao politika tsy mahay afa-tsy ny mampihena ny risipom-bahoaka, izay efa sasatry ny *mitatatra ho an-dRainilezafy* lava izao !

MISARA-BAZANA

Lafiny farany tsy maintsy jerena mikasika ny mpanao politika, dia ny « fampisaraham-bazana ». Mety tsy dia fanahy iniana izy ity, fa vokatry ny tsy fahatsiarovantena, ny tsy fijerena afa-tsy ny eo ambany orona, ary ny fitompoan-teny fantatra ihany.

Matoa moa mpanao politika izay, dia tsy maintsy manana « hevitra » ijoroana sy itompoina. Mazava ho azy aloha fa ho an'ny mpanao politika iray dia io hevitra ijoroany sy itompoany, io no inoany tanteraka fa marina, ary dia ilofosany tokoa ny mampanjaka io.

Tsy misy azo kianina hatreo, fa tsy misy ohatr'izany mijoro amin'ny hevitry ny tena izany, indrindra moa raha marina tokoa ilay hevitra. Saingy ny hevitra moa dia hevitra ihany. Fa raha mbola hevitra izay fotsiny izany dia tsy hita loatra izay maha marina na maha diso azy. Ny mpanao politika koa mahay mampanodoka ny hevitra aposany.

Saingy, voalohany, efa fantatra ny ambadika kinendrin'ny ankamaroan'ny mpanao politika, ka na manodoka toa inona aza izany, dia tsy zava-dehibe loatra ny « hevitra », fa dia toy ny atentina fotsiny ihany. Mba tsy ilazan'ny mpitazana hoe « mpanao politika tsy manan-kevitra », dia tsy maintsy mba mamoaka na dia hevi-dravina hita mibaribary izao fa tsy hahazaka fitantanam-pirenena mihitsy aza.

Voambolana sy fehezan-teny mipoapoaka fotsiny no tena mampisongadina ireny « hevi-dravina » politika ireny, toy ny hoe « fahantram-bahoaka », « tolom-bahoaka », « an'ny vahoaka ny fahefana »..., fa rehefa tena fotorana izay ao anaty vilany, izay mba fanafody tena mahasitrana raiketin'izany, toa tsy hita be ihany, toa tsy misy akory aza, fa dia ireo voambolana sy fehezan-teny ireo ihany no miverimberina.

Mba misy ihany ny mpanao politika mba manan-kevitra mety ho tsara. Tsy jiolahy politika avokoa akory ny mpanao politika rehetra. Misy ihany ireo tena nianatra, manampahaizana, tena be mari-pahaizana. Mahay loatra aza angamba ny sasany, ka toa lasa lavitra loatra ny hevitra avoakany. Ho an'ny mpanao politika avarapianarana dia tsy hevi-dravina kosa ny azy. Matetika be loatra ny hevitra ananany. Mifamahofaho ao an-tsainy avokoa izao hevitry ny mpanao politika sy avarapianarana vahiny rehetra izao. Alaim-panahy ihany izy hihevitra ireny ho tena marina. Dia ataony izay ampiharana izany eto amin'ny Firenena, ka raha toa misy ny mety ho tsy fifanandrifiana (hevi-bahiny moa ilay izy...), dia mikiribiby ery izy mamolaka ny zavamisy hifanaraka amin'ny « heviny ». Izay ilay antsoina hoe « hevitra taingina ».

Ahoana anefa no tena tokony ho fipetrany ? Satria raha ny zavatra tsapa, dia io no tena aretin'ny mpanao politika avarapianarana malagasy. Miteraka ady hevitra mafotaka io. Mivoaka avokoa izao resaka isan-karazany tsy hay avahana sy tsy ahita-mitsinjo, mihambo ho mitondra fandrosoana sy fahasoavana ho an'ny vahoaka izao. Kanefa na ny vahoaka kasain-kasoavina amin'izany aza, tsy mahazo veroka akory izay tena iadiana hevitra, fa toa resaka manidina fotsiny izany aminy, ka ilay namoaka izany ihany no mahita fahafaham-po amin'izany !

Eo no itoeran'ny olana. *Ny mpanao politika avarapianarana malagasy dia tsy mahavoaka hevitra tena malagasy, mety hitera-bokatsoa ho an'ny Malagasy sy Madagasikara*, fa hevitra miankin-doha amin'ny any ivelany hatrany no amboamboarina, ka ny vokany dia iaraha-mahita sy miaina : hevitra tsy dia mamaha loatra ireo olana fototra, ary tsy dia mitondra fahasoavana loatra.

Hevitra kinga ery raha hanonona ny hoe « vahoaka », nefa

toa tsy mahalala akory ny atao hoe « vahoaka », ny « iainan'ny vahoaka », ny « ilain'ny vahoaka », ny « tombontsoam-bahoaka ». Tsy ahitam-pahombiazana mihitsy ny hevitra toy ireny hatramin'izao. Matetika aza dia fifandafarana, na fifandonana mihitsy, eo amin'ny samy vahoaka, no aterany.

Ny hany mba vokatra azo tsapain-tanana avy amin'izany dia ny fanasamatsamahana ny vahoaka ho ankolafy maro tsy tambo isaina. Toa tsy hitan'ny vahoaka intsony izay inoana sy arahina. Maro loatra ny hevitra. Maro loatra ny « mpanao politika ». Ary *izay mivoaka miseho ho babany avokoa.*

Vokany : zary *mpiray tanàna tsy mifandrandrana* ny vahoaka. Potika ny *Firaisankina* sy ny *Fihavanana*, isan'ny fototra voalohany sy lehibe indrindra ho an'ny fampandrosoana ny tany mahantra toa an'i Madagasikara. Tafiditra hatrany amin'ny tanàna faran'izay madinika ny hevi-dravina sy ny hevitra taingina, aelin'ny mpanao politika avy any an - tanan-dehibe. Hatrany amin'ny Fiangonana, toerana natao ivavahana, dia efa tratry ny aretina !

Tsy manatsara ny fifandraisana ara-piarahamonina ireny, satria ny toy itony indray no lasa mateti-pitranga : ireo izay tsy ao amin'ny antoko politika eo amin'ny fitondrana dia minia miraviravy tànana, toa miandry izay hianjeran'ny sasany fotsiny : « *aleo hanao raha mahavita* ! », hoy ny fisainana manjaka, satria moa efa samy manana izay itompoany. Dia toy izany hatrany. Koa inona no mahagaga raha miha milentika ny Firenena, satria na dia hatrany amin'ny farany ambany aza izany, dia tsy manao afa-tsy ny « mifampiandry », mba tsy ilazana hoe mifamingana ! « *Bingo ny mpitarika, ka manjary tsy mahitsy fandeha ny vahoaka* ! »

Tsy izay ihany no voka-dratsin'ny fitosahan'ny hevitra maro loatra, na dia hasoasoina amin'ny hoe « demokrasia » aza izany, fa eo koa ny « *miova andriana, miova sata* » lava izao.

Isaky ny fiovam-pitondrana, na fiovan'ny mpitondra hatramin'izao, dia toy ny vao manomboka hatrany ny Firenena. Atao izay hikosehana ny zavatra taloha rehetra, na ny tsy nety na ny ...nety. Atao izay inoan'ny vahoaka fa tsy nisy raha nanjary mihitsy talohan'izao, fa manomboka eo amin'ny fitondrana vaovao vao tena hisy zavatra ! Satria eo vao tena misy « hevitra » marina sy mafonja !

Koa tsy ilaina ny fanohizana, na fanamafisana, na fanatsarana, izay vitan'ny hafa teo aloha, fa ny fanombohana zavabaovao, hikatsahana famatsiam-bola vaovao, no atao laharampahamehana. Dia toy izay hatrany !

Ny iafarany dia *tsy mandroso tsy mihemotra* (fomba fiteny io fa raha ny marina dia tsinjo hatrany ny fihemorana...) ny fampandrosoam-pirenena, fa dia mihodinkodina eo hatrany, ka tsy mahagaga raha fanina mandraingiraingy aty aoriana.

Manginy fotsiny amin'io ny fanovan-drafitra sy anaran-drafitra !

Ny amin'io fanovan-drafitra io dia tsy mba adinon'ny mpanao politika vao « miakatra » mihitsy. Io aza no vain-dohan-draharahany raha vao mahazo seza izy. Ny antony dia izao : na dia eo aza ny filazàny fa tena fitaovana hahomby eo amin'ny fampandrosoam-pirenena ny rafitra vaovao apetraka, ny tena marina dia maha marin-toerana kokoa ny sezany ny fametrahana rafitra manohana izany hatrany ifotony.

Araka ny fiheverany mantsy, raha ilay rafitra teo aloha ihany no taingenany, dia matahotra ny hitsingilahila izy, satria fototra naorin'olon-kafa iny, ka tsy azo itokiana. Koa tsy maintsy apetraka ny rafitra vaovao, na dia mandany vola, mandany andro, mampifandafatra sy mampifandona vahoaka hatrany aza izany, no sady tsy mampisy *ZAVATRA MBA MITOETRA SY AZO ITOKIANA* eto amin'ny Firenena.

Tsy dia ny tsy fahombiazan'ilay rafitra teo aloha no antony anovàna azy, fa noho izy an'ny teo aloha izay, ka na mba nisy ampahany kely sy bitika nahitam-pahombiazana ihany aza tao dia miara-voakosoka amin'izy manontolo. Ny hasolo izany anefa tsy azo antoka avy hatrany fa hahavita mihoatra noho izay nisy teo aloha. Dia inona moa no azon'ny vahoaka atao, afa-tsy ny manaraka ambokony fa « *efa izay indray hono no fandrosoana e* ! ».

Tsy mahagaga raha vao *tsy malazo akory ny ravina nihinanana* dia efa hisy ahatsapa sahady, fa toa « *ny teo ihany no eo* ».

Io « ny teo ihany no eo » io no mba mitory ny fahatsiarovantenan'ny vahoaka, fa na inona na inona rafitra apetraka eo amin' ny fitantanam-pirenena, na inona na inona hevi-dehibe itondrana

ny Firenena, na sosialisma izay, na liberalisma, na demokrasia, na federalisma..., rehefa ny mpanao politika no « tsy izy », no sadasada toetra, dia zava-poana avokoa izany, na dia samy manodoka ambony latabatra aza !

Tena samy manana ny hanitra ho azy tokoa anie ireo hevidehibe ireo e ! Tena samy raitra ! Tsy misy ho kianina mihitsy raha ny ratsan-kevitra sy ny rijan-kevitra samihafa raiketiny ! Miova tsy ireny hivadika hasambarana tsy hita noanoa sy harena raofim-potsiny eo no ho eo ireny, rehefa dokafan'ny mpanao politika izay, kanefa -ankoatran'ny federalisma izay mbola tsy hita loatra izay tena « adiny », nefa mety ho azo an-tsaina ihany-, dia tena malaza tsy ihinanana fotsiny daholo aloha hatramin'izao. Malaza tsy ihinanan'ny vahoaka no marimarina kokoa. Satria tsy maintsy misy « mihinana » foana ao e !

FEHINY

Raha maimaika no ijerena izay voalaza hatramin'izao, dia toa tsy fitiavana mpanao politika sy politika ranofotsiny. Ary eo no mety handiso hevitra ny maro, kanefa tsy dia izay loatra no nanetsika ny mpanoratra, fa fitia tsy te hanan-dratsy fotsiny ihany.

Na dia eo aza mantsy ireo milaza fa « leo politika », dia tsorina fa ilain'ny Firenena sy ny fampandrosoam-pirenena tokoa ny mpanao politika sy ny politika. Indrindra raha mpanao politika sy politika mahavaha tsara ny olana eo amin'ny fitantanam-pirenena sy ny fampandrosoam-pirenena marina. Fa tsy mpanao politika mampiasa fotsiny ny politika ho amin'ny tombontsoany manokana. Satria dia izay tokoa no tsinjo matetika hatramin'izao.

Marina fa noho ny fivoaran'ny fiarahamonina, dia manomboka miditra betsaka eo amin'ny fitantanam-pirenena ara-politika ny sehatra ara-toekarena. Koa alaim-panahy ny sasany hihevitra fa tsy ilaina intsony ny mpanao politika sy ny politika, fa ny toekarena dia ampy hitantanana ny Firenena sy hampandrosoana azy.

Manodoka izany fisainana izany, indrindra raha tsy manana afa-tsy mpanao politika tsy dia havanana loatra izay ny Firenena, satria marina tokoa fa amin'izao fiandohan'ny taonjato faha 21

izao dia mihanaka manenika ny lafim-piainana rehetra ity resaka toekarena ity, ary toa izy irery mihitsy aza no manetsika ny Firenena.

Saingy samy manana ny sahaniny ny politika sy ny toekarena.

Ny politika no misahana ny fitantanam-pirenena sy ny fikatsahana ny fampandrosoam-pirenena amin'ny ankápobeny, ary azo lazaina, amin'izay lafiny izay, fa toy ny mpanantanteraka fotsiny ny toekarena, na dia fanoitra lehibe eo amin'izany fampandrosoam-pirenena izany aza izany.

Ny politika no mamaritra ny tetika fampandrosoam-pirenena (ny mpanao politika no manentana sy mampihatra izany...), no sady arofanina eo amin'izay mety ho fibiriokan'ny fampandrosoana ara-toekarena, izay matetika tsy mijery ary tsy mikatsaka afa-tsy tombontsoa mivaingana ho an'ireo mpandraharaha ara-toekarena.

Ny fampandrosoana ara-toekarena mantsy dia tsy natao hijery loatra ny fampandrosoam-pirenena amin'ny lafiny rehetra, na dia mandray anjara betsaka amin'izany aza izy, fa matetika ny azy dia ny fampandrosoana ny seha-pamokarana isan-karazany sy ny orinasa no tena sahaniny.

Noho izany, mila fampirindrana maty paika io, mba tsy ahatonga ireo mpandray anjara eo amin'ny toekarena (na sehatra hafa) samy hanao izay saim-pantany, ka hahatonga ny fampandrosoam-pirenana handeha ila, indrindra raha tsy tomombana tsara, ohatra, ny fitsinjaran-karena sy ny fizarana adidy (arabola...) eo amin'ny Firenena.


Ary izany fampirindrana izany dia tsy anjaran'ny orinasa na ny seha-pamokarana, fa tena anjaran'ny politika ampiharina avy amin'ny alalan'ny fahefam-panjakana.

Koa tsy azo saintsainina izany fitantanam-pirenena tsy misy politika sy mpanao politika izany. Saingy politika sy mpanao politika mahasahana sy mahafehy tsara izany no ilain'ny Firenena.

Raha toa tokoa mantsy ka mpanao politika tena « tsy izy », sy politika anarany fotsiny, no mitantana ny raharaham-pirenena, dia mazava ho azy fa tsy handeha amin'ny laoniny mihitsy ny raharaha. Handrorona aza. Satria ny manana andraikitra lehibe indrindra eo amin'ny Firenena no tsy mahavita izany.

Koa tsy dia tsy fitiavana mpanao politika sy politika loatra no tiana naseho teo, fa tonga amin'ilay Fahendrena malagasy manao hoe : « *Ny anongontsongoina ny maty, dia ny fahatahorana ny handevim-belona* », ary tsy misy afa-tsy izay.

Sady izao koa : *ny ATAO ihany anie no maha mamy na mampangidy hoditra, fa tsy ny hosoran-tantely na ny hosoran-tsakay akory e !*





MPANDRAHARAHA ARA-TOEKARENA

Isan'ny tena andrandraina tokoa eo amin'ny fampandrosoam-pirenena ny mpandraharaha ara-toekarena, indrindra ny mpandraharaha ara-toekarena teratany.

Isan'ny fanoitra lehibe amin'izany izy, satria azo lazaina fa ivon'ny famokaran-karena, raha fototr'izany kosa ny mpiasa mpamokatra sy ny tantsaha. Hery iray afaka mitondra ny lanjany eo amin'ny fanapahan-kevitra mikasika ny fiainam-pirenena izy, hatramin'ny famaritana ny politika itondrana ny Firenena mihitsy izany.

Noho izany indrindra dia mety atahoran'ny mpanao politika ny mpandraharaha ara-toekarena. Nisy fotoana aza niheverana mihitsy fa mety mampiongana fitondram-panjakana izany herin'ny mpandraharaha izany, satria, any amin'ny firenena hafa any ivelany any, dia tena mitranga tokoa izany : matanjaka dia matanjaka ny mpandraharaha, ary tena afaka mibaiko ny mpitondra fanjakana mihitsy, eo amin'ny asa na fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny tombontsoany sy ny tombontsoam-pirenena.

Tsy dia sahala amin'izay loatra ny eto Madagasikara, na dia efa nisy tokoa aza fotoana (teo amin'ny Repoblika faharoa no tsikaritra kely izany) nananan'ny mpandraharaha lanjany kely teo amin'ny fitantanana ny Firenena. Nahoraka tokoa tamin'izany ireny fihaonan'ny « mpandraharaha tsy miankina » tamin'ireo mpitondra tamin'izany fotoana izany.

Tsapa teny ihany anefa fa tsy dia ampy hery loatra ny mpandraharaha teratany. Indrindra moa tao ho ao, izay tsy nahitana fihetsehana firy, afa-tsy ny fifindran'ny aretin'ny mpanao politika tao aminy. Tsy inona izany fa ny fananganana izao karazam-pikambanana rehetra izao; ary toy ny mpanao politika dia toa izany no heveriny fa fanehoan-kery.

Kanefa moa, araka ny fijerin'ny mpandinika ety ivelany, dia arakaraka ny fahamaroan'ireny fikambanana ireny no mampihena sy mahakely hery ny mpandraharaha, satria miparitaka izy ireo, no sady tsy maintsy mbola misy fifaninanana maha kely aina

koa eo amin'ny samy fikambanana, fa izay rahateo no antom-pisian' ny fahasamihafana.

Koa raha sady efa tsy ampy renivola loatra (araka ny filazany sy ny filazan'ny mpanao mpanao politika io...), no mbola tsy miray hina koa, dia mazava ho azy fa ho maivana dia maivana ny lanjany eo amin'ny fanapahan-kevitra enti-mampandroso ny Firenena.

Noho io, dia somary lalaovin'ny mpanao politika fotsiny ny mpandraharaha, ary ny tena loza dia toa dinganina fotsiny izy tao ho ao, ka toa ny mpandraharaha vahiny indray no tena andrandraina fatratra hanao zavatra eto amin'ny Firenena. Ekena fa apetraka hatrany ny hoe « fiaraha-mandraharaha » (« partenariat ») hampiray ny teratany sy vahiny, kanefa hatramin'izao aloha dia tsy hita izay tena vokany, fa toa tsy mampisongadina loatra ny mpandraharaha teratany izany.

Toa misy izany ny fikasana hanome vahana ny mpandraharaha vahiny. Fanapahan-kevitra politika io, kanefa tsy dia azo omen-tsiny amin'izany avy hatrany ny mpanao politika, fa angamba mba misy andraikitry ny mpandraharaha ihany teo amin'ny nahatonga izany. Jereo ange !

Ny maha firenena matanjaka ny firenena iray dia noho ny toekareny tsara fototra. Ary matoa ny toekarena tsara fototra dia satria miorina amin'ny tena FAMOKARANA izany.

Ny zavamisy eto Madagasikara anefa dia izao : ny ankamaroan'ny mpandraharaha teratany sy zanatany matanjaka sy malaza dia ny *VAROTRA* (sy ny « orinasa mampitao ») no nanovozany ny heriny, fa tsy ny famokarana velively.

VAROTRA, izany hoe :

1.- Fanafarana entam-barotra vitan'ny toekarena any ivelany, sy fivarotana izany eto an-toerana ;
2.- Fanondranana akoram-bokatra -vokatra tsy voahodina-, eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

Ary dia « mamokatra » tokoa izany satria :

- Mihodina haingana ny vola, ka na kely aza ny tombony

azo, dia mitambatra haingana, ka matevina ihany amin'ny farany ;

- Tsy mila mpiasa betsaka io, ka tsy maha be adidy ny orinasa ;
- Mora tantanina sady tsy mila tekinolojia lafo loatra io, ka tsy dia maha be masonkarena.

Saingy kelikely ihany no mba anjara entin'izany eo amin'ny fampandrosoam-pirenena.

Kely satria ny tena mahazo tombontsoa amin'ny fanafarana entam-barotra avy any ivelany dia ny toekaren'ny Firenena anafarana ihany. Iaraha-mahalala mantsy ny tombontsoa azo avy amin'ny fanondranana entam-barotra voahodina mankany ivelany, koa ny fanafarana izany dia fandraisan'anjara tsotra izao amin'ny fampitomboana ny ambaindain'ny toekarena anafarana.

Kely ihany koa satria ny tena mahazo tombontsoa amin'ny fanondranana akoram-bokatra, dia ny Firenena mividy izany. Tao anatin'ny taona vitsivitsy mantsy dia zary varoboba ny akoram-bokatra eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, raha oharina amin'ny vidim-bokatra voahodina. Manome akora sy asa ny orinasa any ivelany ihany koa izany, koa dia mbola fandraisan'anjara mavitrika amin'ny fanatevenana ny herin'ny toekaren'ny sasany ihany. (Io moa dia tsy mifankaiza amin'ny toekaren'ny fanjanahantany ihany na dia « fanatontoloana » aza no iantsoana azy indray ankehitriny).

Ny dikan'izany dia tsotra : raha « varotra » no fandraharahana mahazo laka eo amin'ny Firenena dia :

- Tsy maintsy hiadam-pamindra ny fampandrosoana, indrindra raha mareforefo sy tsy dia mavitrika loatra ny famokarana ;
- Tsy maintsy hiankin-doha ny toekarena sy ny Firenena manontolo, amin'ny ankapobeny, satria dia hiankina amin' ny famarotan'ny avy any ivelany ny entam-barony eto, sy ny fividianany ny akoram-bokatra ny ... volon'andro eto an-toerana ;
- Tsy maintsy hitohy ihany ilay toekarena « faha vazaha » -

toekaren'ny fanjanahantany-. Ny maha hafa azy fotsiny angaha dia mba efa Malagasy ray Malagasy reny (ao koa ny Sinoa sy ny Karana) ireo mpandraharaha mpanafatra entana sy mpanondrana akora, fa tsy vazaha fotsiny intsony;

- Tsy maintsy hisy foana ny olana sy ny disadisa eo amin'ny fiarahamonina, satria tsy hahavaha izany ny VAROTRA, noho izy tsy mahaforona asa firy, sy tsy mamokatra tombontsoa ampy enti-manohana sy manosika ny ezaka fampandrosoam-pirenena, fa manimba izay mba famokarana kely eto an-toerana indray aza;
- Tsy maintsy ho mafy orina hatrany ny fikatsahan'ny mpanjifa malagasy entam-barotra vita avy any ivelany, ka hanaovany tsinontsinona izay mba « vita malagasy », izay tsy afaka rahateo mba hanatsara ny vokany satria vitsy mpanohana...;
- Tsy maintsy hitombo ny fitrosana sy ny fisamboram-bola, ary ny fangatahana any ivelany hanentsenana ny banga, satria inona tokoa moa no vola ividianana ireo entana nafarana ireo raha tsy misambo-bola any ivelany. Ny famokarana ato anatiny mantsy efa tsy mandeha loatra, ka tsy mahavokatra harena ampy ividianana izany akory...

Tsy maintsy mba mitady vaha olana enti-miaro seza ihany ny mpanao politika, mba handresena ny tsy fisian'asa sy ny fahasahiranana ara-toekarena. Ka ny mba hitany hatramin'izao aloha, dia io fiandrandrana tsy misy farany ny mpandraharaha vahiny io. Satria angaha ny mpandraharaha teratany tsy te hiditra loatra amin'izany famokarana izany, na koa tsy ampy enti-mihetsika ahafahana manao izany.

Misy fanamarihana kely momba izay voalaza izay alohan'ny hanohizana :

1.- Mba isan'ny mpandraharaha ara-toekarena ihany koa ny Fanjakana, satria manana orinasa lehibe amin'izany izy, kanefa ny ankamaroan'ireo dia mbola misisika any amin'ny varotra, na ny tahaka izany...

2.- Tsy mahagaga raha misy manamarika ombieny ombieny manao hoe : « *toa ho lasa mpivarotra daholo ny Malagasy* ! ». Mitombo tokoa ny mpivarotra, hatramin'ny dokàny lehibe izany ka hatramin'ny tsenakely, tsy adino ireo mpivarotra amoron-dàlana... Ny tsy an'asa, ohatra, dia tsy mieritreritra izay famokarana any, na dia zanaka tantsaha izao aza izy, fa raha mba misy hirika kely hitany iny dia ny varotra no ifanotofany. Ny varotra ihany tsinona no mba « mandehandeha ratsy » eo, satria io no mba tena entanin'ny Fanjakana sy ny mpandraharaha, na teratany na vahiny. Koa iza intsony no handany mondron-kery amin' izay famokarana any.

Misy tokoa anefa, hoy isika, ny antony mitombona mahatonga ny mpandraharaha teratany tsy hitodika afa-tsy any amin'ny varotra.

Voalohany dia sehatra mila renivola misimisy ihany ny famokarana, na famokarana inona izay na inona. Kanefa ny renivola indrindra no maha ory ny Malagasy amin'ny ankapobeny. Eo ihany ny fampisamboram-bola ataon'ny banky, saingy ny amin'io dia tsy azo antenaina loatra, noho ny fepetra isan-karazany. Tonga hatramin'ny hoe : tsy matoky loatra ny teratany ny banky...

Ny anton'io angamba dia mety hoe : tsy dia hentitra loatra ny teratany eo amin'ny fitantanana, ka tsy azo antoka ny fiverenan' ny vola, no sarotra omem-pitokisana.

Toetsain'ny Malagasy amin'ny ankapobeny mantsy, fa tsy an'ny mpandraharaha fotsiny, ny « manao izay ahazoana fotsiny aloha », fa ny tohiny dia ho hita eo ihany...

Rehefa tafiditra eo amin'ny fandraharahana moa izay toetsaina izay dia mivadika fatiantoka goavana ho an'ny mpampindram-bola... Tsy mampaninona ny banky kosa anefa ny mampindrana raha...varotra no antony indramana, satria voafetra ihany amin'io ny antony tsy hahaverenana ny vola, miohatra amin'izay mety ho antony eo amin'ny famokarana, izay tena be lakalaka tokoa.

Ny faharoa mety mahatonga ny mpandraharaha tsy hiditra amin'ny famokarana koa dia izao : tsy mba eo no ho eo toy ny

an'ny varotra ny tombony mety ho azo, fa maharitra. Mety maharitra aman-taonany mihitsy aza, ka tsy manam-paharetana amin'izany ny kelikely renivola, satria mety ho faty ankarananv fotsiny ny orinasa, raha ela loatra vao *mody ventiny ny rano nantsakaina*. Koa aleon'ny mpandraharaha aloha *tsy miantsampy amin'ny hazo tsy fantatra*...

Fahatelo, mila tekinolojia sy fahaiza-manao manokana sy matipaika ny famokarana (mifanaraka amin'ny famokarana tiankatao), izay vao mahatafavoaka vokatra afaka hilahatra amin'ny *hafa ifaninanana, na avy eto an-toerana ihany izany na avy any* ivelany. Raha tsy manana sy tsy mahafehy ireo dia ho fatiantoka, satria ho « voaboka » fotsiny amin'ny hoe « vita gasy » ! Na hamokatra aza mantsy kanefa tsy hisy hividy, dia inona fa ohatran'ny tsy nanao ihany.

Momba izay indrindra : mila làlam-barotra voafaritra sy voaomana mialoha ny famokarana. Eo amin'ny fanondranana entambarotra *mankany ivelany moa dia somary teritery ihany io, noho* ny fifaninanana. Efa ela nihetezana ny mpamokatra any, no sady efa lasa aloha eo amin'ny fahaiza-manao sy fahaiza-mitantana, ka sarotsarotra ny « *miady* » *aminy*.

Eto amin'ny eto an-toerana indray dia iaraha-mahalala ny fahefa-mividy tsy mitsaha-mikorosy sy ny toetsaina mbola mankamamy ny vita vazaha (sy ny vita sinoa koa tato ho ato)... Ka inona tokoa fa tena sarotra ny raharaha !

Santionany ihany ireo voalaza ireo, fa mbola mety misy antony hafa, toy ny sakantsakana sy teritery ataon'ny Fanjakana sy *ny mpanao politika, izay mampitaraina matetika ny mpan*draharaha.

Raha ny marina anefa, indrindra raha takarina amin'izay *voalaza hatreto, dia tombontsoan'ny mpitondra fanjakana mihitsy* ny fampandehanana tsara ny fandraharahana ara-pamokarana an'ny teratany, satria raha mandeha tsara io dia efa voavaha sahady ny androantokon'ny olana eo amin'ny fampandrosoampirenena.

Noho izany dia tokony ho andraikitry (adidiny mihitsy aza) ny mpanao politika ny manosika an-kitsimpo ny mpandraharaha ter-

atany, tsy eo amin'ny lafiny ara-panjakana ihany, fa indrindra eo amin'ny fitondrana vaha olana mifandraika amin'ireo antony tsy idiran'ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny famokarana.

Tsy izay anefa moa no zavamisy amin'izao fotoana izao, satria ny mpanao politika indray aza hoy isika no toa misalovana sy mijoro ho mpifaninana amin'ny mpandraharaha, ka tsy hita be ihany !

MIAKIN-DOHA

Eo amin'ny ezaka ho amin'ny fampandrosoam-pirenena, sy ho amin'ny fahaleovantena ara-toekarena, izay tsy maintsy mifototra amin'ny famokarana izany, dia somary mialangalana ihany ny mpandraharaha ara-toekarena. Tsy vitan'ny hoe mialangalana fa tena manamafy ny fiankinan-doha mihitsy aza ny ankamaroan'izy ireo, satria matetika eo amin'ny varotra ataony, dia mbola vola samborina any ivelany ihany koa no vola ividianany ireo entam-barotra avy any ivelany, ka amidy eto antoerana (tadidintsika angamba ny « SILI »). Mampitombo ny *trosam-pirenena izany, kanefa -mbola tsindriana ihany- ny* famokarana hany fomba ahafahana manefa trosa, tsy mandeha !

Raha izany no izy, moa ve tsy mampiraika firy ny mpandraharaha ity resaka « fampandrosoam-pirenena » sy « fahaleovantena ara-toekarena » ity ? Satria hita mibaribary fa tena miankina betsaka amin'ny fahazoany mizaka tena sy mampanjary ny famokarana ilay tena fampandrosoam-pirenena marina.

Moa ny mpandraharaha ara-toekarena mba tena « mitolona » (tsy dia azoazon'ny mpanoratra loatra io voambolana io fa tsy mandika ny ezaka amin'ny lafiny rehetra tokony hatao raha te hampandroso marina ny Firenena) tokoa, mba tsy hijanonany ho mpivarotra ny entam-bazaha sy ny entan-tsinoa eto an-toerana fotsiny, sy ho mpanangom-bokatry ny vahiny fotsiny ihany, fa dia toy izany mihitsy ny mpanondrana akoram-bokatra mankany ivelany... ?

Somary manjavozavo ihany mantsy ny hevitra sy ny fihetsiky ny mpandraharaha teratany eo anatrehan'ny fampandrosoam-pirenena. *Matetika dia ny fiarovana fotsiny ny tombontsoa efa azy* no tena imasoany, ka toa tsy mampaninona azy ny miforitra eo anatrehan'ny tsy rariny, sy mikimpy eo anoloan'ny tsy marina, mba hitandroana izany.

Eto no ahitana mpandraharaha « *misolelaka* », araka ny fitenin-jatovo, amin'ny mpanao politika, ary fantatry ny mpanao politika rahateo koa io toe-javatra io, ka dia araraotiny.

Raha ny tokony ho izy anefa dia ny mpanao politika indrindra

no tokony hanambitamby ny mpandraharaha, na dia ny fahalalana fotsiny aza fa ny « *mpanao politika mandalo* », fa ny « *mpandraharaha kosa mitoetra* ».

Tafiditra ho isan'ny fahaizana manokan'ny mpandraharaha malagasy koa ve ny fahaizana « *milomano* » ? Izany hoe « *izay tonga eo* (eo amin'ny fitondrana) *dia hipaohan-tsatroka avokoa* ». « *Izay mahery ihany no anay* ! », hoy Ramalagasy izay.

Fisainana mitory tsy fahampian-kery sy tsy fananana hazondamosina, kanefa koa fisainana mampidoàka ny tsy fananana hambo loatra, sy ny tsy finiavana mba handeha lavitra, sy hahavita zavatra tena misongadina eto amin'ny Firenena, eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ny toy izany.

« Mitolona » tokoa ny mpandraharaha matoa mivondrona ao anatin'ireny fikambanana isan-karazany ireny, saingy mba inona tokoa moa no tena vokatra azo tsapain-tanana, naterak' ireny fikambanana ireny hatramin'izay nisiany ? Nahatsangana orinasa itambarambe ve izy ireny, fa izay moa ny an'ny olona no tena mampivondrona ? Nahavita namaky lay làlam-barotra vaovao ve, fa izay moa ny an'ny olona tsy ampy hery, nefa te hanao zavatra, no tena imasoana ?

Sa dia karazana sendikà enti-miaro ny efa ananana sy mitaky tombontsoa vaovao fotsiny... ?

Tsy dia hita loatra ety ivelany mantsy ny tena vokatsoa azo avy amin'izy ireny, fa ny hany mba tazana dia ireny famoahana fanambarana manohitra na manohana fanapahan-kevitra raisin' ny mpanao politika ireny, ka miova tsy antoko politika « latsaka fahefany » ihany koa, satria toa mitady ho be ady hevitra sy karajia, manampy trotraka ny efa ataon'ny mpanao politika.

Tsy maintsy manao ireny anefa ny mpandraharaha, satria mbola ny mpanao politika aloha hatramin'izao no tompon'ny teny farany, na dia eo amin'ny sehatry ny fandraharahana aza (misy aza eo amin'ity lafiny ity dia lasa karazana « mpiasa »n'ny mpanao politika ny mpandraharaha, satria vola voaangon'ny mpanao politika avy amin'ny fampiasany ny fahefany no ampiasainy sy tantaniny... Tsy mahagaga raha samy nanana ny « mpandraharahany » ny fitondrana nifanesy).

Koa izay tsy afaka mitazona ny toerany (satria mba miaro ny toerany koa ny mpandraharaha), dia tsy maintsy miankina amin'ny hery sy ny fahefan'ny manana izany, na dia tsy tena sitrapony aza ny hanao izany. Lalam-piainana io...

Ndeha ary hatao hoe mba manana sitrapo tsara ihany ny mpandraharaha teratany handray anjara amin'ny fampandrosoana ny Firenena (nahoana moa izy no tsy hanana izany... ?), saingy, eo amin'ny lafiny iray, « *ny tany mena tsy mirehitra* », hoy ny Fahendrena ; ary eo amin'ny lafiny hafa : manimba ny risipony, mampihantona ny fahasahiany ny zava-mitranga sy ny fomba itantanana ny Firenena.

Na manana finiavana « hihetsika » aza anefa izy, rehefa fatoran'ny fahefana matanjaka noho izy, akory hatao ?

Koa inona izany no azo antenaina eo amin'ity lafiny ity ?

Raha ny famoronana asa fotsiny, ohatra, dia mampieritreritra ny fipetraky ny toejavatra. Ny Fanjakana tsy mahaforona asa firy, ary na mahaforona aza dia asa tsy mamokatra, satria asantsatsimenitra fotsiny. Ny mpandraharaha teratany koa tsy mahavita izany fa ny mandroaka mpiasa aza no ataony rehefa mitambesatra mafy loatra iny ny fahasahiranana ara-toekarena.

Inona izany fa dia toa tsy misy afa-tsy ny ... mpandraharaha vahiny tokoa sisa fanantenana, fa toa tapi-dalan-kaleha izato izy... ! Ny mpanambola vahiny koa anefa toa malaindaina, satria toa tsy dia mbola matotra loatra amin'ny hiavian'izy ireo angaha ny Malagasy, no sady mbola tsy dia mipetraka loatra ny fifampitokisana... Ka volany ve halefany amin'izany ... ?

Efa nasian-teny ihany ny amin'ny fikambanana mampivondrona ka mba marihina ihany ny toy itony.

Rehefa mba miresaka ny momba ireo « zanatany » (Karana sy Sinoa monina eto Madagasikara efa ela) ny Malagasy, dia mitsiriritra ery izy manamarika hoe : « *mahay mifamelona rizareo ireo* ! », mahay mifanampy ! Ary izany angamba no isan'ny anton'ny fahombiazany, eo amin'izay ataony.

Asa aloha na manao ahoana ny endrik'izany « mahay *mifamelona* » *eo amin'ny fandraharahana* izany, fa ny tian'ny

Malagasy holazaina angamba dia ny hoe : « *...fa ny Malagasy kosa dia tsy mba mahay mifamelona, fa mifamingana sy mifanapotika aza no tena manavanana azy* ! ».

Ary izay, araka ny fanazavan-dRamalagasy ihany io, no mahatonga ity tany ity « tsy ho tafarina » mihitsy hatramin'izao.

Dia ho marina ve izany ? Dia « *ory hava-manana* tokoa ve ny Malagasy » ?

Sarotra inoana ihany, na dia fantatra aza fa misy tokoa mpandraharaha malagasy malaindaina izay raha hifanao raharaha aminà Malagasy. Aleony mifampiraharaha tsotra izao amin'ny vahiny.

Na dia eo tokoa aza mantsy ny fanirinana tè « hifamelona », dia tena misy Malagasy sasany tsy azo itokisana mihitsy : « Be vinany ! », hoy ny fitenin-jatovo. Mahafaoka zavatra betsaka izany, toy ny soloky, ny fivadiham-pitokisana, ny fitiavan-kely, sy ny sisa...

Koa aleo ihany mifampiraharaha amin'ny vahiny, izay matetika maontina sy matotra kokoa eo amin'ny fanaovan-draharaha, ka tsy atahorana hamadika loatra. Na dia fantatra izao aza fa ho lasan'ny olona indray ny tombontsoa tokony ho an'ny Malagasy. Ka tsy afaka hamono tena amin'ny hadalan'ny sasany tsinona !!!

Na izany, na tsy izany, raha marina fa isan'ny antony ahazoana fahombiazana io fahaizana « mifamelona » io, ary anefa fantatry ny Malagasy tsara fa tsy mba manao izany izy hatramin'izao, dia toa midika izany fa tsy mitady izany fahombiazana izany izy, satria tsy mba « mifamelona », fa be resaka fotsiny...


FEHINY

Tsetsatsetsa tsy aritra ihany iny ! Fa raha ny momba ny mpandraharaha teratany, dia izao no azo amaranana azy.

Ho sarotra dia sarotra tokoa ny làlana mankany amin'ny fampandrosoam-pirenena marina sy mankany amin'ny fahaleovantena ara-toekarena, satria tsy dia sahy miroboka loatra eo amin'ny sehatra be lakalaka toy ny famokarana ireo mpandraharaha teratany. Izy ireo anefa no azo lazaina fa kitro ifaharana tsy azo dikaina eo amin'ny famadihana, eto an-toerana ihany, ny harena voajanahary, ho tena harena hampitombo tanjaka ny Firenena.

Tsy sahy miroboka... Ary tsy ifanomezan-tsiny izany, satria mbola maro loatra ny zavatra tsy voafehiny eo amin'io sehatra io, ankoatra ireo sakantsakana isan-karazany ivelan'ny fandraharahana. Omen-tsiny ihany anefa, satria toa tsy dia tsapa loatra, hatreto aloha, izay mba finiavana marina hiala amin'ny làlan-dririnina. Hany ka toa mandray anjara amin'ny fanamafisana ny rafi-toekarena mampiankin-doha hatrany ny Firenena.

Tena tsy manan-tsafidy tokoa ve ?



NY AVARAPIANARANA

« VATO NASONDROTRY NY TANY » ! Izany no fandokafan' ny vahoaka ny avarapianarana (« *havanam-pianarana* »... ?) hatramin'izay. Ary tsy hoe fandokafana fe fandokafana fotsiny ihany, fa rehefa manonona izany ny vahoaka dia manako ao anatin'izany ny « fanantenana ».

Fanantenana fa manana « *raiamandreny ara-tsaina* » (na dia zanaka aman-taona aza ny ankamaroan'ny avarapianarana) hanoro sy hitantana, hitondra amin'ny làlan'ny fandrosoána marina. Satria dia miandrandra zavatra betsaka avy amin'ireo lazainy fa *vato nasondrotry ny tany* ireo tokoa ny vahoaka. Nametrahany ny fitokisany ireo. Mahatakatra ny tsy takany ! Sady ny fisainam-bahoaka koa manamafy hatrany fa tsy mety izany « *jamba mifampi-tantana* » izany, ary « *izay adala rahateo koa no toa an-drainy* » !

Koa isan'ny tena imatesan'ny vahoaka amin'ny ankapobeny, araka izany, ny fampianaran-janaka. Nosokajiana ho isan'ny fandrosoana rahateo koa moa izany, koa dia nilofosana sy nandania-mondron-kery hatraiza hatraiza ny fananganana sekoly, « toeram-pamokarana avarapianarana ». Hatramin'ny tanàna faran'izay madinika dia manana ny azy, na dia tsy zarizary aza izany matetika.

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena indray, dia manana ny lazany manokana ny avarapianarana malagasy. Ananan'i Madagasikara avokoa mantsy izao avarapianarana avo lenta eo amin'ny sehatra maro isan-karazany izao, ary ahitana azy ireny avokoa na aiza na aiza, hatrany Eoropa, Amerika, Azia... Ny atsy Afrika tsy lazaina intsony, fa voampanga ho manao « *tsindry aloka* » ara-tsaina sy ara-pahalalàna indray aza ny avara-pianarana malagasy monina any.

Ny amin'io lafiny io izany dia tokony tsy hanana olana loatra i Madagasikara, satria raha manam-pahaizana no resahana dia : manana izy !

Saingy... Dia mbola miverina eto koa ny « saingy », izay tena mamikotra tokoa eo amin'ny fombam-pitenena sy ny fiainan'ny Malagasy.

Voalohany, araka izay voalaza teo, dia miparitaka eran'izao tontolo izao ny avarapianarana malagasy, ary azo heverina fa maro amin'izy ireny no tena avo lenta tokoa. Ny ankamaroan'izy ireny dia tsy mieritreritra ny hiverina an-tanindrazana, noho ny antony samihafa. Ireto misy vitsivitsy :

1.- Tsy mifanaraka amin'ny fahaizany sy ny haavo lentany ny zavatra atao sy misy eto amin'ny Firenena, ka tsy ahafahany mivelatra sy mampiasa ny tena fahaizany. Lasa lavitra loatra izany ny fahaizany raha miohatra amin'ny fivoaran'ny Firenena, koa tsy misy risipo izy raha ampiasaina amin'ny asa tsy mifanaraka velively amin'izany.
2.- Tsy misy asa azony atao eto amin'ny Firenena. Ka ireo nitsapatsapa mba niverina nody dia tsy tamàna, fa toa nanatevin-daharana ny tsy an'asa eto an-toerana fotsiny.
3.- Toraka izany koa ny valin-kasasarana, izay tena ambany tokoa raha oharina amin'izay mety horaisiny any ivelany. Tsy mifanaraka amin'izay endri-piainana heveriny fa mety aminy sy mendrika azy, ary efa nahazatra azy tany ivelany tany.
4.- Eo koa ny resaka « politika » izay mitambesatra sy mibahana loatra, tsy eo amin'ny sehatra ara-toekarena ihany, fa eo amin'ny sehatra ara-pahaizana amam-pahalalana ihany koa. Tsy vitan'ny *mampihen-danja ny fahaizana ny politika*, fa mbola mandany andro azy koa, amin-javatra tsy dia mamokatra loatra... Mahatsiaro ho « voatsindry » noho izany ny tena manam-pahaizana, ka aleony manaja tena...

Mbola misy antony hafa fa ireo aloha no tena asongadin' ireo avarapianarana ho antony mahatonga azy ireo tsy hamonjy fodiana, na dia misy amin'izy ireo ihany aza mba te hitodi-doha.

Samy manana ny fisainany sy ny feon'ny fieritreretany, ka tsy ifanomezan-tsiny izany. Nefa na izany aza dia tsy maintsy mba marihina ihany fa misy tokoa ny avarapianarana tsy vonona

handray anjara mihitsy amin'ny fampandrosoam-pirenena, na dia azo heverina aza fa mety hahatondra anjara biriky goavana amin'izany izy. Tsy vonona handray anjara amin'ny *adin'akoholahy* eto an-toerana izy, fa aleony mandray anjara amin'ny *adin'ombalahy* any an-tanin'olona, fa izay no fantany fa maha metimety kokoa ny fiainany.

Misy indray mba vonona ihany fa ny Firenena no tsy vonona handray azy, noho ny politika tsy miteraka fahombiazana firy ampiharina eo amin'ny Firenena. Ka inona no azony atao amin' izany ?

Mety tsy fidiny tokoa mantsy ny « *harivariva an-tanin'olona* », saingy mba mafy ihany koa ny nandany vola aman-karena sy fotoana lava nianarana, kanefa tsy ho afaka hamelon-tena akory avy eo.

Tokony hamorona asa ? Tsy ny rehetra no ahavita izany, ary iaraha-mahalala fa tsy zava-mora rahateo izany. Mora ampitenenana angamba, satria raha izay fotoana nampirisihana ny tanora hamorona asa ho an'ny tenany izay, dia efa tokony ho rakotra orinasa madinika i Madagasikara. Nefa moa na ny mpandraharaha za-draharaha aza sahirana ihany amin'ity lafiny ity, ka maika raha izay tanora tsy mbola ampy traikefa momba izany...

Toy izao ny « saingy » faharoa :

Na dia maro aza ireo avarapianarana niondrana any ivelany, dia mbola betsaka ihany ireo eto an-toerana. Raha tsy izany dia ho asa fotsiny, satria rehefa ny vato nasondrotry ny tany no lasa vokatra fanondrana avokoa, inona fa tsy tany lemaka dobondrano no ho sisa tavela...

Koa ireo eto an-toerana ireo izany no... *vato namelan-kafatra*. Ka mba ahoana ary ny amin'ilay « hafatra » ?

Tsorina avy hatrany aloha fa ny ankamaroan'ny avarapianarana malagasy monina eto Madagasikara, dia azo lazaina fa mba manana sitrapo tsara ihany. Azo lazaina fa mba mitondra izay zakany ihany eo amin'ny fampandrosoam-pirenena.

Ny madilana kely angaha dia izao : sahala amin'ny mpandra-

haraha, dia somary kelikely « hery » ihany koa izy eo amin'izany fampandrosoam-pirenena izany. Amin'ny maha avarapianarana azy moa, io heriny io dia mitoetra eo amin'ny ara-tsaina, eo amin' ny fahaizana amam-pahalalàna. Koa raha azo inoana tsy am-pihambahambana fa mahay sy avo lenta izy eo amin'ny sehatra nianarany, dia tsy hita loatra ny fiantraikan'izany eo amin'ny fampandrosoam-pirenena. Ary izay no ilazana hoe : kelikely hery ihany izy !

Nahoana tokoa moa ?

Amin'ny maha vato nasondrotry ny tany andrandraina sy antenain'ny vahoaka azy, dia andrasana tokoa izay mba fanadio-van-tsaina entiny, ka hampisava ny fahasahiranan-tsain'ny vahoaka eo anatrehan'ny ady hevitra (politika indrindra indrindra), izay tsy fantatra intsony na hitondra mankaiza, na hitondra inona...

Eo amin'ny fiarahamonin'ny Firenena mantsy, dia anjaran'ny avarapianarana, adidiny mihitsy aza, ny manampy ny saram-babembahoaka hahay *manavaka* ara-pisainana *ny vary amin'ny tsiparifary*, indrindra eo amin'ny fotoan'ny ady hevitra misafotofoto.

Raha tsy mandray adidy amin'izany izy dia maika koa hisafotofoto ny raharaha, satria samy hamokatra « hevitra » avokoa izao sokajim-bahoaka rehetra izao. Mety tsy ahafehy loatra ny fahaizana amam-pahalalàna ilaina anefa ireny sokajim-bahoaka ireny, ka dia hitompo teny fantatra fotsiny; mety hiaro « hevi-diso » araka izay tratry ny sainy mihitsy aza, ka tsy ho azo ahodina amin'izany, fa « izay no mba heviny ». Demokrasia rahateo koa moa no iainana...

Ialan-tsiny ihany raha somary manivaiva ny antsoina eto hoe « sokajim-bahoaka ». Ny tiana hambara dia izao : tsy izay « hevitra » avoaka sy mivoaka rehetra akory (na dia « hevi-bahoaka » aza no iantsoan'ny sasany izany) dia ho marina avy hatrany, tsy iadian-kevitra !

Satria ny « hevitra », indrindra raha kasain-kampiharina eo amin'ny fitantanam-pirenena izany, havadika ho fampandrosoam-pirenena marina, dia tsy maintsy ampifanatrehana amin'ny tena fahaizana amam-pahalalàna aloha. Ny fahaizana amam-paha-

lalàna ihany no manana fitaovana ampy ahafaha-mitsara ny « hevitra », sy afaka mahatsapa na mety hahomby na tsia tokoa izany, rehefa ampifanatrehana amin'ny zavamisy sy ampiharina eo amin'ny fiainana andavanandro.

Raha tsy manao izany mantsy ny fahaizana amam-pahalalàna dia mazava ho azy fa hirotsaka an-tsehatra avy hatrany ny « hevitra », ka dia hanao « *soro-baton'ilay jamba* » lava izao ny Firenena, isaky ny voadona foana vao hivily làlana, dia hihodinkodina eo, tsy handroso sy tsy ho lasan-davitra mihitsy.

Sanatria tsy fanaovana tsinontsinona ny manan-kevitra akory izany. Ny fisian'ny hevitra maro mantsy dia manamporofo fa mbola mba mieritreritra ny Fireneny ihany ny Malagasy, matoa « mitady hevitra » sy mamoaka izany. Tokony ho tsapa anefa fa mora ny « mahita hevitra », saingy ny mamadika izany ho tena fahombiazana no raharaha hafa.

MIHEN-DANJA

Marina aloha fa nihena tokoa ny hasin'ny fahaizana amam-pahalalàna tao anatin'izay taona vitsivitsy izay. Nihen-danja toa izany koa ny avarapianarana sy ny maha avarapianarana. Isan' ny voadona mafy mantsy izany tao anatin'izao fahasahiranana diavin'ny Firenena izao. Nandany ron-doha sy vola aman-karena nandritra ny am-polon-taonany maro, kanefa dia tsy an'asa toy ny rehetra ihany avy eo. Na miasa koa aza anefa, toa tsy tafavoaka noho ny mpijirika samihafa, zara raha nandia varavaran-tsekoly...

Ny avarapianarana rahateo koa, vokatr'izany « fahantrana » mianjady aminy izany, sy ny tondro molotry ny fiarahamonina, dia toa lasa miraviravy tànana ihany. Na dia tena tompon'ny fahaizana amam-pahalalàna aza, dia mba lasa koa nanatevin-daharana ny mpijirika (any no misy ny vola...) ny sasany, na mirotsaka tsotra izao eo amin'ny sehatra politika (maro ireo avarapianarana mpampianatra-mpikaroka eny amin'ny ambara-tonga ambony no efa lasa mpanao politika...) ny hafa !

Tsy misy maha ratsy ny firotsahan'ny avarapianarana eo

amin'ny sehatry ny politika. Tokony ahatsara zavatra izany. Tokony...fotsiny anefa, satria ny mahalasa eritreritra dia izao : efa mirotsaka mivantana eo amin'ny fitantanam-pirenena izany ny fahaizana amam-pahalalàna, kanefa toa tsy hita ihany izay eo. Maika koa aza miha mikatso ny raharaha...

Mety ho lasa « hevitra », toy ny hevitra tsotra rehetra fotsiny angamba ny fahaizana amam-pahalalàna, rehefa mirotsaka mivantana amin'izany. Na koa mety tsy voatanan'ny avarapianarana intsony ny fahaizana amam-pahalalàna maha avarapianarana azy rehefa mivadika ho mpanao politika izy, satria hafa ny tombontsoa arovana eto, nanjary hafa koa ny fampiasana ilay fahaizana amam-pahalalàna... ?

Fa raha natao hanadihady sy handanjalanja izany, natao tsy hiandany afa-tsy amin'ny tena fahombiazana sy ny tena fahamarinana, dia toa lasa fitaovan'ny politika fotsiny sisa, ka zary manamarina izay tsy tokony amarinina akory. Ary ny loza dia mahavita manasohaso ny tsy fahombiazana hanjary hanana endrika fahombiazana aza matetika. Dia inona fa tsy fitadiavana ilay hasin'ny tenany manokana very izany no tena nahamay ny avarapianarana tafiditra amin'izany, raha izany !

Tsy izay ihany : isan'ny adidy andrasan'ny vahoaka aminy koa ny filazana ny tsy mety, amin'ny saina tsy miangatra, mba ahafahana manitsy ny dian'ny Firenena, satria raha misy ny atao hoe « solombavambahoaka », ny avarapianarana kosa no *SAINA* sy *MASO*n'ny vahoaka, mahita ny akaiky sy ny lavitra, ny takona sy ny tsy ahariary.

Toa mangina anefa ny avarapianarana. Ny hany mba miteny dia ireo efa nivadika ho mpanao politika. Ny an'ireo anefa dia izay tiany hatao mety no mety. Fa ny an'ny tsy tratran'ny politika kosa dia : na, « *tsy anjarany izany, fa ny azy dia ny fahalalàna madio mangarangarana ihany* », na, mahatsiaro tsy dia omen-kasina loatra izy ka dia mimpirina manaja tena ...

Koa rehefa ny avarapianarana mahalala ny tsy takatry ny sain'ny sarambabeny no mialangalana, iza indray no antenaina hanao izany ? Ny « avarapianarana vahiny » koa ve ?

TENA MALAGASY

Tsy dia mamokatra fahalalàna tena malagasy loatra ny avarapianarana malagasy. Fahalalàna izay mety hanosika bebe kokoa ny fampandrosoam-pirenena. Ary izany indrindra angamba no mahatonga azy tsy dia omen-daka be loatra eo amin'ny fiainampirenena, ankoatra izay efa voalaza tetsy aloha.

Jereo anefa ! Raha nanorina ny Fanjakany teto ny Fanjanahantany, tsy nahita fahombiazana izany (fahombiazana amin'ny maha fanjanahantany azy...) raha tsy nifototra sy naorina teo amin'ny asan'ny avarapianarana mpanjanaka.

Namokatra fahalalàna tsy hita noanoa tokoa ireo avarapianarana ireo tamin'izany, ary mbola ampiasaina aza izany hatramin'izao, satria ny ankamaroan'ny zava-boarakitra sy vita boky mikasika an'i Madagasikara sy ny « fahalalàna malagasy », dia izay vokatra tamin'izany fotoana izany ihany.

Na dia fohy aza mantsy ny fotoana nipetrahan'ny avarapianarana mpanjanaka iray teto, dia nahafahany nanao fanadihadiana sy fandalinana amin'ny lafiny rehetra, mikasika zavatra maro izany, ary ny fahalalàna naterak'ireny no isan'ny tena « nampandroso » ny fanjanahantany.

Azo lazaina fa fahalalàna tena malagasy ihany ireny, satria notakarina avy amin'ny zavamisy malagasy. Saingy natao tamin' *ny fomba fijerin'ny mpanjanaka*, *nifanaraka tamin'izay nokendren'* ny fanjanahantany.

Amin'izao fotoana izao, moa mba misy va fahalalàna tena malagasy, notakarina avy amin'ny zavamisy malagasy, avy amin' ny fomba fijerin'ny avarapianarana tena malagasy, ary mifanaraka amin'izay kendren'ny fampandrosoam-pirenena ?

Fahalalàna izay hany afaka hanosika bebe kokoa ny fampandrosoana an'i Madagasikara ? Sa dia variana fotsiny amin' ireo « hevi-dehibe » nolovàna tamin'ny avarapianarana vahiny sy ny rafi-pitondrana vahiny (toy ny sosialisma, ny demokrasia, ny liberalisma... izay tsy lavina fa mety ho hevi-dehibe soatoavina *itambaran'ny fiaraha-mihiran'izao tontolo izao*, *kanefa tsy mandika* tantareka sy ara-bakinteny ny zavamisy malagasy), sy variana

mifandafatra amin'ireny fotsiny ka tsy mahita izay ambany maso... ?

Hatramin'izao mantsy dia tsy mbola nisy mihitsy, na dia andrana aza, izany fampandrosoam-pirenena MIZAKA TENA izany, miainga amin'ny fahaizana amam-pahalalàna tena malagasy, na tena afrikanina (efa natao teto ihany ny fanagasiana saingy tsy nahazo loatra ny tena votoatin-javatra io fa nisafosafo fotsiny ihany...)

Tsetsatsetsa tsy aritra kely ! Mahakasika indrindra ilay sehatra afrikanina voalaza teo. Inona no mitranga rehefa tsy mahavokatra endrim-pampandrosoana tena izy sy mifanaraka amin'ny zava-misy eo amin'ny fireneny avy ny avarapianarana ?

- Niara-nomena fahaleovantena ara-politika ny ankamaroan' ny tany afrikanina tamin'ny taona 1960, dia samy nampika-tsahana « fandrosoana » tao anatin'ny nantsoina tamin' izany hoe « fanjanahantany ankolaka » (neokolonialisma).
- Folo taona taty aoriana dia samy rafitra nanao fanonganam-panjakana miaramila. Natohy tamin'io ny vanim-potoana « revolisionera », nandalàna ny sosialisma.
- Rehefa tsy nahomby izany dia « nampianarina » sy nampanaovina « demokrasia » indray.

Ireo dingana rehetra ireo dia samy nodokafana avokoa, ka nolazaina fa « tolom-bahoaka » no nametraka azy, na dia toa miendrika « baiko » avy any ivelany hatrany aza no fijery azy... Koa asa indray izay ho baiko manaraka, na ho « isma » inona, na ho « isma » ahoana, rehefa vita ny anjaran'ny demokrasia, fa ny tsapa aloha dia toa tsy nisy nahitana fahombiazana hatramin' izao izay « lamaody » rehetra nasaina narahina, indrindra teo amin'ny firenena afrikanina, zanatany frantsay teo aloha.

Tsy nahitam-pahombiazana, fa maika koa aza nampiko-rontana sy nampivahavaha ny « *maha izy azy* »m-pirenena. Satria tsy mbola nampahazo aina mihitsy ireo firenena nam-pidirana izany.

Etsy andanin'izay anefa, ny any amin'ny tany tena mandroso sy manana fandrosoana antonontonony dia hita mibaribary fa toa ny fananany fahaizana amam-pahalalàna mizaka tena, ka tena

ampiharina tokoa, no nahitan-drizareo fahombiazana, na dia teo amin'ny ara-toekarena aza, fa indrindra teo amin'ny fampandrosoam-pirenena amin'ny ankapobeny.

Tsy ampy ny miresaka toekarena sy harena mivaingana izao fotsiny. Tsy hitondra fahombiazana mankaiza mihitsy, raha ireo fotsiny no tena imasoan'ny Firenena. Satria efa misangiditra loatra ny fatopatotra ara-toekarena, eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ka tsy ho voafehin'ny tany toa an'i Madagasikara mihitsy izany, raha ireo fotsiny no heverina fa mety hampahaleotena tanteraka sy hampandroso marina ny Firenena.

Alaim-panahy ihany mantsy ny mpitondra tsy hihevitra afa-tsy resaka toekarena, satria io lafiny io no tena maha ory ny Firenena, sy mampihozongozona haingana ny seza, kanefa vaha olana maimaika fotsiny izany, fa tsy hitondra ilay fampandrosoana maharitra.

Ny marina dia tsy maintsy hiankin-doha foana ny Firenena, raha tsy maharafitra endrim-pampandrosoana miainga avy amin'ny fahaizana amam-pahalalàna tena malagasy, sy maharitra (fa tsy avy amin'irony « fikaonan-doham-pirenena » maimaika loatra, izay torapo no androantokony, fa tsy fahaizana amam-pahalalàna tena voadinika lalina...).


Izany anefa tsy manakana ny « fanararaotana » ny zava-misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena (raha tsy mifanohitra amin'ny endri-pampandrosoana napetraka ho an'ny Firenena), satria betsaka tokoa ny tombontsoa mety ary tokony ho azon'ny Firenena avy amin'io.

Mety ho resaka manidintsidina no andraisana izay voalaza, kanefa mba diniho izay ataon'ny olona, sy ny zava-mitranga any an-tanin'olona : ny fanajan'ny Eropeana na ny Aziatika (ny Japoney ohatra, na ny Indiana...) ny nenti-paharazany sy ny maha izy azy, ao anatin'ny fandrosoana haingam-pandeha tokoa, ny fanindraindrany ny manampahaizany sy ny avarapianarany amin'ny alalan'ny loka maro tsy voatanisa ho an'izay tena mendrika, ny fanomezana valin-kasasarana ambony indrindra ho an'ny avarapianarana avo lenta (ambony noho ny an'ireo minisitra sy ny sisa...), mba tsy ahatonga azy ireo hiroaroa saina fa hifantoka

tanteraka amin'izay andrasana aminy... Dia ireo zavatra rehetra tsy mba nibaikon'ny tany ivelany antsika, kanefa dia hita izao fa nahitany fahombiazana !

Mila fandinihana ny mikasika ireny, fa tsy hoe « alain-tahaka be fahantany » fotsiny indray akory ! Ny fomba fampivelarana ny « maha izy azy »n'ny tena eo amin'ny lafim-piainana rehetra sy ao anatin'ilay fandrosoana haingam-pandeha ihany no faka tahaka. Dia mijanona hatreo ! Fa ny « maha izy azy » dia samy manana ny azy, mazava ho azy !

Fa raha tsy miezaka amin'izay lafiny izay ny Malagasy, raha tsy omena ny toerana sahaza azy eo amin'ny fisainana sy ny fiainam-pirenena ny avarapianarana, raha mbola mialangalana, satria mahatsiaro ho voailika sy voampempo ny avarapianarana malagasy, raha tsy tafavoakan'ny avarapianarana malagasy ny fahalalàna tena malàgasy, haninteraka ny fampandrosoana HAHAZOAN'NY MALAGASY AINA, satria mifanaraka amin'ny maha izy azy..., dia resaka handany taonjato fotsiny ny sisa. Fa tsy ho tafarina eto mihitsy isika mianakavy !



NY RAIAMANDRENY

Hiresaka momba ny Raiamandreny, *lolohavina an-tampon'ny loha*, ka sadaikatra ihany. *Tsy nipoitra tamin'ny vato aman-kazo* mantsy, fa matoa velona miriaria dia noho ny raiamandreny, *loha-rano nipoirana*. Koa ialan-tsiny mialoha izay holazaina manaraka, raha toa ka mety hanafintohina ireo *masoandro amam-bolana*.

Ny raiamandreny no azo heverina fa mpitantana voalohany eo amin'ny Firenena : mpitantana ny fianakaviana izy. Tsy zava-mora izany, indrindra amin'izao fotoana izao. Izy ihany koa no azo ambara fa herin'ny toekarem-pirenena voalohany : mpitantana sady mpamokatra harena izy amin'izany, adidy lehibe sy sarotra tokoa io. Izy rahateo koa anefa no maha Firenena ny Firenena : amin'ny ankehitriny dia izy no olom-pirenena voalohany, mbola izy ihany koa anefa no manefy ny tanora, ny zanaka, izay diso fantatra loatra, fa tena hoavin'ny Firenena !

Koa rariny raha omena toerana manokana eo amin'izao dinidinika izao ny raiamandreny, fa lehibe tokoa ny andraikiny, ary tsy ambakan'izany ny andrasana aminy.

Azo lazaina ho ny fikatsahana ny fampandrosoam-pirenena marina no resaka lehibe indrindra natao hatramin'izao, koa manana ifandraisana amin'izany, manana andraikitra amin'izany ve ny raiamandreny ?

Tsy maintsy ho « eny » no valin'izany fanontaniana izany ! Saingy rehefa miady hevitra na manao zavatra mikasika ny fampandrosoam-pirenena, dia toa adino ny raiamandreny, amin'ny maha raiamandreny azy. Satria toa tsy misy idirany loatra ny raharaha, indrindra ho an'ny fijery ankapobeny.

Nefa raha ny famaritana tsotsotra nomena tetsy aloha, dia mazava ho azy fa tena ivon'izany fampandrosoam-pirenena kasain-kotanterahina izany ny raiamandreny.

Nahoana ary ?

- Mpitantana ny fianakaviana izy, hoy isika. Izany hoe, izy no mitondra ny fianakaviana manontolo eo amin'ny lafiny rehetra, tompon'ny fanapahan-kevitra eo amin'ny fikatsahana

izay heverina fa soa sy tsara, mba hahatomombana izay kendrena ho an'ny fianakaviana. « *Ny hazo no vanon-ko lakana,* hoy ny *Fahendrena, ny tany naniriany no tsara* ». Ny fianakaviana no miadam-pinaritra sy tsara fototra, dia nahavita ny adidiny antsakany sy andavany ny raiamandreny.

- Mpitantana sady mpamokatra harena koa izy. Mifameno amin'ny teo ihany, fa manindry kely aty amin'ny lafiny ara-toekarena fotsiny, ara-pivelomana. Raha ny eo amin'io lafiny io, ny mpahay toekarena no tena mahalala ny anjara entin' ny toekarem-pianakaviana eo amin'ny toekarem-pirenena. Fa ny amehezana azy fotsiny dia izao : rehefa tsy zarizary ny fiainana ara-toekaren'ny fianakaviana, dia tsy maintsy marary ovana izay ny toekarem-pirenena.
- Maha Firenena ny Firenena izy. Fomba fiteny ihany ilay hoe « ny vahoaka no Firenena », fa rehefa tomorina akaiky dia ny raiamandreny aloha no tena heriny. Eo amin'ny lafiny rehetra io. Na amin'ny fanapahan-kevitra, na amin'ny vola aman-karena, na amin'ny fahaiza-miaina sy miara-miaina, sy ny sisa...

Raha izany no izy dia lehibe tokoa ny toeran'ny raiamandreny eo amin'ny Firenena. Midika izany fa manana adidy sy andraikitra lehibe tokoa izy eo amin'ny fampandrosoana izany Firenena izany.

Fa mba ahoana sy aiza ho aiza anefa ny toerana misy ny raiamandreny eo amin'ny ankehitriny ?

Voalohany aloha, ary tonga dia tsorina avy hatrany, fa somary mihen-danja ny maha raiamandreny eo amin'ny Malagasy ankehitriny. Maro ny antony mahatonga izany. Ao ny vokatry ny ataon'ny raiamandreny, nefa ao koa ireo tsy dia miankina aminy loatra.

Aleo hotakarina avy amin'ireo andraikitra nomena ny raiamandreny tery aloha ny fijerena ny toe-javatra :

Amin'ny maha mpitantana ny fianakaviana aloha, noho ny zava-mitranga isan-karazany amin'izao fotoana izao eo amin'ny

fiainana, dia somary mikaviavia izay tao ho ao ny raiamandreny eo amin'ny fitantanana ny fianakaviana. Miteraka olana mihitsy aza izany matetika eo amin'ny fifandraisana amin'ny zanaka, ohatra... Toa mitady ho very hasina mantsy ny raiamandreny, miha mihena ihany koa ny fahefany amin'ny maha mpitantana azy.

Ny antony « avy amin'ny ataon'ny raiamandreny », dia azo singanina ireto ohatra vitsivitsy ireto :

a) Misy ny raiamandreny tsy manaja tsotra izao ny maha raiamandreny azy (mivarilavo amin-javatra isan-karazany), ka tsy atokisan'ireo tantanina fa mbola hahavita mikatsaka ireo « *soa sy ny tsara* », zava-kinendrin'ny fianakaviana rehetra. Koa rehefa ny raiamandreny no tsy azo itokisana dia inona fa tsy mivahavaha sy samy manao izay saim-pantany ny ao anatin'ny fianakaviana.

b) Misy koa ny raiamandreny tena « diso fitantanana » mihitsy. Eo ireny heveriny ho « fitiavan-janaka » ireny, kanefa tarehin-javatra tena mamohehatra sy « mamosavy zanaka » ankitsirano izao. Toy ny fividianana laza adina eo amin'ny fanadinana, na zavatra hafa mitovitovy amin'izany, ka mitranga eo amin'ny fiainan' ny zanaka. Toa tsy misaina kely akory ny raiamandreny miditra amin-javatra tsy mendrika toy ireny ny amin'izay ho fiantraikan'izany eo amin'ny hoavin'ny zanaka.

Ny hafatra ho tafita avy hatrany ao amin'ny zanaka mantsy dia ny hoe : hay na tsy mianatra tsara, na tsy miezaka aza, na dia tsy mahay sy tsy mahomby loatra aza..., rehefa manam-bola sy mahay « mihetsika » any ho any ny raiamandreny dia afaka foana izay fanadinana, azo foana izay taratasy filazam-pahaizana... Hany ka maro ireo zanaka -tanora- no lasa mihevitra fa raha tsy manao io « mihetsika » io, dia tsy afa-panadinana mihitsy, tsy tafita eo amin'ny fiainana mihitsy... Fa tsy mba niserana sy nampiseranina tao an-tsainy mihitsy fa « *ny valala anie ka tsy azo raha tsy andrian'ilika* e ! ». Sady toa tsy mba natoro ny maha zava-dehibe izany fiainana naorina teo amin'ny fahemendrehana sy ny herim-po izany !

Na eo amin'ny fitadiavana asa koa aza dia ahitana tarehin-javatra mitovitovy amin'izany. Ekena fa sarotra ny mahita asa, kanefa na dia tsy mifanentana amin'ny fahaizana sy ny fahamen-drehana akory aza ve dia tsy maintsy atao izay « fomba rehetra »... Dia mba ahoana ny hoavin'ilay zanaka rehefa hitan'ny olona (satria tsy maintsy ho hita ihany) fa tena tsy « mahavoa » ilay izy ... ?

Ny tena loza dia ity : « *saonjo iray lohasaha moa, ka tsy ilaozan'izay iray hamarara* ». Rehefa sendra ny zanaka maditra sy tsy tan-dalàna izay ny raiamandreny (matetika aloha dia tsy mino izany « zanany maditra » izany ny ankamaroan'ny raiamandreny, fa mahita fomba foana anilihana izany amin' olona na amin-javatra hafa), dia kinga ery manao izao « fomba » tsy mety rehetra izao « hanavotana » an'iny. Tsy mahagaga raha hihevitra ny tenany ho « *tsy maty manota* » ilay zanaka manom-boka eo. Mazava ho azy fa ho « mpamokatra » jiolahy ny raiamandreny toy izany !

DISO FITANTANANA ! Ka aza gaga raha mivahavaha ny fianakaviana, raha manan-janaka mihevitra fa ny fahaizana risoriso no tena fahaizana, raha Firenena tsy afa-bela amin'ny tsy fandehanan-javatra no mba Firenena !

Ny manaraka indray -mpitantana sady mpamokatra harena-dia tsy miankina tanteraka amin'ny raiamandreny, kanefa misy andraikiny ihany.

Eo amin'ny lafiny voalohany aloha dia mbola ahitana taratra ilay « risoriso » ihany. Manjaka ny risoriso hatraiza hatraiza, ka tsy mba mampiseho izay maha ratsy sy maha tsy mety izany ny raiamandreny sasany, fa maika koa aza manosika ny zanaka ho any amin'io làlana tena « mamokatra » sy mampanan-karena haingana io. Mazava ho azy anefa fa tsy hiteraka fahamen-dreham-pitondran-tena eo amin'ny fitadiavana (eo amin'ny asa aman-draharaha fameloman-tena) izany ho an'ny tanora, satria moa ny risoriso dia tsy maintsy misy zavatra maizimaizina, tsy mazava, tsy sahy haseho masoandro foana ao. Koa rehefa tonga eo ny tanora, dia efa tsy lavitra intsony ny soloky sy ny halatra...

Eo amin'ny lafiny iray indray, izay mety tsy dia miankina loatra amin'izay ataon'ny raiamandreny, dia ny mikasika indrindra ny tsy fahazoan'ny raiamandreny manantontosa antsakany sy andavany ny adidiny ara-pivelomana eo amin'ny fianakaviana.

Sarotra tokoa ny fiainana ka tsy araky ny kely eo am-pelantanana avokoa izao rehetra izao. Noho ny tsy fananana ary, dia toa very hasina moramora eo am-pitoerana eo ny raiamandreny, mihena an-toerana eo ny fahefany. Lasa mibirioka sy miporitsaka ary saro-tantanina ireo zanaka. Indrindra moa raha sendra ilay zanaka mahita làlam-bola tsy dia fanta-pototra sy fiaviana any ivelan'ny fianakaviana iny. Koa dia mivoraka ho azy eo ilay rohim-pianakaviana, izay efa goragora rahateo.

Ny zanaka tokony mbola tantanina, tsy tratra efa tafaporitsaka sahady eny ivelany, na dia mbola tsy feno akory aza ny fepetra tokony hahaleovany tena. Mazava ho azy fa tsy maintsy hanaonao foana izy ireny, noho ny tsy fahampian'ny vatsim-pahendrena sy ny vatsim-pahamendrehana, tokony ho nomen' ny raiamandreny sy ny Firenena azy, alohan'ny hitondrany ny fiainany sy haha raiamandreny azy koa avy eo ! Koa inona izany fa dia mihodinkodin-dratsy eo ny raharaha... !

Maro tokoa ny zana-bahoaka, amin'izao fotoana izao, no toy izany. Rehefa tojo toejavatra toy izany ny raiamandreny, dia tsy mahita atao. Tsy azo anoharana e !

Mikasika ilay lafiny fahatelo : ny raiamandreny no maha Firenena ny Firenena, na eo amin'ny ankehitriny izany na eo amin'ny hoavy, dia mifameno amin'izay voalaza hatramin' izao ihany.

Araka izany, eo amin'ny ankehitriny dia sarotra ihany ny milaza fa tontosan'ny raiamandreny tokoa ny adidy rehetra amin'ny maha raiamandreny azy. Mety ho variana loatra amin' ny adim-piainana amin'ny andavanandro izy, ka tsy afaka mijery lavitra loatra intsony. Ho an'ny ankamaroany, *ny hanina anio aza moa manahirana*, ka ahoana tokoa no fitsinjovana izay ampitso mbola tsy fantatra any ? Koa dia manaraka ambokony amin'izay itondran'ny fiainana azy eny izy !

Tsy vitany intsony izany izay tokony ataony, amin'ny maha

raiamandreny azy, koa voatery miraviravy tànana eo anoloan' ny zava-tsy mety sy tsy mendrika mitranga manodidina azy izy, toa miray tsikombakomba amin'izay mahatonga ny tsy fetezan-javatra aza, satria manao izay hampateza izany mihitsy matetika.

Inona tokoa moa no ataon'ny raiamandreny iadiana amin'ny fahasarotam-piainana ?

Ny tena voamarika dia zary lasa « *mpanao aferafera* » madinidinika avokoa ny ankamaroany, na inona tena asany na inona. Hatramin'ny mpanabe aza (raiamandreny mpampianatra sy mpitaiza), izay raiamandreny tena fitaratra tokoa eo amin'ny zanaka, mihotra noho ny raiamandreny niteraka mihitsy aza indraindray. Io « aferafera » io no isan'ny tena manakana ny maro tsy hanadihady ny antony marina nahatonga ny fiainana ho sarotra, satria rehefa manao an'io dia samy « mifamely » kely eo, dia samy « mahavoa » kely indraindray (io ilay « *sitrany ahay* »), dia samy mionona sy afa-po amin'izay, fa mba efa nahavoa moa tsinona... Dia mihevitra ny « *tsy ho tratry ny aloka* » intsony, satria mahay « mihetsika » ! Dia takona sy odian-tsy hita eo izay ao ambadik'ity « aferafera »..., sy ny tena fototry ny olana, amin'ny ankapobeny.

Ireo Fahendrena malagasy maha raiamandreny ny raiamandreny, sy maha *taninketsan'olombanona* ny fianakaviana dia very tanteraka ! Efa nilaozan'ny toetr'andro !

Efa tsy mifanaraka amin'ny volon'andro ankehitriny intsony angamba ny Fahendrena nanafatra hoe : « *Tandremo ny janga reny, ka botry anaka* ! », « *Tandremo ny mandrora mitsilany, ka mahavoa tena* ! », « *Tandremo ny toy ilay Rafotsibe kendambomanga, ka ny nasesiky ny tanany ihany no naha kenda azy* »...


Mazava ho azy fa izany rehetra izany dia tsy maintsy hisy fiantraikany eo amin'ny hoavy, eo amin'ny ho « Firenena rahampitso », satria ny raiamandreny, hoy isika, no mpanefy izany voalohany.

Koa ataon'ny raiamandreny ahoana no fanefy olom-pirenena ahalala ny mendrika sy ny tsy mendrika, raha izy aza tsy ampy fahamendrehana loatra eo amin'izay ataony ? Ahoana koa no

fomba hiterahany olombanona, raha izy aza tsy mahalala intsony izany atao hoe « fahavanonana » izany... ?

Tena manao izay tratry ny ainy sy ny sainy tokoa ny raiamandreny isam-pianakaviana, eo amin'ny fitaizany ny zanany ! Tsy misy mandà izany anie ! Saingy izy raiamandreny ihany no mamono izany fiezahany izany, amin'ny fandraisany anjara amin'ireny zavatra tsy mazava sy maizimaizina rehetra ireny... Ka inona indray ?

Vokany : « *ny fandio iray siny, tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka* ! ». Tanora fanahy ny zanaka, ka mora andairan'ny fandoto. Tsy mahagaga raha tanora toy izao manaraka izao no voatefiny, ary izany no ho ...Firenena rahampitso !



NY TANORA

Raha misy aloha sokajin'olona tena mahazo fandokafana tokoa eo amin'ny fiarahamonina dia ny Tanora : « *tanora hoavin' ny Firenena* ! », « *tanora mahavita azy* ! »...

Raha ny tokony ho izy anefa dia tsy ilaina dradraina loatra ny toy ireny, satria zava-marina tsy iadian-kevitra, ary fantatry ny rehetra : tsy maintsy hoavin'ny Firenena ny tanora, fa izay no maha tanora zandriny aman-taona azy ; tsy maintsy « mahavita azy » ny tanora, fa ao aminy no misy ny hery, ahafahana manao zavatra.

Matetika anefa ny fandokafana dia tsy ataotao foana, fa matoa manao izany ny mpandoka dia ao raha.

Ny zavamisy mantsy dia izao : ankoatra ny maha « hery » azy eo amin'ny Firenena, dia mbola izy koa no isan'ny maro an' isa indrindra amin'ireo sokajin'olona mitambatra ho Firenena. Ny 32%-n'ny Malagasy dia tanora-ankizy 10 ka hatramin'ny 24 taona avokoa (eo amin'ny 5.760.000 olona eo ho eo), ary hitombo avo roa heny izany amin'ny taona 2025, araka ny vinavina nomen'ny Firenena Mikambana. Saingy izy no tsy ampy fahazara-miaina sy traikefa indrindra, noho ny mbola maha tanora azy. Ny olana aza dia 10% amin'izy ireo ihany no mba mahafantatra kely ny amin'ny « *Fanabeazana ho olom-pirenena* »...

Noho izany dia samy « mampiesona » azy avokoa na mpanao politika, na mpandraharaha, eny fa na dia ny raiamandreny sasantsasany aza !

Voasoratra moa ny hoe « mampiesona », fomba fitenin' ny tanora izany, ary nipoitra tao anatin'ny fotoana tena nahalalany ny vesatry ny fahantrana. « Mampatoritory » (avy amin'ny hoe « *matoritoria, fa hanaterako hena...* » ?), « manome *fanantenana poak'aty* », mamitaka tsotra izao no tiany hambara amin'izany.

Rehefa misy zavatra kendren'ny be politika isan-karazany mantsy eto amin'ny Firenena, dia kitihana hatrany ny tanora, ampanantenaina izao rehetra izao... Rehefa azo anefa izay nokinendry, dia tavela eo hatrany ny tanora, ny « ditrany » indray aza no arangaranga ho antony mahatonga ny tsy fetezan-javatra.

Vokatr'izany dia toa ny tanora hatrany no tena milanja ny fahavoazana be indrindra, rehefa tsy mandeha izay ny raharaham-pirenena : « mahavita azy » izy, kanefa tsy an'asa, ka inona akory no ho vitany eo ; « hery » lehibe tokoa izy, nefa tsy ampy sakafo, ka mba hery ahoana moa izany ; hoavin'ny Firenena izy, nefa tsy tontosan'ny Firenena sy ny raiamandreny antsakany sy andavany akory izay mba ahafahany miantsoroka izany andraikitra lehibe izany rahampitso, ka hoavy manao akory moa no antenaina amin'izany... ?

Tapi-dalan-kaleha araka izany ny ankamaroan'ny tanora; *very fanahy mbola velona*, indrindra ireo efa manombcka ho vorivory saina. Ary rehefa tonga amin'izay « fahaverezam-panahy » izay dia tena ratsy tokoa ny raharaha, satria manampy trotraka izany ilay tsy fahazara-miaina sy misaina !

Koa dia miseho lany ho azy, eo amin'ny fiainany andavanandro, ny disadisa sy ny fahasahiranan-tsaina mihatra aminy. Zary lasa tanora marivo salosina, tsy matoky tena na dia arisika amin'izao rehetra izao aza, tsy matoky ny manodidina azy, satria toa malia sy malama ny tontolo iainany, ka tsy hitany loatra izay amaharana sy amikirana.

Tsy matoky intsony ny fianarana, ny fahaizana amam-pahalalana, fa toa tsy dia tsinjony ao loatra izay ho lokon'ny hoavy. Ka ireo zokinjokiny mba nahavita fianarana aza, taona vitsivitsy aty aoriana, mbola milafika ao amin'ny raiamandreny ihany, « bory » hatramin'ny tànany, tsy mahavelon-tena akory fa nampianarina *hadio tànana*...

Zary lasa ambin-javatra ny fianarana ho an'ny ankamaroan' ny tanora. Miha mihevitra hatrany izy fa tsy vaha olana io, fa miteraka olana indray aza, ho an'izay tafiditra lalina loatra ao...

Ka raha mbola manohy fianarana izy, dia : na, tsy mahita atao (teren'ny raiamandreny ?) ka dia mandany andro fotsiny, fa ny saina sy ny risipo tsy ao velively ; na, mba mangetaheta ny ho tafita amin'io làlana io ihany, tsy hay mantsy izay havoaky ny ampitso...

Tsy matoky na inona na inona ve izany ny tanora ? Tsy manantena na inona na inona ihany koa ? Ary sao dia izany

ary no mahatonga azy ho mpaniratsira, tsy tan-dalàna, tsy tampahendrena, tsy ampy fahamendrehana, manaonao foana, tsy avy hanavaka ny ratsy sy ny tsara, ny mety sy ny tsy mety itondrana ny fiainana..., *manjehy ny andro ho lava* eny foana !

Azo amintinana ny toetoetry ny ankamaroan'ny tanora malagasy ankehitriny avokoa mantsy ireo. Ho lava loatra raha ivalamparana tsirairay, koa endrika vitsivitsy fahita matetika eo amin'ny andavandro ihany no itarafana izany.

Ny tena manaitra eo amin'ny toetry ny ankamaroan'ny tanora, eo amin'izao fiandohan'ny taonjato faha 21 izao, dia ilay izy toa dia « *lany henatra* ». Toa tsy mahalala akory izany hoe « *olom-pady* », na izay fanajana faran'izay tsotra indrindra, fa dia mahavoaka izao teny tsy maontina, tsy fampiseho masoandro rehetra izao, eny imasom-bahoaka rehetra eny, na eny an-dalambe, na eny an-tsena, na...any amin'ny faritry ny sekoly sy ny Fiangonana ! Tsy « teny ratsy » intsony no iheverany ireny, fa toa « ilàny dera » amin'izay mandre aza ny fahasahiany mivalam-pitenenana toy izany !

Raha marina fa mitory ny ao an-tsaina ny aloaky ny vava, dia mba asa loatra re izay ho endriky ny Firenena rahampitso, raha takarina amin'izany ?

Raha vitan'izay moa ka haninona, fa toa tena « *maty henatra* » mihitsy ny tanora casany. Sahy manao maloto vory vahoaka ankitsirano izao (izay zavatra tena nahasarotiny ny teo aloha mihitsy), sahy mampiseho eny ambody rindrina rehetra eny ny tsy tokony aseho masoandro akory (marina fa tsy ampy ny trano fidiovana ankalamanjana, kanefa na izany aza...), ary dia mihevitra eo am-panaovana izany fihetsika mamoafady izany, fa tena « *dàdany* » tokoa, satria sahy manao izay tsy sahin'ny olona !

Ankoatra io dia tsy maintsy asian-tsipy teny kely ny amin'ny firaisana ara-nofo, izay mampivarahontsana tokoa, satria ny 39,3%-n'ny zatovovavy sy ny 32,8-n'ny zatovolahy dia efa samy nanao an'io avokoa talohan'ny faha 15 taonany. Izany hoe azo lazaina fa *mbola tsy maoty* akory dia efa tafiditra sahady ao amin'ity lafim-piainana iray ity !

Fomba fanehoany ny disadisa lanjainy sy ny fahasahiranan-

tsainy ve izany ? Fomba fanehoany ny FISIANY sy ny fisian' ny olana samihafa mamatotra azy, ka tsy hainy vahana ? Fomba fanoherany ny zavamisy iainany sy tsy maintsy ekeny, kanefa tsy hitany loatra izay fahasoavana azony avy amin'izany ? Fomba fanairany ny fiarahamonina toa mody jamba sy manao bemarenina, ka tsy miatrika ny aretina mikiky miadana sy miandalana ?

Mila fandalinana manokana ny amin'izany ka avelantsika eo.

Fa ho an'ny maika hamintina moa dia tsy mitady lavitra : « *ratsy taiza ny tanora malagasy* ! » Ary dia marina tokoa io, raha ny zavatra hita sy iainana. Saingy, mba iza no nitaiza, ary fitaizana toa inona no nomena azy ?

Izao mantsy ! Raha ny hita aloha, ny fitaizana tsy tontosan' ny raiamandreny sy ny Firenena, dia any amin'ny sarimihetsika (video sy ny sisa) ny tanora no mameno azy.

Mahazo laka mihitsy eo amin'ny ankamaroan'ny tanora io « raha » iray io amin'izao fotoana izao, satria dia ao no anovozany izao « fahaizana amam-pahalalana » sy « fitsipi-pitondran-tena » sadasada, saingy mora raisina sy mora milentika an-tsaina rehetra izao.

Matetika dia voakosok'io izay mba kely azo tany an-tsekoly sy tamin'ny raiamandreny, satria dia ho raisiny ho azy tokoa anie ny sarintsarim-pomba fiaina sy fisaina hitany ao, ka miova tsy ireny nandia varavaran-tsekoly ireny ihany izy avy mijery izany, saingy « *sekoly mifotitra* », manome fahalalana mamono ny tena fahalalana, izay tena ilain'ny maha olombelona.

Ampianarina azy ao ny fankahalàna, ny maha « ara-drariny » ny valifaty, ny fihetsem-po sadasada (toy ny kisarisarim-pitiavana...). Alentika ao an-tsainy koa, satria toy ny zavatra « mandeha ho azy », ny fahazoana manao barofo ny fananan' olona, ny fisetrasetrana, ny matanjaka no manao ny lalàna... Manginy fotsiny ny faniratsirana izay rehetra mety ho sarintsarinà fahefana (na fahefan-draiamandreny, na fahefan-jokiolona, na fahefam-piangonana, na fahefam-panjakana...), eny fa na dia hatramin' ny tsy fanajana ny ain'olombelona aza (fototra lehiben'ny maha olombelona ao amin'ny demokrasia io), dia manjary tsy zava-tsarotra aminy intsony.

Koa ahagaga ve raha mora dia mora amin'ny tanora sasany ankehitriny izany manala aina izany ? Izay efa zary tsy zava-baovao intsony eo amin'ny fiarahamonina malagasy ankehitrio. Saika isan'andro vaky izao dia aharenesana vonoan'olona, izay tsy ny fahantrana fotsiny intsony no manazava ny antony anaovana izany.

Mila fandalinana manokana ny amin'izay, fa ny azo amintinana azy dia izao : tsy mbola very faka toy ny amin'izao fotoana izao ny tanora malagasy, mihoatra lavitra noho izay nitranga tamin'ny Repoblika voalohany, izay voalaza fa fotoana naha henjana ny fanjanahantsaina.

Koa hanao ahoana marina izany « Firenena rahampitso » izany, raha tanora toy izany no hanangana azy ? Inona no fampandrosoana azo hatao miaraka amin'olona voatefy taminà karazam-pitaizana toy izany ?

Very faka ny tanora malagasy... Ary mbola mampihombo ny aretina ny fanendreny zava-maha domelina isan-karazany.

Azo lazaina fa mbola tsy niroborobo toy ny amin'izao fotoana izao ny fanendrena io « zavatra » io teto Madagasikara. Tsy antanandehibe, tsy ambanivohitra ! Ary tsy anavahana sarangampianakaviana, fa dia samy mamango izany avokoa. Mbola fikatsahana fiainana hafahafa kokoa ihany no mahatonga ny tanora hiantsampy amin'io.

Ekena fa tsy ny tanora rehetra no toy izany, saingy ny ankamaroany dia miha mivily làlana, ka eo no mahalasa eritreritra.

Ny tanora amin'izao fotoana izao mantsy dia tsy mba niaina sy tsy nahalala izany Firenena ao anatin'ny « fiainana tsara » na tsaratsara izany. Tsy fantany ary mety tsy ho azony an-tsaina akory izay endrik'izany fiarahamonina mirindra sy miadam-pinaritra izany. Miresaka sy mampirantiranty izany ireo zokiolona, toa mampidera mihitsy aza indraindray, raha milaza hoe : « *tamin'ny andronay dia toy izao sy toy izao ny fiainana...* ». Ka dia ketraka ihany ny tanora : tsy fantany intsony na izy izany no tondroina ho tompon'andraikitra nahatonga ny fiainana ho tsy nety (satria androny izao), na ireto zokibe izay miseho mahalala ny « fiainana tsara », kanefa toa tsy mitantana mankany akory, fa toa làlana

ety dia ety, anjakan'ny fahasahiranana sy ny fahoriana indray aza ity itondrana azy...

Hany herin'ny tanora mba mitady làlana izay tratry ny sainy, sy akaiky azy indrindra, ikatsahany amin'ny herin'ny tenany ihany izany « fiainana tsara » izany.

Mazava ho azy fa tsy maintsy ho diso làlana izy, satria tsy hipaka hatrany amin'ny olana fototra, izay mba « ezaka » ataony. Kisarisarim-pahasambarana notefitefen'ny ankosotra ihany no tsy maintsy heveriny ho « fiainana tsara ». Ka rehefa avy migoka io izy dia ho diso fanantenana, satria tsy hitoetra io fa handalo, ahatonga azy hihevitra fa angamba kosa tsy mety ho tsaratsara noho izao ny fiainana fa resabe sy rediredy fotsiny ny an'ireo zoky raiamandreny.

Dia hionona sy hiraviravi-tànana koa izy, ka ny « teny filamatra » hipetraka ao an-tsaina dia tsy hisy afa-tsy ny hoe : « *tsy ho lasa lavitra izany ny Gasy, fa izay hahavelona ihany atao e* ! ».

Etsy andanin'izay, ny fampianarana, ny fahaizana amam-pahalalàna omena koa dia tsy manampy ny tanora ahalala io « fiainana tsara » io. Tsy dia misongadina loatra intsony ao amin'ny sekoly ankehitriny, ohatra, ny fampianarana ny ***KANTO*** sy ny ***MENDRIKA***, fa naompana mivantana amin-javatra MIVAINGANA sy MIVANTANA, sy izay heverina fa mahavaha avy hatrany ny olana eo amin'izao « fahasahiranana diavin' ny Firenena » izao ihany izany. Izany rahateo moa no laharam-pahamehana... !

Koa tsy mahalala ny *Kanto* sy ny *Mendrika* intsony ny tanora (sy ny zokinjokiny), ary na fantany aza izany, dia tsy heveriny ho zava-dehibe, ka tsy andaniany ron-doha sy fotoana be loatra, fa « tsy mamokatra » !

Ny tena izy anefa dia miainga avy amin'ny *Kanto* sy ny *Mendrika*, miainga avy amin'ny fandalàna izany, no anefena ny saina hikaroka sy hikatsaka ny ambonimbony kokoa hatrany, ny metimety kokoa, ny tsaratsara kokoa, ny maha soasoa kokoa..., ary mbola izany koa no handrisika ny fikatsahana ny tena fandrosoana, na eo amin'ny fiainana amin'ny ankapobeny izany, na eo amin'ny fiainan-tsamirery.

Satria tokoa mantsy raha tsy efa nilona tao amin'ny *Kanto* sy ny *Mendrika* aloha ny fisainana, ahoana no fomba hamaritany izay fandrosoam-piainana tokony hotratrarina ? Ahoana koa no ahafahany mahafantatra izany hoe « fiainana tsara » izany ? Ary inona no atao antony hiezahana mba ahatrarana izany ?

Heverin'ny sekoly ankehitriny fa fandanian'andro, ohatra, ny fitozoana hananana « hatsaran-tsoratra » (sora-kaliana), ny fambolena *HARANITAM-PANAHY* (« sensibilité ») ao amin' ny tanora sy ny ankizy, amin'ny alalan'ny fitarihana ny sainy hankamamy sy hankasitraka tononkalo na lahatsoratra tsara rindra..., kanefa dia ireny no isan'ny fitaizana mahomby indrindra, ho amin'ny *Kanto* sy ny *Mendrika*.

Tsy ho feno mihitsy ny fitaizana, ny fahaizana amam-pahalalana omena, indrindra eo amin'ny taranja siantifika sy tekinika, heverina fa mifanohitra tanteraka amin'ireo, raha tsy misy fampivadiana izany amin'ny taranja mampianatra ny *Kanto* sy ny *Mendrika*, sy mandranitra io haranitam-panahy io. Raha tsy ohatra angaha ka fahaizana amam-pahalalana hamokarana olombelona ho toy ny milina fotsiny no kendrena, izany hoe olombelona tsy natao hikatsaka izay *Kanto* sy *Mendrika*, tsy natao hikaroka ny soa sy ny tsara, fa natao hiasa sy hiodina toy ny milina fotsiny. Dia mionona amin'izay.

Mazava ho azy fa tsy hitondra ny fiainany sy ny fiainan'ny Fireneny ho amin'ny hasina sy ny lenta ambony ny olombelona toy izany, tsy hisy tena fandrosoana azo tsapain-tanana akory aza ho azo avy aminy sy avy amin'izay ataony, satria na dia izay mety ilàna izany aza dia tsy ho takatry ny sainy akory.

Marihina anefa fa eo amin'ny manerantany, dia hita mibaribary tokoa, eo amin'ny zavabitan'ny olona fa efa tena tsy afa-misaraka amin'ny *Kanto* sy ny *Mendrika* intsony ny tekinolojia faran'izay avo lenta. Ary izany fiarahan'ireo izany no mahatonga ity farany hanana fivoarana haingana sy tsiankiato.

Somary lasa lavitra angamba izany resaka izany, satria manakatra sehatra ifandraisan'ny tekinolojia amin'ny *Kanto* sy ny *Mendrika*, fa raha tsotsorina ny resaka dia ndeha averina eo amin'ny fiarahamonina ihany. Satria io no akaiky ny rehetra,

ary anefa dia ilàna tokoa ny *Kanto* sy ny *Mendrika* noho ny fikatsahana ilay « *fiarahamonina mirindra sy mandroso* ».

Iza no tsy mimenomenona raha miaina ny haratsian'ny fiarahamonina ankehitriny ? Ny loton'ny tanàna, ny loton'ny fisainana, ny fahantrana amin'ny lafiny rehetra, ny tsy fahamarinana sy ny tsy rariny manjaka, ny tanora (sy ny hafa) manao ny ataony etsy sy eroa...

Tena fiarahamonina tsy ahita-mangirana, raha izay firindràna sy fandrosoana !

Kanefa anie mba atsangana eto avokoa izao zavatra rehetra heverina fa tena fandrosoana, na hitondra fandrosoana izao e ! Tsy hita be ihany, toa vao maika mandrorona aza ! Mahatonga ireo efa tena kivy hilavo lefona, ka hamerimberina hatrany ilay hoe : « *Tsy ho tafarina ny Gasy* ! ».

Saingy izao. Ampidirina sy ampianarina eto avokoa izao rehetra izao, afa-tsy ny *Kanto* sy ny *Mendrika* ihany, ka inona moa no dia ahagaga raha tsy mahomby avokoa ny tetika sy izay zavatra apetraka rehetra, natao hitondra fandrosoana ?

Satria tsy « tetika » sy « zavatra apetrapetraka » fotsiny ity ventesina tsy andro tsy alina, antsoina hoe « fandrosoana » sy « fampandrosoana » ity, fa tena « *TOETOETRA IAINANA SY EKENA AO ANATIN'NY FAHATSIAROVANTENA TANTERAKA* », izany hoe eken'ny « *fisainana lalina* », no sady miorim-paka ao aminy tanteraka, ary izany dia tsy maintsy vokatry ny faniriana vory saina (fa tsy faniriana namboamboarina fotsiny avy amin'ny fehezan-teny baiko nalentika ao an-tsaina...), sy afaka hiaina ao amin'ny soa sy ny tsara, ao amin'ny fiarahamonina mirindra.

Ahoana anefa no ahatongavana sy hahatanterahana izany raha tsy mahalala ny *Kanto* sy ny *Mendrika* ? Satria raha tsy natomboka tany amin'ny fahazazana, nohamafisina teo amin' ny fahatanorana, ny fanefena ny fisainana ahalala izany dia ho zava-poana tokoa izay atao rehetra ho fampandrosoana ny fiarahamonina aty aoriana.

Raiamandreny sy tanora no niandohan'ny resaka, ka tsy hihoa-pefy, fa ny hamaranana azy dia izao : *tsy azo aorina an-*

keriny ny fandrosoana sy ny fampandrosoana, tsy azo teren-ko masaka toa voalobo-jaza fotsiny.

Tsy fanondrahana vola tsy hita pesipesenina avy amin' ny mpamatsy vola avy any ivelany fotsiny no fampandrosoana, tsy fampirisihana befahantany ny vahiny mpanambola hanangana orinasa sy hampiasa ny volany eto fotsiny, tsy fanitsiana ara-drafitra isan-taona isan-taona izao... Ekena fa mety mandray anjara amin'izany avokoa ireo, saingy ho toy ny « menaka nahoso-bato » ihany, raha toa ireo « kasain-kampandrosoina » tsy voakolokolo ho amin'ny Kanto sy ny Mendrika akory, izany hoe tsy mahalala izay tena tadiaviny sy tiany iainana akory...

Tsy dia hitombina loatra koa anefa ilay fandrosoana, raha endri-pandrosoan'olon-kafa, na dia nahitan'ny firenen-kafa fahombizana aza, no alain-tahaka fotsiny, ka ampidirina ankeriny. Fandrosoana ihany io, saingy mety tsy hifanaraka velively amin' ny zavamisy eto, no mety tsy hifanandrify amin'izay endrim-pampandrosoana tadiavin'ny teratany ihany koa.





NY VEHIVAVY

Tsy maintsy asian-teny ny mikasika ny « *VEHIVAVY*», indrindra raha hiresaka fampandrosoam-pirenena. Ny antony dia tsotra : ankoatra ny maha « *loharano nipoirana* » azy, dia izy no maro an'isa eto amin'ny Firenena, satria maherin'ny antsasa-manilan'ny Malagasy dia vehivavy avokoa (54% eo ho eo). Tena lehibe tokoa ny andraikitra sy ny adidin'ny ny vehivavy eo amin'ny Firenena sy eo amin'ny Fampandrosoam-pirenena noho izany.

Noho izy « maro an'isa » izay mantsy dia azo lazaina ihany fa tsy maintsy misy fiantraikany be dia be eo amin'ny fivoaran' ny Firenena izay ho fihetsiky ny vehivavy eo amin'ny fiatrehana ny fampandrosoana. Io fihetsiny io anefa dia miankina amin'ny toerana raisiny na omena azy eo amin'ny Firenena amin'ny ankapobeny. Koa mazava ho azy fa raha voageja sy voan' ny tsindry hazo lena ny vehivavy eo amin'ny fiarahamonina, tsy afaka mitondra ny anjara birikiny an-kahalalahana, dia tsy maintsy hiadam-pamindra manahaka izany koa ny fampan-drosoana.

Koa inona no zavamisy manodidina ny vehivavy eto Madagasikara hatramin'izay ka hatramin'izao ?

Tsorina avy hatrany aloha fa iharan'ny tsy fitoviana ny vehivavy eo amin'ny lafiny rehetra, satria ny fiarahamonina malagasy amin'ny ankapobeny dia manome vahana hatrany ny lehilahy (izay vitsy an'isa moa izany). Na dia ny famaritana ny vehivavy ho « *fanaka malemy* » fotsiny aza dia efa midika zavatra betsaka... « Fanaka », izany hoe zavatra tsy mihetsika, tsy mamokatra, haingon-draha fotsiny... ; ary « malemy », mifanohitra amin'ny hoe mafy sy mateza, tsy dia azo ianteherana loatra. Ny fisainana iombonana (ampiharina tokoa io) izay manizingizina fa « *ny lahy no lohan'ny vavy* » dia mametraka mazava ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny fiarahamonina.

Vao mahita masoandro fotsiny, ohatra, dia efa tsinjo ny tsy fitoviana. Ny ankamaroan'ny foko eto Madagasikara dia mitoto-rebika tokoa raha misy teraka ka lahy (« *naniry zaza ka tera-dahy*... »), fa raha vavy kosa dia somary mangingina ihany,

somary tsapa ho diso fanantenana ihany aza indraindray ny raiamandreniny, ka na tsy miloa-bava aza dia hita amin'ny fomba itondrany sy itaizany io zanany io izany : tsy alefa any an-tsekoly, fa na mankany aza tsy maharitra satria « tsy vita ny raharaha ao an-tanàna sy any an-tsaha... ». Vokany : amin'ireo Malagasy manakaiky ny 7 tapitrisa tsy mahay mamaky teny sy manoratra dia mahatratra hatrany amin'ny 60% dia vehivavy avokoa.

Amin'izao androm'ny soratra sy ny taratasy izao izany eto dia voatery tsy maintsy miankina amin'ny mahay izany ny vehivavy, raha toa ka misy tsy maintsy ilàny izany, kanefa moa dia tsy maintsy misy foana izany. Ny famakiam-boky na gazety anovozam-pahalalana moa dia efa tsy resahana intsony... (« *aiza koa no hisy vehivavy handany andro hamaky soratra izany, na dia mahay aza...* », hoy ny fisainana manjaka !) Tena lavitry ny fampandrosoana !

Tsy izay ihany fa any amin'ny foko sasany dia iharan'ny fanilikilihana ny ankizy vavy, satria raha vao tonga fadim-bolana dia tsy mahazo mipetraka intsony ao amin'ny trano misy ny rainy na ny anadahiny, ka alefa mitokan-trano sahady, toa tsy isan-janaka intsony, na dia mbola tsy mahalala izay làlan-kalehany akory aza (faritra Atsimo). Misy aza moa dia atakalo omby vositra fotsiny izao ka dia vadivadian'olona any na dia vao 12 taona monja aza (fahita amin'iny ilany andrefan'ny faritanin'Antananarivo iny izany).

Momba ny fandovana indray, indrindra ny fandovan-tany, dia voailika tanteraka ny vehivavy, satria « *tendrombohitr'olona* », ka tsy manana anjara amin'izany mihitsy. Amin'izay mantsy dia tsy mivoaka ao amin'ny fianakavian-dehilahy ny fananana... Toa midika izany fa tsy isan'ny fianakaviana ny vehivavy, satria tsy mba mandova ny raiamandreniny akory. Any amin'ny fianaka-vian' ny vadiny anefa izy dia tsy hanana sori-dohany mihitsy. Ny zava-doza aterak'izany, raha sendra ny trangam-piainana mampalahelo (fahafatesan'ny lahy na fisaraham-panambadiana, fa ny fiainana tsy ilaozan'izany, hoy ny fitenenana...), dia tena *vato kiboribory* tokoa ny vehivavy ! Tsy manana na dia izay

tanimboly kely mba hamelomany ny tenany sy ny zanany akory, fa dia mitsipozipozy miandry ny rariny eny fotsiny.

Amin'izao fotoana izao anefa dia efa mahatratra 20%n'ny vehivavy, indrindra eny ambanivohitra, no « *loham-pianakaviana* ». Izany hoe misedra sy tsy maintsy miatrika io tranga voalaza teo io. Ny ankamaroan'izy ireo dia mizaka ny vokatry ny setrasetran-dehilahy, satria sarintsarim-panambadiana (tsy fanambadiana ara-dalàna) moa no nifamatorana, ka rehefa avy niterahany 5 na 6, dia lasa manorim-ponenana vaovao any amin'ny vehivavy hafa indray ralehilahy. Dia toy izay hatrany...

Raha ny zavamisy mandritra ny fotoana ivadiana indray dia tsy mitoetoe-poana mihitsy ny vehivavy, fa tena miasa tokoa. Tsy mitombina mihitsy ilay fitenenana hoe ny « *hanambadian-kiadanana* » eto satria, ankoatra ny fikarakarana ny tokantrano (efa asa be io, indrindra eny ambanivohitra), dia mandray anjara feno amin'ny famokarana ihany koa izy. Misy mihitsy moa ny vehivavy mitana angady ary mahatana izany toy ny lehilahy, na dia « fanaka malemy » aza. Any amin'ny faritra sasany aza dia ny vehivavy no tena miasa, fa ny lehilahy toa natao handray vonona fotsiny. Izany rahateo moa no « fomba nentim-paharazana », ka dia manaiky ny vehivavy. Hain'ny lehilahy ny manararaotra izany toe-javatra izany, ka tsy mahagaga raha mbola tsy feno 40 taona akory ny vehivavy dia efa valaka tanteraka, very tanteraka ny endrika amam-bikany : vaviantitra mialohan'ny fotoana !

Angaha izay ihany ! Tsy vitsy ny vehivavy, na dia ireo aza no tsy maintsy atrehany isan'andro, mizaka ny tsy eran'ny aina noho ny daroka sy vono ataon'ny lehilahy. Sarotra ny fiainana, matetika tsy takatry ny saina (na dia sain-dehilahy aza...) ny mahatonga izany, koa dia any amin'ny vehivavy izy no miala vonkina, indrindra rehefa entin'ny toaka gasy iny... Koa dia miaritra eo ny vehivavy. Tsy fantany akory izay mba ZONY mikasika izany, satria eo amin'ny fiarahamonina fantany sy iainany dia toa « *entin'ny miankandrefam-baravarana rehetra* » izany ! Raha hitory moa dia ho sarotra ihany, satria ny tena indray ve no hampigadra ny rain-janaky ny tena... Dia vita eo ny amin'iny !

Eo amin'ny fizakana ny zo maha olom-pirenena, dia tsy

manan-kolazaina mihitsy ny vehivavy. Eo amin'ny fifidianana, ohatra, dia ny lehilahy hatrany no tompon'ny teny farany ka izay lazainy ihany no tsy maintsy ataon'ny vehivavy, satria tsy navela hanana fotoana sy fisainana handinika sy handanjalanja izay momba ny politika izany izy !

Tranga fahita matetika any ambanivohitra rehetra any ireo voatanisa ireo, kanefa fahita any an-tanan-dehibe efa « mandroso » ihany koa, satria na dia dradraina isan'andro aza any ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy dia mbola tsinjo foana ny tsindry hazo lena manjo ny vehivavy, indrindra ao amin'ny sokajim-pianakaviana sahirankirana na mahantra.

Ny maha samihafa azy fotsiny dia mba efa misy fivoarana kely ihany eo amin'ny fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy, noho ireo fanentanana isan-karazany. Fanentanana ihany moa izany, ka tsy dia mahasakana loatra ny fampisehoan'ny lehilahy ny maha « ambony » azy, na dia tsy mivantana loatra toy ny any amin'ny fiarahamonina ambanivohitra aza.

Hita izany eo amin'ny sehatra isan-karazany, na eo amin'ny fitantanam-pirenena izany, na eo amin'ny asa aman-draharaha omban'andraikitra ambony. Maro an'isa ny vehivavy eo amin'ny Malagasy, kanefa vitsy dia vitsy tokoa ireo mitana andraikitra ambony ahafahany mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra eo amin'ny fampandrosoam-pirenena. Tsy afaka miaro ny tombontsoany loatra izany ny maro an'isa eo amin'izay lafiny izay.

Marina fa efa misy tokoa ireo soritr'asa sy tetik'asa isan-karazany mikendry ny hanomezana ny vehivavy ny toerana tokony ho azy eo amin'ny Firenena, kanefa mbola tsy nahitam-bokatra tena misongadina ireny hatramin'izao aloha, satria vitsy ny vehivavy mahalala ny fisian'izany sy voakasik'izany.

Izany amin'ny ankapobeny ny toeran'ny vehivavy eto amin'ny Firenena, eo amin'ny fampandrosoam-pirenena. Famintinana ihany ireo, kanefa raha ireo voalaza ireo no itarafana azy dia mbola ho lava ny làlana, tsy ho an'ny vehivavy ihany fa ho an'ny Firenena mihitsy.


Iaraha-miaina mantsy ny fahasahiranana itambarana mangeja ny Malagasy amin'izao fotoana izao, kanefa ny vehivavy mala-

gasy dia mbola milanja ambonin'izany, noho ny maha vehivavy azy, « *miankin-drindrina irery* », mizaka ny tsindry afitsoky ny « fanjakan-dehilahy »... Indroa mahita ny maizina... !

Ny maro an'isa eto amin'ny Firenena no tratry ny tsindry hazo lena, ka mazava ho azy fa raha tsy mitodika amin'ny fanafahana azy ireo ny tetika fampandrosoam-pirenena tian-kampiharina, tsy hitera-bokatsoa mihitsy izany, satria tsy ho vitan'ny lehilahy irery ny fampandrosoana an'i Madagasikara, araka ny efa iaraha-mahita hatramin'izao !

Efa tena miezaka ny vehivavy (fa raha tsy nanao izany izy dia asa fotsiny izay misy ny Firenena amin'izao fotoana izao), mila hanao (efa manao ... ?) ny tsy fanao mihitsy aza indraindray eo am-piatrehana ny adim-piainana, saingy ezaka maty ankaranany fotsiny ireny noho ny rafitra tsara petraka tsy mamela azy ahita izay mba anjara masoandrony...

Mandrampahoviana ary no mbola hitombona ilay « vazivazy zary tenany » fanaon-drizalahy manao hoe : « *ny 8 marsa no andron'ny vehivavy, fa ny sisa an'ny lehilahy avokoa...* »... ?



NY TANTSAHA

Tsy faralahin'olona akory ny Tantsaha, sanatria, raha taorian' ireo sokajin'olona rehetra ireo vao resahina ny momba azy. Tsy izany loatra fa tena zava-dehibe tokoa eo amin'ny Firenena ny andraikiny, ka tsy maintsy navadibadika fatratra vao navoaka izao manaraka izao.

Tsy faralahin'olona ny Tantsaha, hoy isika, kanefa moa dia fomba fiteny fanajana ihany izany, satria raha ny maha olombelona tsotra fotsiny izao, na ny zavatra natao teto amin' ny Firenena hatramin'izao no ijerena azy, dia tena faralahy tokoa izy.

Raha vao voatonona fotsiny, ohatra, ny hoe « tantsaha », ny tonga ao antsain'ny « tsy tantsaha » voalohany dia ny hoe : « olona mafy ady », « olona maloto lamba », « olona bado tsy nandia fianarana »... Tsy lavitra izany ny fanabokana azy ho « olona kamo, maizin-tsaina, tsy andairan'ny hevi-pivoarana... », ary dia omena azy avokoa izao anaram-bosotra ratsy dia ratsy sy manebaka rehetra izao. Mbola manampy ireo koa ny hoe : « voretra », satria maloto lamba angaha, no sady tsy mba mahakarakara tena loatra sy tsy mba manaraka ny fomba fitafy takian'ny toetr'andro.

Raha fehezina amin'ny ankapobeny dia « *OLONA AMBANY* » no iheverana ny Tantsaha. Moa tsy avy any AMBANIvohitra raha-teo koa ve izy ?

Koa raha misy zava-mitranga na atao eto amin'ny Firenena dia toa tsy mba voakasik'izany loatra ny tantsaha, na dia mifan-dray amin'ny maha tantsaha azy aza izany. Satria hatramin'ny naha Firenena an'i Madagasikara, dia *tompon-trano mihono* hatrany ny tantsaha, teo amin'ny raharaham-pirenena.

Mety hisy hilaza hoe : tsy marina izany satria nandray anjara foana ny tantsaha tamin'ireo raharaha lehibe nilàna ny hevi-bahoaka sy ny feom-bahoaka, toy ny fifidianana, ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny fikaonan-doha isan-karazany... Misy aza sahy misora-tena ho « *solontenan'ny tantsaha* », any amin'ny ambara-tongam-pitondrana sy any amin'ny sehatra samihafa.

Ekena tokoa aloha fa nandray anjara tamin'ireny ny tantsaha, ary mety nifidy olona « nisolo tena » azy tokoa any amin'ny sehapitondrana isan-karazany, kanefa raha ny zavamisy iainan'ny tantsaha hatramin'izay ka hatramin'izao, dia mipetraka ihany ny fanontaniana : azo lazaina ho tena fandraisan'anjara ve ireny ? Ao anatin'ny fahatsiarovantena tanteraka tokoa ve no isafidianany sy andraisany anjara amin'izany ? Ary raha izy no maro an' isa indrindra (80%), tena manana fahefana tokoa ve izy eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fampandrosoam-pirenena, izany hoe ny fampandrosoana ny « tenany » (satria izy no maro an'isa eo amin'ny Firenena) ?

Samy hanana ny fomba hamaliany ireo ny tsirairay, fa ny zavamisy no ndeha ho jerena.

Fiteny tsy afaka am-bavan'ny tantsaha, na avy aiza izy na avy aiza, ny hoe « ***tany lavitra andriana*** ». Fanehoany ny maha lavitry ny Fahefam-panjakana ny misy azy io, ka tsy mba mahazo loatra ny tombontsoa aterak'izany.

Tany lavitra andriana. Fomba fiteny fampiononan-tena ihany eo anoloan'ny tsy azo anoharana. Tany lavitry ny ...mazava, ka tsy maintsy mizaka ny fisehoan-javatra rehetra aterak'izany.

Araka izany, fantatry ny tantsaha tsara ny toerana misy azy eo amin'ny fiarahamonina, ary fantany ihany koa fa na inona mitranga, na inona manjo azy, dia tsy manantena loatra izay fahefam-panjakana, tsy fantany sady tsy mahalala azy any izy...

Tany lavitra andriana. Midika fanakianana ihany koa anefa. Ny hitan'ny tantsaha mibaribary dia izao : rehefa lavitry ny fahefam-panjakana dia tsy mahazo ny tombontsoa mety aelin'izany, toy ny fanamoram-piainana isan-karazany, ny fivoaram-piainana amin' ny lafiny rehetra, ny « fandrosoana » amin'ny ankapobeny...

Fa ny tena fahavoazana, rehefa lavitry ny fahefam-panjakana, dia toy ny « *bibilava sinambotr'ankizy* » tokoa : tsy mba mahazo fiarovana ara-dalàna, na ny ain'olona, na ny fananany, fa izay « sahy » rehetra dia manao izay tiany atao avokoa, indrindra moa fa irony mpiasam-panjakana nomena ampahany, na dia faran' izay bitika, tamin'izany fahefam-panjakana izany aza. Manjaka tokoa araka izany ny « *toka-maso* », any amin'ny tantsaha, ary

dia toa izany hatrany no niainan'ity sokajin'olona ity, na talohan'ny fahaleovantena izany, na taty aoriana, ka mandrak'ankehitriny.

Lavitry ny tombontsoa rehetra, hoy isika... Tsy mahagaga raha toa ka tsy zarizary avokoa ny mikasika ny tantsaha malagasy, ary io dia amin'ny lafiny rehetra. Fa toa tsy mba misy mihitsy aloha zavatra eo amin'ny tantsaha, ka tena mba mahafa-po izany, hatramin'izao.

Eo amin'ny lafiny fitaovam-pamokarana, na fitaovam-piasana aloha. Raha mampiasa ireo fitaovana àry fomba sy sarobidy, efa mifandray amin'ny zanabolana ny tànan-dehibe sy ny renivohitra, eo amin'ny asa aman-draharaha izay sahaniny; ny eny ambanivohitra kosa, dia tena miadam-pamindra loatra ny fivoarana arapitaovana. Orinasa mpamboly vaventy (tsy tantsaha ireo...) no mba manana izany, fa raha ny tantsaha tena tantsaha dia mbola ny ain-dehibe sy ny fitaovana tsy zarizary aloha no mifampitolona.

Vokatry izany dia tsy mitombo firy ny vokatra, satria ny aina tsy mahavita afa-tsy ny erany ihany... Dia tsy mitombo, noho izany koa, ny tombontsoa miditra amin'ny tantsaha. Mihena aza izany satria tsy maintsy mitombo isa ny vava mihinana, ary mbola manampy trotraka an'io ihany koa ny sondro-bidin'ny zavatra ilaina eo amin'ny asa famokarana.

Miha mahantra noho izany ny tantsaha, mba tsy ilazana hoe bankiropotra... Ny tena loza dia manjary tsy ampy sakafo izy, na dia mpamokatra sakafo izao aza no anton'asany. Ary rehefa ny mpamokatra sakafo moa no tsy ampy sakafo, dia inona fa tsy izany no atao hoe : fahavoazana !

Hafa koa ! Tsy ny fitaovana ihany, fa ny fahaizana amampahalalàna mikasika ny asa fambolena ihany koa.

Ihazakazahan'ny tanan-dehibe sy ny renivohitra ny fifehezana izao karazam-pahaizana amam-pahalalana mitarika tekinolojia avo lenta rehetra izao. Ary samy mirotsaka amin'izany avokoa, na ny Fanjakana, na ny tsy miankina. Fa tsy misy rototra loatra, raha ny mikasika ny fahaizana amam-pahalalàna mitodika amin' ny eny ambanivohitra.

Misy tokoa ny sekoly sy ny toeram-pianarana ambony momba ny fambolena sy ny fiompiana, saingy raha jerena amin'ilay hoe

« 80%n'ny Malagasy dia tantsaha avokoa », dia tena tsy ampy velively izany (saika hiteny izahay hoe : toy ny tsy misy izany...). *Ho an'ny sokajin'asa tsy hampiasa mihoatra ny 5%n'ny Malagasy* anefa, dia tena maniry ohatra ny anana ny sekoly, ary tsy mahagaga raha mamokatra tsy an'asa izy ireny.

Koa mba aiza ary izay fanampiana ny tantsaha eo amin'ny lafiny fahaizana amam-pahalalàna ?

Ny tanora tambanivohitra mantsy, raha te ho tantsaha izy, dia tonga dia mambolimboly fotsiny eny, manara-davahana izay nataon-drainy sy raibeny hatrany, na nety izany na tsy nety, fa tsy mba misy sekoly mifandraika amin'ny lentan-tsainy, hanovozany fahalalana misimisy kokoa momba io « asa » io, ka ahatonga azy ho tena tantsaha matihanina...

Tsy mahagaga raha ataon'ny tanora tambanivohitra *filàna raha tsy mahita* fotsiny ny fambolena. Rehefa tena tsy mahita zavatra hafa atao izy, vao mitodika sy mionona amin'io (izany hoe : tsy dia manana risipo amin'io loatra izy izany). Satria tsy dia mihevitra loatra ny fambolena ho ASA mihitsy hatramin'izao na dia ny tantsaha aza.

Misy ihany ireo seminera sy fiofanana tsindraindray, kanefa haingana loatra ireny ho an'ny olona tsy dia ampy fahalalana fototra. Koa dia tsy hitondra inona loatra izany, fa vao midify ny mpampiofana dia miverina amin'ny teo aloha ihany. Ny avy aty an-tanan-dehibe mpampanao seminera indray aza no mahazo tombontsoa amin'izany, satria moa volabe omen'ny mpamatsy vola matetika no anaovana ireny...

Koa azo lazaina ve izany, fa tsy voafehin'ny Malagasy tanteraka ny tekinolojian'ny fambolena sy ny fiompiana, manomboka amin' ny ambany indrindra ka hatrany amin'ny avo lenta, satria tsy mahavelona azy akory izany, na dia 80% (afa-tsy ny tekinisianina) amin'izy ireo aza dia ao avokoa ?

Lafiny iray hafa eo amin'io fahaizana amam-pahalalàna io ihany, fa mahakasika ny fitantanana.

Kianina ihany koa ny tsy fahaizan'ny tantsaha mitantana, ary dia mahazo tsiny kely aza izy amin'izany matetika noho ny fanaovany « *tondraka anio manan-jara* », indrindra amin'ny fotoan'

ny miaka-bokatra. Tsy idirantsika lalina ny mahatonga ny tantsaha hanana izany fihetsika izany, na dia fantany tsara aza fa *tsy maintsy tsinjovina hatrany ny vodiandro merika.*

Kanefa, iaraha-mahalala fa tsy haihay foana izany fitantanana izany, na dia izay faran'ny tsotra aza. Tsy iadian-kevitra anefa fa tokony mba hisy fitantanana kely ihany eo amin'ity ASA AMANDRAHARAHA iray ity, toy ny any amin'ireny sehatra hafa rehetra ireny. Mihoatra noho ny sehatra hafa aza angamba, noho ny maha zava-dehibe sy maha fototra azy eo amin'ny toekarem-pirenena. Indrindra moa fa mety ho sarotsarotra noho ny fitantanana orinasa mahazatra ny fitantanana ny orinasa fambolena, satria :

- Isam-pianakaviana tantsaha dia azo heverina ho toy ny orinasa kely manana ny fomba fiasany, ny fihetsiny tsy dia azo vinaniana loatra mandritra ny fotoam-pamokarana, ankoatra ireo zavatra hafa iainan'izany fianakaviana izany, toy ny finoana, ny fanandroana, ny fady isan-karazany...
- Betsaka loatra ihany koa ny tsy ampoizina sy ny tsy voakajy mihitsy, ankoatra ny tsy voafehy vidy eo amin' izany fitantanana fambolena izany : miditra ao avokoa na herim-batana (ny aina izany, izay tena mbola mandray anjara lehibe tokoa eo amin'ny fambolena), izay matetika tsy kajian'ny tantsaha, satria ao amin' ny fianakaviana tantsaha, raha toa ka izy mianakavy ihany no *manao ny asa*, dia *TSY ASA* no *iheverany izany fa ADIDY*; na ny toetr'andro; na ny toe-tany; na ny masomboly (maniry sa tsia, mamokatra sa tsia); tsy resahina intsony ny amin'ny fiovaovan'ny vidin-jezika (zezibazaha ... ?) sy ny fanafodim-boly isan-karazany ...

Ka aiza moa no ahaizan'ny tantsaha mitantana ho azy fotsiny eo izany rehetra izany, sy mikajy izay tena masonkarenany marina, fa dia manaonao foana eo izy, toa kisendrasendra ihany, ka mahavoa : tsara; tsy mahavoa : atao akory !

Eo amin'ny fotoan'ny miaka-bokatra indray dia tatazan'ny mpijiri-bokatra sy ny *mpanelanelana isan-karazany* ny tantsaha,

ka maika koa tsy azo veroka mihitsy izay masonkarena sy tombony, fa matetika aza dia zara raha misy mandray ny vokatra, izay tsy mba azo tehirizina ela loatra matetika.

Noho izany dia tsy mba afaka mampifilafila tsena loatra ny tantsaha (ny fahantrana sy ny fahasahiranana koa tsy mamela azy hanao izany), fa dia manaiky izay omen'ny sasany fotsiny, na dia mahatsiaro (fikajiana tombantombana fotsiny...) ho maty antoka aza amin'izany.

Inona no fanafodin'izany ? Iza no manana fanafody amin' izany ?

Raha mbola ankinina amin'ny lakalaka sy ny kisendrasendra hatrany mantsy ity sehatra iray ity, izay isan'ny fanoitra lehibe indrindra eo amin'ny fampandrosoam-pirenena, dia tsy maintsy mahantra foana ny tantsaha, ary tsy ho tafavoaka mihitsy ny Firenena, satria dia hiorina amin'ny lakalaka sy ny kisendrasendra hatramin'ny fitantanam-pirenena.

Vokatry ny « tsy fahaiza-mitantana » sy ny tsy fisian'ny fanohanana ara-pahaizana, ary ny fatiantoka miavosa isan-taona, dia maro amin'ny tantsaha no mivarotra tanimboly, izany hoe mivarotra fitaovam-pamokarana.

Azo an-tsaina ny vokatr'izany. Izay tsy mivarotra tany dia manao anto-bola ny ampaham-bokatra mbola maitso eny an-tsaha... Ka inona fa tsy mihombo isan-taona ny aretina. Manampy trotraka izany ny afitsoky ny dahalo sy ny mpanao hala-botry.

Ho gaga indray ve isika raha toa ka mitsoaka any an-tanan-dehibe, manatevina ny tsy an'asa sy ny tsy manan-kialofana ary ny tontakely sy ny amboalambo ireo tantsaha, indrindra ny tanora.

Tsy maintsy mareforefo izany ny famokarana ambanivohitra. Mihena be ny vokatra. Ireo tantsaha sisa tavela alaim-panahy hiraviravi-tanana, ka matetika tsy mamokatra intsony afa-tsy izay tena ilainy ihany.

Dia tsy maintsy manafatra sakafo any ivelany ny tànan-dehibe raha te-hihinana. Dia tsy maintsy misambo-bola any ivelany koa mba ividianana izany, ka mazava ho azy fa tsy

tafavoaka mihitsy ny Firenena iray manontolo, voatery miankindoha tsy misy farany.

Tsy zarizary izany amin'ny ankapobeny ny lafiny ara-pamokarana. Kanefa tsy izay ihany no mampitsoaka azy, miala eny ambanivohitra. Eo ny tsy fandriampahalemana izay tena mamely mafy tokoa, satria mandrava tanteraka ny renivola kely mba voaangona am-polo taonany maro, ao anatin'ny ora vitsy monja. Kanefa mbola eo ihany koa ny lafiny ara-piainana tsotra fotsiny izao :

Tena tsy zarizary tokoa ny lafiny ara-pahasalamana any ambanivohitra. Ripaky ny aretina isan-karazany, na dia aretina tokony tsy ahafaty akory aza, ny tantsaha. Ireo tobim-pitsaboana moa raha misy dia anarany fotsiny, ka na ny mpitsabo voatendry hiasa amin'ireny aza matetika dia mitady làlana hatrany hialana any, fa tanam-polo tsy mahatsabo aretina, moa ny fiainana any koa tsy zarizary loatra. Ny fanafody vidiana indray dia tsy laitra ny vidiny. Dia tena ny « *aza marary* » tokoa anie no fanafody e !

Kanefa ahoana no fomba tsy arariana ? Ny asa : miantoka aina mafy dia mafy, ny sakafo itaizana aina : tsy ampy, na tsy misy mihitsy aza indraindray, ny adidy isan-karazany : miavosa, kanefa tsy maintsy vonjena (fa izay moa no maha tantsaha ny tantsaha...). Ka inona fa tsy maintsy ho mora andairan'aretina tokoa ny tantsaha.

Zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny tantsaha tokoa ireo voalaza fa « tsy zarizary » ireo, satria mahakasika ny fanamorana sy fanatsarana ny asany, izay hitarika fivoarana eo amin'ny fiainany tokoa, raha toa ka tomombana antsakany sy andavany.

Tsy ireo ihany anefa fa mbola maro izy ireny satria, araka ny efa nolazaina tery aloha, dia tsy hita loatra izay sehatra mahakasika ny tantsaha, ka mba tomombana sy lavorary.

Ohatra ny làlana. Tsy hazavaina intsony ny maha zava-dehibe ny làlana eo amin'ny fampandrosoam-paritra sy eo amin' ny fampivoarana ny fiainan'ny tantsaha.

Tany amin'ny 30 na 40 taona lasa tany dia mba efa afaka nivezivezy sy nifanerasera matetika tamin'ireo faritra na tanan-dehibe ihany ny tantsaha : nivoaka mora tsy nanano sarotra loatra

ny vokatra tamin'izany, ary tafiditra toy izany koa ny zavatra isan-karazany mety miteraka fivoaram-piainana eo amin'ny tantsaha. Ankehitriny anefa dia làla-maty na mihamaty sisa tavela, ka na sarety aza dia sahirana vao afaka amin'izany.

Dia inona fa tsy voatery mihiboka ao amin'ny faritra misy azy ao ny tantsaha, « *miha maizin-tsaina* », mora andairan-tsaho, mora ampitahorina sy ambakaina..., satria amin'ny vanin'andro maha zava-dehibe tena manosika ny fampandrosoana ny fifandraisana, ny tantsaha kosa toa miha mitoka-monina hatrany, ary miaina toy ny tany amin'ny voalohandohan'ny taonjato faha 20 ihany amin'izao fotoana izao, satria tsy mba mahazo izay fisainam-baovao na hevi-baovao entin'ny fifandraisana sy ny fifaneraserana akory.

Miha mahantra ny tantsaha ! Sarotra avoaka ny vokatra, tsy misy mpividy, ary raha misy mpanangom-bokatra sendra tonga, dia izy no mametra ny vidiny...Any amin'ny faritra sasany, ny voka-bary tamin'ny roa taona lasa dia tsy hitan'ny tantsaha izay anaovana azy, ny tamin'ny taon-dasa aza tsy novelezina intsony, fa tsy hita izay sompitra asiana azy. Ary amin'ity taona ity dia tsy maintsy nahena ny famokarana. Mety tsy hamokatra intsony aza moa amin'ny taona ho avy... Fatiantoka !

Tsy vitan'izany fa, vokatry ny làlan-dratsy, na ny tsy fisian-dàlana, dia lafo dia lafo ny vidin'ireo zavatra ilaina amin'ny fambolena sy eo amin'ny fiainana andavanandro. Koa dia mam-pidangana ny masonkarena koa izany.

Rehefa atambatra izany fahasahiranana sy tsy fetezan-javatra rehetra izany, dia hoy ny famintinana ataon'ny manampahaizana momba ny varotra : ny manafatra vokatra (vary sy ny sisa...) any ivelany no mahavoa kokoa, noho ny mividy izany eto an-toerana, satria tsy vitan'ny lafo ny eto an-toerana fa mbola eo koa ny fahasahiranana (làlana sy fandriampahalemana) eo amin'ny famoahana izany avy any an-tsaha... !

Koa inona izany fa tsy dia tavela eo ny tantsaha malagasy, fa ny *tain'omby natsentsin-davabary* aza angamba mbola mba mety hahita mangirana ihany. Ny tain'omby mantsy, rehefa ela ny ela, tsy maintsy esorina tao ihany, fa ny tantsaha kosa...

Izay raha atao indray mibango ny amin'ny tantsaha malagasy amin'izao fiandohan'ny taonjato faha 21 izao. Betsaka ny tokony mbola holazaina momba azy, fa izao fotsiny no amintinana azy : voadona mafy tokoa izy ireo eo amin'ny lafiny rehetra !

Tsetsatsetsa tsy aritra ihany : misy ireny sary navelan'ny fanjanahantany, nalaina tamin'ny taona 1900 tany ho any ireny, mampiseho tantsaha antandroy na betsimisaraka. Raha ampitahaina amin'ny tantsaha any amin'izao fotoana izao izany, dia ahatsapa izay mandinika fa toa tsy misy fiovana, toa ny toetoetry ny tantsaha tamin'izany ihany no mbola hita amin'izao fotoana izao. Toa tsy mba nisy fiantraikany taminy ny zava-nitranga tao anatin'ny taonjato iray be izao ! Ary toa tsy nitondra inona ho azy akory ny 50 taona nahaleovantena !

Sary fotsiny moa ireny ka mety tsy ahafahana manambara avy hatrany izay tena fisehoan-javatra marina, kanefa mba manaitra ny saina ihany ilay izy tsy mety lany andro fa toa vao nopihina amin'izao fotoana izao ihany. Mba nanao ahoana anefa ny fivoaran'ny sokajin'olona hafa tao anatin'izay fotoana izay ihany... ?

Sary hafa koa. Malaza ho mpandeha an-tongotra an-jatony kilaometatra ny maro amin'ireny tantsaha ireny, rehefa mba misy antony tsy maintsy nandehanany tamin'izany fotoana izany. Dia mbola manao izany ny ankamaroany amin'izao fotoana izao, manaraka ny sisin'ny làlam-pirenena (ny fanarahana ny sisin'ny làlam-pirenena angamba no mba fandrosoana nisongadina, sitrany ahay mba tsy mamakivaky kirihitra intsony), ihoaran'ny fandrosoana eny... !


Nalaza ho voaporitra, noverezin-jo sy nolemen-tsaina izy ireny tany amin'ny fotoan'andro tany aloha tany. Mbola atao izany anefa izy amin'izao fotoana malaza amin'ny fahalalahana sy ny fitandroana ny zon'olombelona izao, ary ny Malagasy namany ihany no nisolo toerana ny vazaha amin'izany.

Ekena fa niova ny kabary, ary nisy fiovàny hatrany izany isaky ny miova ny mpitondra fanjakana. Ny zavamisy iainany anefa dia tsy manaraka izany. Ny teo ihany no eo ! Izay no mahatonga ny tantsaha any amin'ny faritra sasany tsy mahay manavaka akory

izay Vazaha sy Malagasy, fa raha Malagasy mpanao fanjakana na mpitsangatsangana mandalo dia « Vazaha » ihany no fiantsoany azy. Satria tsy hitany loatra izay anavahana azy amin'ny tena Vazaha, moa tsy tsapany koa izay mampitovy (samy Malagasy) azy aminy...

80%n'ny Malagasy, hoy ny tononkira mahazatra, dia tantsaha avokoa, ary izay indrindra no maha fototry ny toekarem-pirenena azy : ny maro an'isa mpamokatra harena voalohany eo amin'ny Firenena; miantoka ny fivelomana amin'ny lafiny rehetra (sakafo, fitafy...), miantoka indrindra ny famerenana ny trosan'olona any ivelany, satria tsy misy afa-tsy ny vokatry ny famokarana ihany no ahafahana manefa izany.

Io « fototra » io anefa no tena marefo dia marefo amin'izao fotoana izao, miha konka, mivavavava, tsy misy fikarakarana...! Koa tsy mahagaga raha malazolazo sy marary lava ny toekarem-pirenena, raha farofy sy taizan'aretina ny Firenena !



« **DRIDRAN'INGILO,**

andrasan-ko sitrana

vao manapa-kozatra ! »

Hoy ny Rakibolana malagasy momba io

ohabolana io :

« enti-milaza... toe-javatra sarotra

itadiavam-panafody,

ka arakaraka ny anantenana azy ho

sitrana no vao maika

mampitombo ny fahavoazana

aterany » !





MERINA SY TANINDRANA

Asian-dresaka voalohany ny mikasika ny fizarana ny Malagasy ho Merina sy Tanindrana.

Resaka somary manahirana izay moa izy ity. « Saro-pady », hoy ny mpanao politika sy ny be politika, ary dia tsy misy sahy miatrika izany mivantana, kanefa dia samy mihodinkodina eo jiaby, indrindra rehefa misy fizaran-tseza politika izay, na zavatra hafa mifandraika amin'izany. Marihina aloha fa noho izay indrindra dia tononkira fandre matetika eto Madagasikara ny hoe « firaisam-pirenena », tononkira nenti-pahazarana tokoa, satria toa lasa fampitahorana indray aza no iafarany, fampitahorana ataon'ny be politika te ahazo seza...

Koa ahoana marina ny amin'ity « Merina » sy « Tanindrana » ity ?

Amin'ny ankapobeny aloha, ary iaraha-mahatsapa sy mahita rahateo izany, ny Merina no isan'ny foko « lasa lavitra » indrindra eto Madagasikara eo amin'ny lafiny fivoarana ara-piainana sy ara-pisainana. Manana tombon-dahiny tokoa izy amin'ireo lafiny ireo, ary mampiseho izany avokoa ny tontolo manodidina azy... (amin'ny ankapobeny ihany anefa izany, satria rehefa tomorina akaiky io resaka io, dia tsy mitovy ny dingan'io fivoarana io na dia eo amin'ny samy Merina aza. Tsy izay anefa aloha no horesahina eto...).

Noho izany dia alaim-panahy ihany izy ihevitra fa « ambony » noho ny hafa, manam-pahaizana sy manan-tsaina kokoa. Indraindray aza moa dia mirehareha amin'izany ny Merina « sasany », ka sahy mampidera sy miedinedina amin'io maha « ambony » azy io, indrindra eo amin'ny fifandraisany amin'ny hafa foko...

Ny fihetsiky ny sasantsasany toy izany matetika no milentika ao an-tsain'ny foko hafa, ka mahatonga azy ireo hanana fiahiahiana amin'ny Merina, izay heveriny ho olona « *fetsifetsy sy malama* », « *tsy menatra ny hanambaka ary tsy azo itokisana* ». Nihevitra mihitsy aza ny foko hafa, fa ny Merina no « *mpangoron-karena* »,

tamin'ny fotoana nampalaza io voambolana io teto amin'ny Firenena.

Inona no nahatonga izany rehetra izany ? Inona no nahatonga ny Merina ho « lasa lavitra » kokoa, raha izay no azo ilazana azy ?

Tsorina avy hatrany aloha fa diso hevitra ihany izay foko na antokon'olona manana fiheverana fa « ambony », na « mahay », na « maranitra » voajanahary, noho ny hafa, satria eo amin'ny toetoetra fototra iaingana dia mitovy avokoa rehefa taranak' olombelona. Saingy tsy maintsy mipoitra miandalana eny ihany ny fahasamihafana. Ary izany dia tsy avy amin'ny toetoetra manokana ananan'ny foko iray loatra akory, fa raha ny marina dia avy amin'ny fiantraikan'ny tontolo manodidina iainana sy ifampikasohana isan'andro sy mandavan-taona ary mandritra ny taonjato maro, amin'ny olombelona miaina eo.

Ho an'ny Merina izao dia azo lazaina fa tena namaritra tanteraka ny toetra maha Merina azy ny tontolo iainana eto amin'ny faritr' Imerina. Na toetany izany, na toetr'andro.

Araky ny lovan-tsofina dia tendrombohitra rakotra ala matevina, honahona ary heniheny no novantanin'ny razamben'ny Merina teto. Tontolo tsy dia mora niainana loatra, kanefa tsy maintsy nofolahin'izay te ho velona sy hanorim-ponenana.

Tsy vita mora anefa ny famolahana izany, fa nitaky asa goavana sy mafy : mbola tazana eto amin'ny faritr'Imerina mandrak'androany ny vokatr'izany asa mafy izany, toy ny fefiloha indrindra indrindra, ny hadivory, ny tamboho, ny tanimbary, ary taty aoriana ny trano fonenana.

Mazava ho azy fa namolaka ny saina ny fanaovana izany asa mafy izany, nanefy ny saina hikaroka, hanitatra, hitahiry ireo tetika rehetra nenti-niasa (na ara-tekinika izany, na ara-pandaminana), izay hanjary ho toy ny tekinika tsotsotra, rehefa nitambatra sy enti-pahazarana.

Toa tsy misy taitra amin'ireny fefiloha lehibe manodidina an' Antananarivo ireny moa amin'izao fotoana izao, satria tsy dia fantatra ny tantaran'izy ireny, ary dia maro no mihevitra fa zava-bonona, vita Nanahary, novantanim-potsiny izy ireny, kanefa dia tsahivina ihany fa herim-batana be izao no nananganana ireny,

niampy fahaizana amam-pahalalana tsy avy amin-tsekoly. Tsy nisy fitaovana vaventy nampiasaina teny, ary na ny angady aza dia mbola vitsy ihany no vita tamin'ny vy. An-jato taonany no nananganana ireny, kanefa dia ireny izy mbola mijoro sy manao ny asany ireny mandrak'ankehitriny. Tsy ambakan'ny Mandaben'i Shina, na ny Fasamben'i Egypta (fa ny olona mahay manindrahindra ny azy ka dia voaresaka foana...).

Tsy maintsy natao ny asa toy izany, ary tsy aingitraingitra velively fa tena miantoka ny aina sy ny fahavelomana ary ny hoavin'ny taranaka mihitsy...

Tsy olom-bitsy koa no nanao ny asa fa ny vahoaka manontolo, ka rehefa vahoaka marobe no niara-nirohotra nanao zavatra, dia mety hanaonao foana ihany, raha tsy nisy fandaminana sy fandrindrana maty paika. Koa tsy maintsy nisy izany ny « fahefana » matanjaka, mpandrindra sy mpandamina, izay azo heverina fa mety ho niandohan'ny Fanjakana merina, araka ny nahafantaran' ny tantara an-tsoratra azy taty aoriana.

Io fanaovana « asa vaventy » io no azo lazaina fa nampiavaka voalohany ny Merina tamin'ireo foko hafa. Ary io koa no somary nahazoany tombon-dahiny sy tombon-dàlana kely teo amin'ny fahaizana amam-pahalalàna, izay tsy maintsy nananany. Tena nilaina izany teo amin'ny famolahana sy ny fifehezana ny tontolo iainana (nisy karazandrazan'izany koa teo amin'ny foko Betsileo, saingy samihafa ny toetany, ka samy hafa koa ny fisehony sy ny vokany...).

Fa tsy mba toy izany loatra ny tontolo iainana tany amin'ny faritra hafa, indrindra ny taty anindrana. Marina aloha fa samy sarotra niainana avokoa ny faritra rehetra, tamin'izany fotoana izany, saingy tsy dia mafy noho ny teto Imerina ny tany. Mora kokoa ny fivelomana tany amin'ireny faritra ireny. Lonaka ny tany. Betsaka ny vokatry ny ala sy ny biby azo nohazaina... Tsy dia nitaky asa be loatra ny fivelomana. Ny toetr'andro koa (mafana) tsy dia nahafahana nanao izany. Vokatr'izany : tsy dia nilàna tekinika be loatra, ary tsy nilàna « fahefana mpandrindra » ihany koa, raha tsy efa taty aoriana, rehefa niha maro ny mponina.

Amin'ny ankapobeny izany teo, dia azo lazaina fa efa nisy « fivoarana » roa karazany sahady (na dia mbola samy nanana ny azy koa aza ireo foko tsirairay, saingy somary nitovitovy ihany ny lentan'izany...) teto amin'ny Nosy.

Taty aoriana, rehefa niditra ny fanjanahantany, dia toa vao maika nifanalavitra ireo « fivoarana » ireo.

Somary niantehitra betsaka tamin'ny Merina mantsy ny Vazaha, teo amin'ny fitantanana an'i Madagasikara zanatany, ary ny Merina koa nahay nanararaotra ny fahaizana amam-pahalalàna nentin' ny Vazaha, mba hanatsarany ny fifehezana ilay tontolo iainana nanahirana azy hatramin'izay, ary koa mba hanatanterahany ilay fampitambarana an'i Madagasikara, nokasainy hatramin'ny nananany fahaizana sy « fahefana » nandamina sy nandrindra.

Noho ny fananany ilay nentim-pahazarana teo amin'ny asa vaventy koa, dia mora ho an'ny mpanjanaka ny namadika ny Merina ho mpikarama.

Fa tsy mba toy izany ny tany anindrana (ary ity angamba no nahatonga ilay fiheverena tsy dia marina loatra manao hoe : « Kamo ny Tanindrana ! », saingy ny olona tany anindrana dia *tsy nanao afa-tsy izay nifanandrify amin'ny filàny ihany*; izay rahateo no notakian'ny « fivoarana » tany aminy, ny mpanjanaka anefa tsy maintsy nampiasa izao tetika rehetra izao (famonoana ny raketra tany Atsimo, karatra isan-dahy, asa an-terivozona...), mba hanerena ny Tanindrana ho lasa mpikarana ihany koa, *fa izany no nilain'ny toekarem-panjanahana*.

Koa satria ny Merina no efa mpikarama tamin'izany fotoana izany, dia noterena handray anjara tamin'ny fanatanterahana ireny « tetika » ireny izy.

Araka izany, vokatry ny zavanisy talohan'ny nahatongavan'ny Vazaha, sy ny zava-niainana nandritra ny fanjanahantany, dia maro tamin'ny Tanindrana no nihevitra fa isan'ny mpanjanatany koa ny Merina, ny Merina sasany koa nihevitra ny tenany ho toy ny mpanjanaka... Ka na efa taty amin'ny vanim-potoanan'ny fahaleovantena aza, dia mbola nitoetra ilay fiahiahiana ny Merina, sy ny fijerena ny Merina amin'ny maso vilana. Ny zavatra tena nisongadina mantsy dia izao : ny ankamaroan'ny avara-

pianarana, ny manamboninahitra, ny « mpanao fanjakana », ny mpandraharaha... dia Merina avokoa. Nahatonga ny Tanindrana ihevitra fa ataon'ny Merina ampihimamba ny tombontsoan'ny « fandrosoana » rehetra.

Fiheverana ihany moa izany fa ny zavamisy dia tsotra : tsy afaka nampiato ny fivoarany ny Merina, satria ireo avara-pianarana, manamboninahitra... dia tsy maintsy... hiteraka ny toa azy koa. Mety ho ambonimbony sy maromaro kokoa aza izany.

Etsy andanin'izay anefa dia tena ara-drariny tokoa ny heta-heta sy ny fikatsahan'ny Tanindrana « fitoviana » sy fandraisan' anjara eo amin'ny fitantanana ny Firenena, sy eo amin'ny fiainana amin'ny ankapobeny, taty amin'ny fahaleovantena. Saingy misy indro kely ihany eo amin'io lafiny io.

« Fitoviana », hoy isika, ka eo no mety handiso hevitra ihany, satria voaresaka teto hatrany ny atao hoe « fampandrosoam-pirenena marina », izay toa midika fa iray ihany ny endri-pampandrosoana ho an'i Madagasikara manontolo.

Eo amin'ny lafiny ara-pisainana sy eo amin'ny tanjona ankapobe tian-kotratrarina dia iray ihany tokoa izany, fa rehefa tena miditra amin'ny fampiharana dia tsy maintsy samy hanana ny endri-pampandrosoana mifanaraka amin'ny zavamisy ao aminy ny faritra tsirairay. Ny endri-pampandrosoana any Avaradrano tsy ho azo ampiharina befahantany any Betioky-Atsimo, na dia faritra samy misy fambolena sy fiompiana aza ireo; torak'izany koa, ny mety hanjary any Manakara, mety tsy hamokatra mihitsy any Befandriana-Avaratra... Tsy maintsy misy « maha izy azy »m-paritra, ka raha tsy voahaja ireny, raha tsy mifanaraka amin'ny zavamisy izay kasain-katao, dia tsy hahita fahombiazana mihitsy.

Ny filazana izany angamba dia *fipasohana ny efa malama* ihany, satria voatanisa matetika, tao ho ao, ny atao hoe « *fampandrosoana isam-paritra* », koa azo inona fa mitovitovy amin'ireo voalaza ireo tokoa ny fomba fitetika napetraka ho amin' izany.

Ny natao teto Madagasikara hatramin'izao mantsy dia somary manalasala ihany. Noezahina natao tokoa ny fampan-

drosoam-pirenena, kanefa toa tsy dia nazava loatra ny fomba nitondrana izany. Koa alaim-panahy ihany ny maro (na Merina na Tanindrana) hihevitra fa :

- Ny faritra any anindrana dia tsy maintsy manenjika izay noheverina fa fahatarana efa niangona hatramin'izay (miohatra amin'ny faritr'Imerina sy Antananarivo).
- Kanefa koa tsy maintsy maha araka ny « fandrosoana » ankehitriny, sao vao maika koa ho diso aoriana...

Dia hiainga avy amin'ireo ny tetika sy ny fihetsika rehetra. Dia avy ao koa no hipoitra ny fitakiana fitoviana, ary ny ankamaroan' ireo avarapianarana tanindrana no tena hanetsika izany.

Raha izany anefa no tena fipetrany, dia tena *tolona tsy omby tratra* ilay izy, satria dingana lava dia lava, sy maro sampanana, no tsy maintsy diavin'ny faritra any anindrana, kanefa ny entimanana izany amin'ny lafiny rehetra tsy ampy, na tsy mifanentana akory amin'izay ilaina.

Koa na misy aza ny finiavana hanatanteraka izany, dia tsy hipaka any amin'ny tena fototra ilay « fampandrosoana-fitoviana » takiana, fa dia ho sarintsariny fotsiny ihany.

Fa ny tena olana, na ireo « mpitaky » aza toa tsy mahita fomba sy tetika maty paika mety ahomby, hampitana izany hatrany amin'ny fototra, hatramin'izao aloha. Mionona fotsiny amin'ny fitakiana « fitovian-jo » eo amin'ny fitantanana ny Firenena amin'ny ankapobeny. Noheverina angamba fa io fampitovian-jo io no tena hitarika ilay fampandrosoana isam-paritra. Kanefa moa efa ela ihany izay nampiasana ny « *fandanjalanjana ara-poko* sy *ara-paritra* » izay, teo amin'ny fanendrena ireo tompon'andraikitra ambony ao amin'ny fitondram-panjakana, fa toa tsy hita ihany izay eo. Tsy ny fizaran-tseza ara-poko no ratsy, fa tsy io irery akory no hiteraka fampandrosoana marina any anindrana sy eto anivontany.

Ny zavatra tsapa dia toa variana loatra tamin'io ny avarapianarana sy ny mpanao politika tanindrana, ka toa ny tetika fitadiavam-pahefana taty amin'ny Fanjakana an-tampony no nandeha alohan' ny tetika fampandrosoana marina ny faritra niaviana (miala tsiny ny amin'izany fa io aloha no tsapa...)

Marina aloha fa nisy ihany ireo zava-bita tetsy sy teroa, nodokafana teo amin'ny vahoaka hoe « fandrosoana » (rehefa misy trano mijoalajoala moa dia izay no atao hoe « fandrosoana »...?). Saingy mbola « fandrosoana-viliantsahona » ihany ny ankamaroan'izy ireny, satria rehefa tomorina akaiky dia tsy lavorary akory. Kanefa moa nisy taty amin'ny faritr' Imerina, ka tsy maintsy natao izay nisiany tany amin'ny faritra hafa, na dia tokony ho tamin'ny endrika hafa aza no fisehony.

Ny ohatra azo omena amin'io dia ny sekoly, na ny antonontonony, na ny ambony. Ny fampianarana amin'ny ankapobeny.

Lazaina avy hatrany fa izay holazaina manaraka eto, dia tsy midika akory fa tsy tokony hisy sekoly antonontonony na ambony any anindrana. Tsia, fa rehefa atsangana ireny sekoly (lafo vidy) ireny, dia tokony hifanentana sy hifanaraka tanteraka amin'izay ilain'ny fampandrosoana any. Ary indrindra, tsy tokony atao ambanin-javatra ny fanatsarana sy ny fanatevenana ny tontolo manodidina ny fahaizana amam-pahalalàna (ity farany ity aza no tena zava-dehibe, satria ny fampianarana dia tsy vitan'ny fananganana vatan-tranon-tsekoly fotsiny, fa tsy maintsy misy zavatra hafa maro miaraka aminy, toy ny tranomboky, ny tranon-kolontsaina, ny valandresaka, ny fampirantiana samihafa... Matetika mantsy ny mora atsangana any anindrana dia ny toerana fandefasana « video », ny toeram-pandihizana, ny « karaoke »..., kanefa ireo tsy dia manampy loatra ny fivelaran'ny fahaizana amam-pahalalàna eo amin'ny faritra), fa raha tsy izany dia ho tsy zarizary hatrany izany, hanjary ho anarany fotsiny, ho sarintsarintsekoly fotsiny, ka mety tsy hitondra voka-tsoa ho an'ny faritra loatra.

Nihazakazahana araka izany ny fananganana sekoly (vatan-trano), nisy fotoana nifaninanana ny fananganana « lycées » na « CEG », natao tery vay manta ny fanokafana izany avy eo. Satria moa ireo mpanao politika zanaky ny faritra mba te hampiseho amin'ireo nifidy azy sy ny tany niaviany, fa tena « mahavita azy » tokoa, ary tena mba mikarakara...

Koa tsy dia nampaninona loatra na tsy mbola ampy aza aloha ny mpampianatra, na tsy misy mihitsy aza matetika, fa efa mitsangana ny trano, ary efa nandray mpianatra. Matetika dia ireo

mpiasam-panjakana, na mpiasan'ny orinasa eo an-toerana ihany no asaina nampianampianatra eo, namerina izay mba tsaron-tsaroany tamin'izay nampianarina azy fahiny. Misy mahay tokoa amin'izy ireny, kanefa moa matoa misy ny sekoly manokana manefy mpampianatra, dia tsy ny rehetra akory no mety ahavita io asa io.

Etsy andanin'izay anefa ilay faritra tsy manana tranomboky iray akory, tsy ahitana fihetsiketsehana ara-kolontsaina iray akory mandritra ny taona...

Ka mba hanao ahoana ny mpianatra ampianarina ao amin' ny sekoly « tandrametaka » (miala tsiny ihany...) toy izany ? Hanao ahoana koa ny fahaizana amam-pahalalana hataony vatsy eo amin'ny fiainany ?

Angamba tsy ilàna fanadihadiana lalina ny famaliana ireo fanontaniana ireo. Miteny ho azy ny voalaza etsy aloha.

Ny homarihina fotsiny dia izao : ny mpianatra moa tsy maintsy manala fanadinana, rehefa mamarana ny taona nianarany. Koa rehefa hanao izany ireto mpianatra avy any amin'ny sekoly « tsy zarizary », dia matetika mahazo baiko tsotra izao ireo mpanadina mba « tsy dia ho sarotiny » loatra (satria tsy vita ny fandaharam-pianarana, na tsy nisy mpampianatra ny taranja izao na izao...). Raha sendra mpanadina henjankenjana tsy mety manaraka izay « baiko » izay, dia tsy misalasala ny manampa-hefana eo an-toerana mampitahotra ankolaka na mivantana, indrindra raha Merina na Betsileo (kanefa matetika dia Merina sy Betsileo no ankamaroan'ireny mpanadina ireny) ny mpanadina : « mety misy rotaka raha vitsy loatra no afaka... », « manahirana anay ny fitandremana ny fandriampahalemanareo raha vitsy loatra no afaka... ! »

Ka inona no azo atao amin'izany fa dia atao izay tsy hampisy ny... rotaka, sy hampandry fahalemana ny tanàna !

Ahoana no hampandroso marina ny Tanindrana amin'izany ? Ahoana no hampandroso marina an'i Madagasikara amin'izany ? Satria ny any anindrana no maro an'isa amin'ny Malagasy.

Sarintsarin-tsekoly ! Mamokatra sarintsarinà manam-pahaizana ! Manana sarintsarim-pahaizana !

Ireo mpanao politika sy avarapianarana avy ao amin'ny faritra niady mba hananganana ny sekoly, rehefa misokatra izany, dia nihevitra angamba fa vita ny anjarany fa an'ny Fanjakana (Fanjakana aty Antananarivo io !) ny sisa, ka raha tsy tomombana sy tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny sekoly, dia ny Fanjakana no tompon'andraikitra.

Tsy lavina fa manana andraikitra lehibe eo amin'ny fampianarana ny zana-bahoaka ny Fanjakana, kanefa iaraha-miaiky fa raha ny tanjaky ny Fanjakana malagasy hatrizay ka hatrizao, dia zary nofinofy ihany ny ahatomombana ny fampianarana any amin'ireo sekoly an'arivony maro miely patrana manerana ny Nosy. Maika moa fa ilay nantsointsika teo hoe : « tontolo manodidina ny fahaizana amam-pahalalàna », izay tsy dia anjaran' ny Fanjakana loatra ny manetsiketsika izany, satria ireo vato nasondrotry ny tany (ny mpanao politika sy ny avarapianarana) aza angamba no tena manana andraikitra lehibe sy voalohany amin'izany, sahala amin'ny ataon'ny olon-drehetra mahatsiaro tena hampandroso ny tany niaviany, manerana izao tontolo izao.

Mba misy ihany mantsy ireny fikambanana « zanaka ampielezana » ireny, fa toa tsy dia mitodika loatra any amin'ny fampandrosoana ny faritra niaviana, fa variana amin'ny fehim-pihavanana, sy ny fikoranana, ary ny famohazana ny lasa fotsiny (sy ny resaka politika koa aza angamba...), kanefa dia ireny mihitsy no tokony hahavita ny fanetsiketsehana ny tontolo manodidina ny fahaizana amam-pahalalàna (sy ny tontolo hafa mety mahasoa...), avy amin'ny fananganana tranomboky ohatra, fampitaovana ny sekoly, fihetsiketsehana ara-kolontsaina matetitetika, mba hanampiana ireo zandry zanaka mbola any an-tanàna, sy hampivoarana ny faritra amin'ny ankapobeny. Raha tsy manao izany any amin'ny faritra niaviany ny zanaka ampielezana, iza indray no antenaina hanao izany ? Sady azo inoana koa fa tsy sarotra ho azy ny hanao izany, ny ankamaroan'izy ireo mantsy dia mitana toerana ambony eto amin'ny Firenena, aty Antananarivo, na any amin'ny tanan-dehibe hafa, ka aiza ny varavarana tsy hivoha eo anoloan'ny olona tahaka izany, raha manana finiavana hanao izany tokoa izy... ?

Sa dia hiandrasana ny « Alliances françaises » sy ireo foibe ara-kolontsaina vahiny hafa hatrany ny fanaovana izany ?

Tsetsatsetsa tsy aritra ihany iny, fa raha tsy misy mantsy ny fihetsehana toy izany, ireo vato nasondrotry ny tany avy any anindrana dia tsy maintsy « hitovy » (fomba fisaina sy fiaina) ihany amin'ireo vato namelan-kafatra avy eto Imerina. Saingy ny faritra niaviany no tsy mba hahazo ny tena anjara masoandrony eo amin'ny fiaraha-mihiran'ny Firenena, satria hitongilana hatrany ny fandrosoana...

Efa miresaka ny fampianarana any anindrana ihany, ka angamba mba tsara asian-teny ny toy itony :

Voalaza teo fa tsy ampy mpampianatra ny sekoly any, ary anefa tsapa ihany koa fa mitangorona eto Antananarivo, sy any amin'ny tanan-dehibe sasany ireo mpampianatra. Betsaka ny mety ho anton'izany fa ny tahaka ity ihany no singanina.

Ny ankamaroan'ny mpampianatra, hoy isika, dia Merina sy Betsileo amin'izao fotoana izao. Zavamisy io ary tsy tokony hiteraka olana eo amin'ny fampianarana, eo amin'ny fifandraisan' ny mpampianatra sy ny mpianatra. Ny olana « kely » dia eo amin'ny fifandraisan'ireny mpampianatra-« mpiavy » ireny amin' ny fiarahamonina vantaniny.

Mety misy ihany mpampianatra manana fihetsika hafahafa, ka mety miteraka olana, kanefa tsy ny rehetra izany; fa ny toe-*javatra tena nampitaraina ny mpampianatra dia ny fihetsika somary* misy fanavakavahana ataon'olona sasany. Eny an-tsena, ohatra, raha tsy efa tapitra nahazo ny iray foko amin'ilay mpivarotra (mpivaro-kena no tena hitanay), dia tsy mahazo ilay mpampianatra. Miteraka alahelo sy fahasorenana ny toy izany. Mihevitra ilay mpampianatra fa hanasoa ny taranaka malagasy no nandaozany ny tany niaviany, fa tsy sanatria hanjanaka na hangoron-karena, kanefa dia fihetsika toy izany no mba valiny.

Mazava ho azy fa taom-pianarana iray iny ihany izy no handefitra, fa tsy maintsy mitady lalana hialàny any izy amin'ny taona manaraka. Ny fitadiavana izay hasolo azy anefa mbola raharaha hafa.

Ny taranaka sy ny fandrosoan'ny faritra iray manontolo mihitsy

no voa mafy amin'ny toe-javatra sahala amin'izany, noho ny fihetsika tsy voahevitry ny sasany.

Tamin'ny 10 taona lasa no nitrangan'izany, ka angamba kosa mba efa nisy fiovana ihany. Raha toa moa ka ny omaly tsy miova dia...

Hafa koa ! Matetika any amin'ny sekoly samihafa any anindrana any, dia toa tsy mety angaha raha tsy olona avy amin'ny foko eo amin'ny faritra ihany no atao talen-tsekoly. Noho izany dia toa tsy mampaninona loatra raha mpampianatra avy amin'ny CEG no tendrena ho tale-nà lycée. Satria io no « avy any »...

Tsy fanambaniana na iza na iza akory, fa mba misy fepetra tsy maintsy hajaina ihany ho fanomezana hasina ny fampianarana sy ny fahaizana amam-pahalalàna, ary ny maha samy Malagasy eto Madagasikara.

Ny olana mantsy dia izao : ireo mpampianatra hafa « tsy avy any », na dia manana ny mari-pahaizana mifanandrify amin'izay ilaina, sy efa nampianatra mihoatra ny 20 taona aza, dia toa voatery ihevitra fa tsy miasa eto Madagasikara (satria « tsy avy any »), no sady koa tsy mba manana fanantenana ny hisondrotra eo amin'ny asa imatesany, raha tsy ohatra angaha ka mitady làlana hiverenana any amin'ny tany niaviana.

Manginy fotsiny ny disadisa sy ny tsy fisian'ny risipo (tsy eo amin'ny fampianarana ihany ity toejavatra ity fa fahita any amin'ny sehatr'asa hafa koa) baikon'ny tale ambany lenta ara-pahaizana noho ny tena.

Tsia ! Tsy fiadian-toerana ho an'ny Merina na ny Betsileo akory izany, fa fikatsahana ny hahatsara zavatra fotsiny ihany. Ny hampandroso marina ny faritra no kendrena, ka tsy tokony ijerena fiaviana izany.

Sady izao koa : tsy voamarina mihitsy fa hahay ho azy eo ny mpianatra, raha avy amin'ny foko niaviany ny talen'ny sekoly ianarany ! Tsy tonga dia hahay ho azy koa anefa izy raha Merina na Betsileo no tale. Fa izay fantatra fa hahazaka ara-pahaizana sy ara-tekinika ny raharaha no tokony hitana ny toerana, na inona fiaviany na avy aiza izy !

Zavanisy izany tarehin-javatra izany, ka izay no nitondrana azy teto mba hisaintsainana.

Raha tsy maintsy mitoetra ihany ny fomba fijery ny Malagasy ho Merina sy Tanindrana, dia tsy maintsy tombontsoa ifanakalozana no iarahana : ny Merina mahita tombontsoa amin'ny fiarahany amin'ny Tanindrana, ary ny Tanindrana koa mahita izay ilainy amin'ny fiarahany amin'ny Merina. Izany no tena mampiray ny Firenena ! Izany no FIRAISAM-PIRENENA ! Fa tsy resaka poak'aty sy mandrebireby saim-bahoaka toy ny fanaon'ny be politika fotsiny, manao be fanonona ny « firaisam-pirenena », kanefa ny ao am-po sy ny ao an-tsaina ary ny atao : mifanohitra amin'izany.

Raha tsy misongadina io tombontsoa ifanakalozana io, dia tsy maintsy hisy hatrany ny fifampiahiahiana, izay hiteraka tsy fifampitokisana sy fifanavakavahana mety hampisara-bazana. Sakantsakana tsy hampanjary ny fampandrosoana marina an'i Madagasikara avokoa izany rehetra izany.


Tsy vitan'ny tsy hampanjary fotsiny, fa mety hitera-doza mihitsy aza. Satria ny tsy fisongadinan'izany tombontsoa ifanakalozana izany, ampian'ny « asa sadasada »n'ny be politika, no mahatonga ny Firenena maro ao Afrika, ohatra, eo ambavahoanan'ny fahapotehana noho ny ady an-trano (adim-poko indrindra indrindra), toy ny any Nizeria, Somalia, Sodana...

Koa TSY HAHAVITA IRERY an'i Madagasikara ny Merina, na dia « lasa aloha sy lasa lavitra » toa inona aza, fa tsy maintsy mila ny Tanindrana, na ny hafa foko izy, satria efa mifaningo-paka lalina izy ireo, ka na dia ny fandrosoan'ny faritr'Imerina aza dia miankina betsaka amin'ny fivoaran'ny faritra any anindrana.

Torak'izay ihany koa. TSY AFAKA MANILIKILIKA ny Merina ny Tanindrana, satria na dia mitovy zo aza ny foko rehetra eo amin'ny maha olombelona, fantatra ny fananan'ny Merina ilay « nenti-pahazarana sy fahaiza-manao », izay azo AMPIASAINA sy AMPITAINA, mba ahafahana mampandroso marina ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy.

Tsy fanamboniana ny Merina izany fa zavamisy, ary azo hanatanterahana ilay Fahendrena manao hoe : ny tsy mahay sobiky, mahay fatram-bary...

Araka izany, indrindra amin'izao fotoana izao, mihoatra noho ny lasa, dia tokony ho ara-bakinteny ilay hoe : « mpirahalahy mian'ala » ny Merina sy ny Tanindrana, raha te hametraka fampandrosoana marina eto amin'ny taniny. Ka tsy hanaiky ho voarebirebin'ny mpanao politika sadasada (na Merina na Tanindrana), izay tsy manao afa-tsy ny mamboly fifandafarana eo amin'ny vahoaka, noho ny tombontsoa maizimaizina ! Tsorina mantsy fa misy tokoa ny mahazo tombontsoa amin' ny fizarazarana sy ny tsy fifankahazoan'ny foko, ary tsy mipetra-potsiny izy ireny fa tsy maintsy miaro izany tombontsoany izany.





TONTOLO IAINANA

AIN-DEHIBE mihoatra noho ny zava-drehetra ny TONTOLO IAINANA. Mihoatra noho ireo ady hevitra politika maro ifandafarana mandavan-taona !

Efa noresahina ihany ny momba azy ity talohan'ny taona 1990, saingy ny nahafantaran'ny maro izany dia tsy nisy afa-tsy « *fambolen-kazo* » sy « *ady amin'ny doro-tanety* ».

Ankehitriny kosa dia azo lazaina fa miha matotra ny fahatsiarovantenan'ny zanak'olombelona, satria efa tena « *alohalika tokoa ny ranombary* », raha ny mikasika ny tontolo iainana.

Nandritra izay 100 taona farany izay mantsy dia niha-potika hatrany izany, ary tsy mbola mampanahy ohatra ny amin'izao fotoana izao ny amin'ny hoavin'izao tontolo izao sy ny olombelona miaina eo.

Tao anatin'izay 100 taona farany izay dia iaraha-mahalala fa nihazakazaka tokoa ny fivoaram-piainan'ny olombelona, amin'ny lafiny rehetra. Niforona tamin'izany avokoa izao zavatra natao « hanamaivanam-piainana » rehetra izao, vokatry ny tekinolojia isan-karazany. Dia ireo zavatra iainantsika amin'ny andavanandro, zary efa mahazatra ka tsy tonga ao an-tsaina intsony ny fiaviany, fa toy ny efa « mandeha ho azy »...

Tsy nipoipoitra na niforona fotsiny avy amin'ny « tsy misy » anefa ireny, fa TSY MAINTSY avy amin'ny fitrandrahana sy fanodinana ireo akora eo amin'ny voaary, ao amin'ny tontolo iainana ihany. Ary vokatry ny traikefa rehetra teo amin'ny asa andavanandro sy ny fikarohana ary ny fifehezana ny vokapikarohana nataon'ny manampahaizana, ka nahafahana namorona ireo zavatra rehetra natao hanamaivanana sy hanatsaram-piainana, hoy isika.

Hatreo dia tsy misy maharatsy izany. Isan'ny tanjona noezahin' ny olombelona ho tratrarina hatramin'izay mantsy, ary izany dia nokatsahiny hatrany amin'ny fomba rehetra, ny hahatsara sy hahamora kokoa hatrany ny fiainany.

Saingy...

Tsy maintsy misy sandany sy vidiny izany !

Tsy nitsaha-nitombo ny filàna, indrindra moa, etsy andanin' izay, niha nitombo isa rahateo koa ny zanak'olombelona, ary nisy fivoarana lehibe koa ny fifaneraserana teo amin'izy ireo, manerana izao tontolo izao. Koa nipoitra teo ny rafi-toekarena mifandraika amin'izany filàna sy fifaneraserana izany. Rafi-toekarena mifototra indrindra amin'ny fitrandrahana sy ny varotra, nahafahan'ireo firenena nahafehy izany talohan'ny hafa, nangorona tombontsoa mihoa-pampana, niteraka « izao tontolo izao » vaovao, nahitana firenena manankarena sy firenena mahantra...

Ny « *haren-tovon-jaka* » moa hoy ny fitenenana, ary ny harena rahateo koa mitarika harena, koa nihazakazaka tsy nisy ohatr'izany ny fikatsahan-karena nataon'ny tany manankarena, indrindra ireo orin'asa fiharian-karena vaventy niorina tany.

Araka izany, tsy maintsy nitombo ny famokarana, raha te hampitombo ny harena... Ny fitombon'ny famokarana anefa dia mitaky akora betsaka hatrany, koa tsy maintsy nampitomboina koa ny fitrandrahana (izany no azo lazaina fa antom-pisian'ny « fanjanahantany », satria tsy ampy intsony na tsy nananan' ireo firenena matanjaka mihitsy ny akora nilainy teo amin'izany famokarana izany, koa tsy maintsy naka izany -an-keriny- tany amin'ireo « zanatany » izy ireo..., ary tsy nanao afa-tsy nitondra sy namindra ny aretina taty amin'ny tany madinika izay tsy mba nitombo harena fa vao maika aza niha nahantra mandrak' androany !).

Takon'ny fitadiavan-tombontsoa be loatra tsy am-piheverana ny fandehan-javatra manomboka teto, koa nanjary natao tsy am-piheverana koa ny fitrandrahana, izay tsy fitrandrahana fe fitrandrahana fotsiny, fa tena fanapotehana mihitsy, tsy nitsinjovana ny farany, tsy nisaintsainana ny hoavy, tsy nieritreretana akory fa vokatr'izany dia mety hikorontana tanteraka ny tontolo iainana, mety ho potika tanteraka ny firindrana maty paika sy tonga lafatra,


nefa saro-pady sy mora simba, maha voaary ny voaary. Firindrana izay an-tapitrisan-taona, hoy ny manampahaizana, vao tanteraka amin'ny toetrany azo iainana (izao iainantsika izao), kanefa, araka izany, dia 100 taona monja dia voakorontan'ny olombelona tanteraka !

Amin'izao fotoana izao mantsy, noho izany fanapotehana tsy am-piheverana izany, dia iaraha-mahatsapa fa marary ny tontolo iainana : mahazo laka ny hain-tany ary mitombo velarana ny tany efitra; ringana ny ala kanefa ny fisian'izany dia misy fiantraikany betsaka eo amin'ny rivotra, ny rano ary ny toetr'andro; miha ritra ny loharano ary mihena ny rotsak'orana any amin'ny faritra sasany, any amin'ny faritra hafa anefa dia diso be loatra izany ka manjary misy tondra-drano sy rano trambo izay tsy fahita hatramin' izay; miha maloto ny rivotra satria be loatra ny arina vokarin'ny olombelona ka tsy maharaka intsony amin'ny fanodinana sy ny fitelemana izany ny zavamaniry sy ny rano (ranomasina) ...; miha mafana ny tontolo ary miova tanteraka ny toetr'andro (miha maro ary miha mafy hatrany ny rivo-doza sy ireo loza voajanahary isan-karazany); miha tsy mamokatra ny tany, satria : na, izany tsy voaaro (noho ny tsy fahampian'ny hazo maniry...) dia kaohin'ny riaka ka lasa ny nofon-tany mamokatra; na, tototry ny antsanga sy ny fasika entin'ny riaka ny tany mamokatra ka dia maty ihany koa; na, be loatra ny fampiasana zezi-bazaha natao hampitomboana vokatra ka rehefa miverimberina izany dia mamono ny tany ihany koa...; miha ritra ny akora isan-karazany (izay manampa-hataperana), kanefa ny fiainan'olombelona efa niankina be amin' izany...

Ireo no tonga ao an-tsaina, kanefa na dia ireo fotsiny aza dia efa zava-doza ho an'ny olombelona ny fahasimbany. Ireo no maha AINA ny AINA. Tsy azo saintsainina mihitsy izany olombelona mitoetra amin'ny toerana tsy misy rano, tsy misy rivotra, tsy misy vokatra (sakafo) izany... Midika avy hatrany ho FAHAFATESANA izany ! Efa manomboka hita taratra eo amin'ny toe-batana sy ny fahasalaman'ny olombelona rahateo ny fiantraikan'izany amin' izao fotoana izao. Fantatr'ireo mpitsabo-mpikaroka tsara ny momba izany : mamely dia mamely, ohatra ny homamiadana

isan-karazany, ny aretin'ny taovam-pisefoana, ny fahasamponana sy ny sisa... Tsy resahana intsony ny kere sy ny mosary ary ny tsy fahampian-tsakafo. 800 tapitrisa amin'ny olombelona eto amin'izao tontolo izao dia tsy ampy sakafo avokoa ! 65,4%n'ny Malagasy dia tsy ampy sakafo avokoa ! Ny antsasany mahery...!

Ny dikan'izany dia tsy maintsy manova fitàna tanteraka izao tontolo izao, raha mbola te ho velona sy hiadam-pinaritra eo amin'izao fiainana izao. Tsy maintsy manova an'io rafi-toekarena (fanantontoloana... ?) miorina amin'ny fitrandrahana-famotehana, sy ny fitadiavan-tombontsoa tafahoatra ary ny fitongilanana io. Jereo ange : 20%n'ny mponina eran-tany ihany no miliba amin'ny 80%n'ny harena voajanahary eto amin'izao tontolo izao ! Hita taratra eo amin'ny zavamisin'ny firenena tsirairay izany.



MADAGASIKARA

Raha ny eto Madagasikara fotsiny izao, eo amin'ny lafiny tontolo iainana, dia tsapa tokoa fa tena *nanjehy ny andro ho lava* ny Malagasy. Aiza izany fiedinediny raha manambara izy manao hoe : « *rahoviana no ho tapitra ny ala atsinanana...* ! ».

Tany rakotra ala i Madagasikara fahiny, araka ny lovan-tsofina, saingy mahatratra 200 000 ha isan-taona amin'izany no ringana, noho ny filan'ny olombelona, na noho ny tsy fahatsiarovantenany. 20%-n'ny tany malagasy sisa no rakotra ala (eo amin'ny 120.000 km tsimivadimandry eo ho eo). Ao anatin'izany avokoa na hazo sarobidy na hazo tsotra. Ny tena loza dia efa mahatratra 281 ny karazan-javamaniry tsy fahita afa-tsy teto Madagasikara no efa akaiky ho lany tamingana, ny ankamaroan' izy ireny dia azo nakana fanafody avokoa. Noho io fahapotehan' ny ala io dia karazam-biby (tsy fahita afa-tsy eto ihany koa ny ankamaroany) 62 no efa mihalany taranaka, isan'ny be indrindra izany fahavoazana izany raha eto amin'izao tontolo izao.

Na zavamaniry anefa na biby dia tsy nisinisy foana fa samy manana ny anjara asany avokoa eo amin'ny firindran'ny voaary ao amin'ny tontolo iainana, na dia manelingelina ny olombelona aza izany eo amin'ny andavanandro. Vokany : tsy maintsy misy fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana malagasy ny fahaverezan' ireny zavamaniry na biby ireny. Tsy hita mibaribary eo no ho eo izany, ka izay no mahatonga ny olona tsy dia miraika firy amin' izany.

Efa zary lasa nenti-pahazarana (na nenti-paharazana...?) mihitsy, ohatra, ny fitazanana ireny tendrombohitra sy havoana ahitana LAVAKA be mangotanatana ireny (ny « lavaka » moa dia tafiditra ao anatin'ny voambolana iraisam-pirenena mihitsy, kanefa tsy tokony ho dedaka amin'izany isika Malagasy...), izay porofo mivaingana manambara fa efa tena goavana tokoa ny fahavoazan' ny tontolo iainana malagasy. Any amin'ny faritry ny « ala atsinanana », amin'izao fotoana izao, no ahitana ny fomba niforonan'ireny. Vao ripaka roa na telo taona monja ny ala (noho ny tavy indrindra indrindra) dia manomboka mandavaka ny riaka

ary dia mikorisa any an-dohasaha rehetra any ny ranon-tany. Saika manerana an'i Madagasikara dia ahitana io toe-javatra io.

Ny miaina manodidina dia toa tsy gaga intsony amin'ireny « lavaka » ireny, fa toy ny zavatra tsy maintsy misy ireny, satria efa niara-niaina taminy hatrizay.

Ny vokatr'ireny no tsy ampoiziny loatra : miha tsy mamokatra ny tanimboly sy ny tanimbary any an-dohasaha, misy aza tsy azo volena intsony, satria tany « maty » sy fasika no manarona ilay tanimbary teo aloha. Miha avo koa ny fanambanin'ny renirano, noho ny tany entin'ny riaka, ka mora mihoatra ny fefiloha ny rano amin'ny fotoan'ny rotsak'orana, dia difotra ao ny tanimboly sy ny tanàna manakaiky ireny.

Ny amin'ny loharano indray dia ny 3 amin'ny 5 eto amin'ny faritanin'Antananarivo teo aloha, ohatra, dia tankina avokoa, ny sisa mbola misy dia tsy mahavita taona akory ny ankamaroany fa miandry rotsak'orana vao misy rano indray. Nisy fotoana anefa, na teny an-tampon-tendrombohitra, na teny an-tehezany, dia nahitana loharano avokoa (ireo zokinjokiny dia mahatsiaro izany tsara). Porofo izany fa efa tena marary tokoa ny tontolo iainana !

Ny amin'ny fambolena indray. Tsy vitan'ny efa manova ny firindran'ny tontolo iainana ny fanaovana izany (kanefa tsy maintsy atao fa fivelomana...), fa mbola mampikorontana izany koa ny fampiasana zezi-bazaha, ohatra, izay natao mba hampitomboana ny vokatra sy mba hampahaingana kokoa ny famokarana. Ny olana anefa dia manova tanteraka ny toetry ny tany ireo singa simika alefa eo, satria tsy telin'ny zavamaniry avokoa izany. Miaka-bokatra in-5 eo ho eo monja dia mahatsapa ny tantsaha fa miova ilay tany. Lasa mafy tsy laitra asaina ary tsy dia mamokatra firy na dia nampitomboina hatrany aza ny zezi-bazaha nalefa ao. « Maty » ilay tany !

Ary tsy ny tany ihany, satria ny ambin-jezi-bazaha tsy levona dia entin'ny riaka ary dia lasa any an-doharano. Tsy asian-teny betsaka ny vokatr'izany eo amin'ny fahasalaman'ny olombelona sy ny biby fiompy misotro ny rano...

Ny tena mampieritreritra amin'ity resaka « zezi-bazaha » ity

dia ny afitsoky ry zareo firenena matanjaka amin'izao fotoana izao. Ampirisihany ny fampiasana izany aty amin'ny tany mahantra, satria izy no mamokatra izany, kanefa tsy vidiany ny vokatra (sakafo) raha nampiasana izany, satria tsy mahasalama (mazava ho azy), fa ny vokatra « bio » ihany no tadiaviny. Izany hoe tsy nampiasana zezika na fanafodim-boly simika... Dia iza ihany izany no ihinana izany vokatra tsy mahasalama izany... ?

Tsy mahagaga, araka izany, raha mahatsapa ny Malagasy ankehitriny fa « nateza » sy natanjaka ny olona taloha... Ankoatra ny filaminan-tsaina, dia sakafo « bio » hatrany ny an-drizareo, satria mbola tsy nisy teto tamin'izany ny ...poizim-bazaha !

Izany rehetra izany sy ny zavatra hafa tsy voateny mifandraika amin'izany dia midika FAHANTRANA ! Miteraka FAHANTRANA ho an'ny vahoaka. Ary rehefa mamely ny fahantrana dia tsy maintsy ny tontolo iainana no ialana vonkina. Tsy ny orinasa vaventy manankarena ihany no mamotika ny tontolo iainana, fa manao izany koa ny fahantrana ! Voatery mitrandraka tsy am-piheverana ny voaary ao amin'ny tontolo iainana ny vahoaka mba hivelomana. Kanefa izany fitrandrahana tsy am-piveheverana natao hiadiana amin'ny fahantrana izany dia tsy maintsy miteraka fahantrana hatrany. Ka dia ny eo ihany no eo ! Miha henjana sy miha mafy hatrany aza izany ! Tsy ahitam-panafany aloha hatramin'izao.

Noresahana betsaka teto ny amin'ny fampandrosoam-pirenena marina sy ny fitantanam-pirenena mandeha amin'ny laoniny.

Raha hikatsaka ny tena fampandrosoam-pirenena amin'izao fotoana izao dia ***tsy maintsy*** *ampifandrindrana amin'ny fikajiana sy fanajana ny tontolo iainana izany, satria tsy misy fandrosoana miorina eo amin'ny fahapotehana. Raha hiatrika ny ady amin'ny fahantrana dia tsy maintsy ialàna ilay endri-toekarena teo aloha izay niteraka ny fahantrana. Endrika sy rafi-toekarena tsy mitsinjo afa-tsy tombontsoan'olom-bitsy « mandrora mitsilany ».*

Fa indrindra, raha valin-teny ara-toekarena fotsiny ihany no heverina fa hahavaha ny olan'ny fahantrana eto amin'ny Firenena dia mampisalasala ihany. Na asaina trandrahan'ny orinasa

vaventy vahiny avokoa aza mantsy izao harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara izao, nefa tsy voakajy ara-dalàna ny tontolo iainana, tsy voatsinjara ara-drariny eo amin'ny mpiarabelona ny vokatsoa aterak'izany, tsy tsara tantanana ny Firenena sy ny Fanjakana, dia ho toy ny *ravoravo natentina* ihany izany, ho toy ny sarintsarim-pandrosoana manodoka fotsiny ihany. Jereo ireo firenena lazaina fa matanjaka, ahitana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany goavana sy orin'asa tao-zava-baventy, fa ny fahatram-bahoaka dia fahatram-bahoaka hatrany.

Tsy izay ihany ! Voalazantsika tery aloha fa miha ritra ireo akora tena ilain'ny toekaren'ny firenena matanjaka amin'izao fotoana izao, koa atosik'ireo orinasa vaventy any izy ireo mba hanao izay hifehezana amin'ny fomba rehetra ireo firenena madinika mbola manana akora ! Ampiasaina avokoa amin'izany izao tetika maizina rehetra izao : fampiankinan-doha tsy misy farany avy amin'ny fampisamboram-bola tsy ahitan'ny mpisambotra tombontsoa akory; fanamafisana orina ny fahantrana avy amin'ny tsy famelàna ny fandrosoana hiorim-paka tanteraka ka hananan' ny firenena madinika hazondamosina hizakany ny harenany... ; fametrahana na fividianana mpitondra afaka miaro ny tombontsoan' ny vahiny; famoronana fifandafarana sy savorovoro miteraka ady an-trano mahatonga ny firenena ho voazarazara ka mora hanjakana ny harena ao aminy, satria tsy misy mieritreritra ny hiaro izany fa variana amin'ny famelezana ny fahavalo-rahalahy...

Rehefa tonga eo amin'ity dingana farany ity moa dia potika ny firenena, koa mitsofoka moramora ny matanjaka mitondra « fandaminana » sy « fanampiana », ary mametraka ny « fepetrany » rehetra mba « hiverenan'ny fandriampahalemana »... Dia izay !

Maro ireo firenena madinika manana akora no tratran'izany, ary tsorina fa isan'ny tandidomin-doza amin'izany i Madagasikara amin'izao fotoana izao...

Dieny mbola tsy dia diso aoriana loatra, na dia efa lasa lalina ihany aza ny fery, dia tsy maintsy misaintsaina ny momba izany ny Malagasy, eo amin'izao fiandohan'ny 50 taona faharoa amin' ny Fahaleovantenany izao, satria raha sahala amin'izay lasa izay no mbola hiainana eto dia asa fotsiny... !

NY FIHAVANANA MALAGASY

Tsy maintsy asian-teny ny amin'ny « FIHAVANANA », raha hiresaka momba ny Malagasy sy Madagasikara, satria voambolana tsy afaka am-bavan'ny Malagasy io, eo amin'izay rehetra ataony, na eo amin'ny fianakaviana izay, na eo amin'ny fiarahamonina, fa indrindra eo amin'ny politika.

Ireo mpanao politika moa, na inona firehany na inona, dia samy tsy manadino ny mivoy izany hatrany, indraindray aza toa manao piliavava fotsiny, satria matetika tsy dia hita taratra eo amin'izay lazaina sy ataony akory izany hoe « Fihavanana » izany.

Amin'ny fotoan-tsarotra sy manahirana ny Firenena iny no tena miraradraraka ny fampahatsahivana ny Fihavanana. Izay tena votoatiny aloha, amin'ireny kabary sy fanambarana ireny, tsy dia mazava loatra, fa amin'ny ankapobeny ny Fihavanana dia natao itazonana (?) ny Malagasy mba ho iray, itandrovana ny firaisam-pirenena, hoy ny mahay milaza izay.

Amin'izay lafiny izay izany dia zary lasa foto-kevitra « lasan-ko vavany » ny Fihavanana, kanefa tena zava-dehibe tokoa izany teo amin'ny fiarahamonina malagasy, satria namaritra ny fifandraisana sy ny fifaneraserana rehetra teo amin'ny mpiarabelona.

Ny fototra niavian'io teny io dia ny hoe « HAVANA ». Izany hoe ireo olona misy fifandraisana noho ny « razana iombonana », noho ny « rà iraisana », niitatra amin'ny « fanambadiana » izany, ary nipaka hatrany amin'ny « fifankatiavana » tsotra fotsiny amin' izao. Havana avokoa ireo rehetra ireo, ary tsy ireo ihany fa hatramin'ny tsy fantatra koa aza. Izay no nahatonga ny Malagasy tsy nanadino na dia ny « HAVAN-TETEZINA » aza, izay tena « havana » ihany na dia tsy mazava intsony aza ny rohim-pihavanana mampifandray. Koa dia nitandrina fatratra ny fifandraisany aman'olona ny Malagasy, sao hono mantsy « mianjera » any amin'ny havan-tetezina ka idiran-doza...

Noho izay indrindra dia nanjary nanana fisainana mivelatra ny Malagasy. Tsy ny teo ambany maso ihany no havana fa ny OLOMBELONA rehetra dia mety ho havana avokoa (ny « olombelona malagasy » indrindra indrindra), noho ilay rohim-pihavanana efa tsy hay hazavaina intsony. Koa dia hoy indrindra izy manamafy izany : « *Ny olombelona toy ny ladim-boatavo : raha fotorana iray ihany* ! » sy ny hoe : « *Ny olombelona toy ny molo-bilany ka iray manodidina ihany* ! ».

Fomba fijery avo dia avo ny Fihavanana sy ny Olombelona izany, satria na dia eo aza ireo zavatra isan-karazany mety mampisaraka, mety tsy itoviana, nateraky ny fiainana sy ny voaary (toy ny harena, ny fomba amam-panao, ny fahaizana, ny finoana, ny fiaviana, ny volon-koditra...), ny fototra dia iray ihany, ary io no tena zava-dehibe tokony ho an-tsain'ny rehetra mba hampirindra tsara ny fifandraisana eo amin'ny fiarahamonina.

Tsy an-tsaina fotsiny fa tena iainana mihitsy. Izany hoe tsy Fihavanana an-tendro-molotra na amin'ny endrika ivelany fotsiny, satria hoy ihany ny Fahendrena : « *Ny Fihavanana aza mba atao somidika ambony toa menaka, fa ataovy latsaka anaty toa tsoka* ! ». Efa nahatsapa ny Ntaolo tamin'izany fa efa nampiasain' ny sasany tamin-javatra maizimaizina, tamin'ny tombontsoa manokana koa aza angamba ny Fihavanana, satria ny mpa-nararaotra tsy maintsy misy ihany. Koa hafatra fampitandremana ihany io amin'ny toe-javatra toy ireny, sady fifampitaizana rahateo koa. Tsy Fihavanana mantsy raha tsy tena latsa-paka, fa fiha-tsarambelantsihy fotsiny ihany.

Latsaka anaty manao ahoana ary no tiana ho lazaina eto ? Tsy Fihavanana an-tendro-molotra, hoy isika, fa tena iainana eo amin'ny andavanandro mihitsy.

Araka ny iaraha-mahalala dia tsy mora ho an'ny olombelona ny mivelona eo amin'ny tontolo iainana. Mety manala ny ain-dehibe avokoa ny zavatra rehetra eo amin'io tontolo iainana io. Azo lazaina rahateo moa fa ny olombelona no voaary « malemy » indrindra ao amin'izany, koa raha tsy mahatsangana fomba fiaraha-miaina mirindra sy maty paika izy dia tsy ho velona mihitsy.

Isan'ireny fomba fiaraha-miaina ireny ny *FIRAISANKINA*.

Tsy misy « mahavita tena » eo amin'ny « ady amin'ny fiainana », ka tsy azo atao ny miolonolona... Ary dia izany Firaisankina izany indrindra no singa iray lehibe maha Fihavanana ny Fihavanana. Maro ireo fisainana nenti-naneho izany : « *Akanga maro tsy vakin'amboa* », « *Ny mitabe tsy lanin'ny mamba* »... Afaka misetra ny loza sy ny zava-tsarotra ny « maro » sy ny « be », ary izany na dia tsy manao na inona na inona aza, satria ny *fiarahany* fotsiny dia efa hery miaro azy ! Maika moa raha misy tranganjavatra tsy azo anoharana iny : « *Tsara ny roa noho ny iray, fa raha lavo misy mpanarina* ». Misy fifampitsimbinana sy fifamonjena ao anatin'ny Firaisankina, satria *voin-kava-mahatratra,* izay mahazo ny havana dia toy ny mahazo ny tena ihany. Fa na tsy misy aza izany, dia efa hery lehibe (herin-tsaina indrindra indrindra) ny fiarahana ao anivon'ny Firaisankina : « *Mpirahalahy miditra ala, ka izy tokiko, izaho tokiny* » !

Tsy nianina tamin'izay Firaisankina izay fotsiny anefa ny Fihavanana teo amin'ny Malagasy, satria misy fitsipi-piainana tsy maintsy hajaina sy tandremana toy ny anakandriamaso ao amin' izany. Tsy azo natao tokoa mantsy ny nanavakavaka sy nanao tombo sy hala. Tsy mety ny manavangavana, satria « *tsy azo atao toy ny vato ny havana, ka ny kely atsipitsipy, fa ny lehibe tsy hetsehina* ». Tokony hitovy ny fitondrana ny havana, satria « *ny olombelona toy ny fandrin-drano ka tsy misy avo sy iva* ». Fa na misy aza ny tsy fitoviana, satria samy manana ny fanambinany moa eo amin'ny fiainana, dia « *ataovy toy ny andry ombin' llaisalama ny havana : ny kely voasafosafo, ary ny lehibe voatehatehaka* ». Ny tena fadiana eto dia ny fanaovana « *havana raha misy patsa ; fa raha lany ny patsa : havan-tetezina* ! ».

Misy FITOVIANA, araka izany, ao amin'ny Fihavanana. Fitoviana eo amin'ny fitondrana ny havana sy ny mpiara-belona indrindra indrindra, satria ny fitsipika hifehy ny fifandraisana ao amin'izany dia aorina amin' ilay hoe « *tanan-kavia sy havanana, ka izay didia-maharary* ». Samy mahatsiaro mangirifiry avokoa izay tratry ny tsy rariny, sy voan'ny tsindry hazo lena... Koa aza atao amin'ny hafa, izay tsy tianao atao amin'ny tenanao !

Tsy izay ihany ny Fihavanana teo amin'ny Malagasy, fa mbola

teo koa ny FIFANAKALOZAN-KEVITRA, izay nitàna toerana lehibe tokoa teo amin'ny fiarahamiaina sy ny fiarahamonina, satria « *ny hevitra tsy azo tsy amin'olombelona* », ary « *ny hevitry ny maro mahataka-davitra* ». Manambara izany fa na ny hevitra ifampitondrana, na ny hevitra itondrana ny fiainana, dia tsy maintsy avy amin'ny besinimaro ihany. Noho izany dia tsy maintsy miresaka, tsy maintsy mifanakalo hevitra, satria « *raha mitaribato tsy mihoraka, very ny androantokon'aina; ary raha mifankatia tsy miresaka, dia very ny androantokom-pihavanana* ». Kanefa izany tsy ataotao foana, fa tsy maintsy lanjalanjaina sy fakafakaina fatratra satria tombotsoa samihafa no atambatra ho iray, ka tsy maintsy atao toy ny « *tery omby ririnina : atao tsy mankahia ny reniny, ary tsy mahabotry ny zanany* ! ». Mety ho henjana ny ady hevitra eto, satria tsy mora ny mitady ny marimaritra iraisana, kanefa toy ny « *adin'ombalahin'ny mpianakavy* -ihany ireny-, *ny mahery tsy hobena, ny resy tsy ankoraina* ». Tsy fanaon'ny Fihavanana tokoa mantsy ny mirehareha sy ny mitompo teny fantatra, satria ny foto-kevi-dehibe eto dia tsy misy afa-tsy ny hoe : « *Ny fitia mifamaly no mahatsara Fihavanana* ! ».

Mbola ao anatin'io Fihavanana io ihany, ary tena zava-dehibe tokoa teo amin'ny Malagasy araka izany, dia ny fanomezan-danja ny « besinimaro », ny « vahoaka »... Ary izany dia notakariny avy amin'ny Firaisankina ihany.

Koa satria zava-dehibe loatra ny Fihavanana, ary ny « *olona iray tsy mba vahoaka* », noho izany : « *raha olona iray no tsy tia, mitotoa koba hatavy ; fa raha ny besinimaro no tsy tia, misotroa tangena ho faty* ! ». Manambara mazava izany fa tsy misy ho velona ivelan'ny Firaisankina sy ny Fihavanana. Mbola nandeha lavitra noho izany aza ny Malagasy, satria na dia teo aza ny fanomezany hasina ny mpitondra azy, dia tsy nihambahamba akory izy niteny hoe : « *Aleo halan'andriana, toy izay halambahoaka* ! », satria « *ny vahoaka no Fanjakana* ». Tsy fanjakana ny fanjakana raha tsy nisy ny vahoaka nanaiky sy nankatoa ny fisian'izany (ary nametraka izany) !

Fa na dia ny fanjakana aza dia efa nisy fitsipika mazava napetraka teo amin'ny fifandraisan'izany amin'ny Fihavanana,

mba tsy hampikorontana sy hampisy disadisa ary fisarahambazana eo amin'ny fiarahamonina, satria moa ireo mpitondra dia toy ny *saonjo iray lohasaha ihany ka tsy ilaozan'izay iray hamarara*.

Nivoaka tamin'izany ireo fombam-pitenena isan-karazany toy ny hoe : « *manao havako tsy meloka* », ilazana ny fiangarana ataon'ny mpitondra mba tsy hanamelohana ny havany; sy ny hoe « *manao voro-mitahy havana* » izay midika ho tsy famaizana ny havana na dia nahavita heloka aza... Manimba ny Fihavanana sy ny Firaisankina ny toe-javatra toy izany. Manimba ny firindran'ny fiarahamonina izay manamafy hatrany fa « *na sakako na sakan'iza, rehefa vandana dia kary* »... Tsy tokony hanao toy ny « *masoandro avy atsinanana* mantsy ny mpitondra, *koa ny avo ihany no tràny*; *fa tokony ho toy ny masoandro avy andrefana* kosa, *koa izay mivoha varavarana, voatsidika avokoa* ».

Fisainana sy fahalalàna notakarin'ny Ntaolo malagasy avy amin'ny niainany avokoa izany rehetra izany. Saika niraisan'ny foko rehetra manerana an'i Madagasikara avokoa ireo fombampitenena mirakitra fisainana isan-karazany ireo, fa ny voambolana nampiasaina sy ny fanehoana izany no misy fahasamihafana, arakaraka ny zavatra niainana rahateo. Ny hevi-dehibe dia tena nitambarana tokoa.

Koa izany ary ny Fihavanana malagasy latsak'anaty, izay maneho ny maha iray ny olombelona, manome hasina ny vahoaka, mitory Firaisankina sy Fitoviana, mandala ny Fifanakalozan-kevitra, ary mitsipaka ny fiangarana !

« Antsibe natôraka ampahailala, azon'ny ampanampanahy ! »

NY KOLIKOLY

Atao ahoana no tsy firesaka ny « *kolikoly* » raha hanao jery todika izay 50 taona nahaleovan'i Madagasikara tena izay... Nandritra izay 50 taona izay mantsy dia tena nibahana tanteraka ny fampandehanan-draharaha teto amin'ny Firenena io toe-javatra iray io. Ary azo lazaina fa tsy nisy sehatra tsy tratry ny aretina, na sehatra inona izay, na sehatra inona !

Ny fihanaky ny aretina (satria tena aretin'ny fiarahamonina tokoa izy ity) sy ny lanjany no samihafa, teo amin'ireo fanjakana nifandimby, fa ny fisiany dia voamarika hatrany, hatramin'izay ka hatramin'izao. Zary lasa « nentim-pahazarana » tafiditra tanteraka ao anatin'ny fanaovan-draharaha (raharaham-panjakana indrindra *indrindra...) isan-karazany izany. Efa nasiana tsipy teny ihany* ny amin'izany, tao amin'ireo lahatsoratra mikasika ny mpanao politika sy ny raiamandreny. Kanefa tsy maintsy asiana resaka manokana izy ity noho ny fahavoazana aterany eo amin'ny fampandrosoana ny Firenena.

Nenti-pahazarana..., hoy isika, ary mety ho « nenti-paharazana » ihany koa. Ara-tantara mantsy, izany hoe tamin'ny vanim-potoan'ny Fanjakan'andriana, dia efa nisy tarehin-javatra nitovitovy tamin'io ihany. Tamin'izany fotoana izany moa dia tsy nisy karama ny mpanao raharaham-panjakana (mpiasam-panjakana tamin'izany), fa dia ny tombontsoa mivaingana mifanandrify amin' ny toerana misy azy sy ny « ***falimpo*** » avy amin'ny vahoaka nampanao raharaha no nivelomany.

Io « *falimpo* » io indrindra no nanana endrika mitovitovy amin' ny « kolikoly ». Saingy, araka izany, dia mariky ny hafaliana noho ny fahaVITAn'ny raharaha izy io. Mari-pankasitrahana tsy dia nisy fepetra nifanarahan'ny mpanome sy ny mpandray, satria azo natao koa ny tsy nanome izany, ny raharaha natao moa efa vita raha-teo. Amin'ny maha « falimpo » izany dia *aorian'ny fahavitan'ny raharaha no nanolorana* azy. Eo no isan'ny tsy nampitovy azy amin'ny « kolikoly », izay matetika aty alohan'ny raharaha dia efa atolotra, koa dia miankina amin'izany ny fahavitan' ny raharaha na tsia. Ary misy ady varotra mihitsy aza izany matetika !

Marina fa nisy « teritery ara-tsaina » ihany teo amin'ny « falimpo ». Voatery ihany ny mpanome, na dia eo aza ny naha « sitra-po » ilay fanomezana. Kanefa tsy dia teritery mivantana iankinan'ny fahavitan'ny raharaha akory izany, koa dia tsy nampaninona azy loatra.

Tsy foana io « falim-po » io nandritra ny vanim-potoan'ny *Fanjanahantany, indrindra tany ambanivolo rehetra tany, na dia* efa nandray karama raikitra aza ny mpiasam-panjakana (« mpanao fanjakana » malagasy madinika tamin'izany), fa mbola notohizan'ny vahoaka ihany ny fampiasana azy. Tsy nisy lalàna koa nandrara izany, satria tsy dia nisongadina loatra izay fandikan-dalàna manodidina izany. Ilay izy koa toa zary tafiditra tao amin'ny « *fomba amam-panao* »... Tsy vola loatra ny « *falimpo* » tamin'izany fa teo ny gisa, ny vorontsiloza, ny akoho, ny vokatry ny tany isan-karazany, ary nisy mihitsy aza ny omby...

Taty amin'ny vanim-potoan'ny Fahaleovantena no nanomboka nivoana ilay « fomba amam-panao », ary tena nivadika zavatra hafa mihitsy.

Noho ny fahasarotam-piainana ve sa zavatra hafa, satria toa tsapan'ny « mpanao fanjakana » ny tombontsoa goavana mety ho azo avy amin'ny fitakiana mialoha ny « falimpo ». Koa vita hatreo ny naha « falimpo » izany, satria foana ny hafaliana teo am-panolorana, ary teraka nanomboka teo ny « *tranon'afokasoka* » sy ny « *lava tanan'akanjo* ».

Nanenika ny raharaha rehetra sy ny Firenena izany. Manamporofo izany ireo voambolana nipoitra ombieny ombieny (tsy nipoipoitra foana izany) voatahirin'ny Rakibolan'Ingahy Régis RAJEMISA-RAOLISON toy ny « *totohondry vola* », ny « *kolikoly* », ny « *tsolotra* », ny « *gaka* », ny « *kojikojy* », ny « *kejokejo* », ny « *sisi-bola* » na « *sisika* »...

Zary lasa fahazarana teo amin'ny vahoaka izany, satria nitaizana azy, koa na tsy nisy aza ny fitakiana izany mivantana, dia toa « nandeha ho azy », satria tsy azon'ny vahoaka an' eritreritra mihitsy izany hoe manao raharaha amin'ny Fanjakana, -na ara-dalàna ilay raharaha na tsia-, ka tsy « mandrotsaka » kely, mba ahatontosa antsakany sy andavany izay atao, ankoatra

ireo vola fandoa ara-dalàna izay miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Koa rehefa tsy manana ny atao amin'izany ny vahoaka (kanefa dia matetika izy no tsy manana izany, indrindra tao ho ao), dia mihitsoka eo izay raharaha tokony atao, na dia ara-dalàna izao aza hoy isika, koa aleony tsy manandrana akory, sao ho lany *andro fotsiny any*.

Dia eo no mahaketraka ihany, satria ny androatokon'ny raharaha ifanantonan'ny vahoaka amin'ny Fanjakana dia mahakasika hatrany ny fanatsarany na ny fanamorany ny fiainany, izany hoe ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny (ireo taratasy rehetra ilaina dia mifandray amin'izany avokoa). *Tsy tafahoatra ny tokonana* akory anefa izany, noho ny « kolikoly », ka dia *maty ankaranany* avy hatrany izay mba tian-katao !

Tsy vitan'izay ihany, fa ny tena zava-doza mamohehatra dia ny « *kolikoly tsy mifidy asiana* », fa na dia olona latsaka an-katerena sy tojo ny an-karatsiana (aretina na fahavoazana vokatry ny hetraketraka eo amin'ny fiarahamonina, eny fa na dia amin'ny fahafatesana aza...) dia iharan'ny *tsindrio fa lavo* hatrany. Tena *lolo mamoha angatra* mihitsy ny kolikoly eto, ka na dia ny efa tafiditra ao anatin'ny fahasahiranana lalina sy *ny tsy fidiny* aza, dia mbola « voaendaka » ihany ! Satria tena fanendahana ankitsirano izao io, na dia ankolaka aza no anaovana azy.

Tsy misy dikany intsony eto ny « *miaraha-ory amin'izay ory* » vita tsianjery sy dradraina mandavan-taona, sy ny « *tanan-kavia sy havanana ka izay didia-maharary* », fa « fitiavan-kely *manararao-paty* » no manjaka ! Tsy miserana akory ao an-tsain' ny mpandray kolikoly amin'ny toejavatra toy ireny ny fahavanonan' ny taranany sy ny tenany mivelona tsotra izao amin'ny *alahelon' olona*, satria dia alahelon'olona tokoa izany, na dia vola mika-sokasoka izao aza no endrika isehoany ! Adino tanteraka fa ny zavatra toy izany dia tena *tsy leo enti-tody* mihitsy teo amin' ny fisainana sy ny fiainan'ny Malagasy. Tsy maintsy jerena izay lafiny izay, fa izany no maha olombelona sy maha Malagasy ny Malagasy !

Tsy vaha olana amin'ny fahasarotam-piainana ny fanaovana

« *tsindrio fa lavo* », ny fanaovana « *tsindry hazo lena* » toy izany. Mety mamaha olana kely eo no ho eo fotsiny izany, fa tsy hitondra mankaiza mihitsy. Maika koa mampilentika aza, satria raha samy mifanao izany avokoa eo amin'ny sehatra izay mba hanana fahefana, dia tsy ho lasa lavitra mihitsy ny Firenena.

Ary tsy maintsy misy fiantraikany eo amin'ny Firenena sy ny fampandrosoam-pirenena izany. Iainana sy zakaina ary iaretan'ny ankamaroam-bahoaka io toejavatra io, izay manatevina hatrany ny fahantrana sy ny fahoriana, satria mandeha any amin'ny tsy tokony alehany ny ampahan'ny vokatry ny ezaka ataon'ny vahoaka. Vokatra izay efa tsy ampy ahavelomany ara-dalàna akory.

Nahoana moa ny Firenena sy ny toekarem-pirenena no tsy androrona raha zavatra sahala amin'izany no zakain'ny vahoaka mandavan-taona ? Ny *tsy fandriampahalemana mivantana* efa mandrava izay mba àry ao anatin'ny fotoana fohy, ny « kolikoly » koa anefa etsy andanin'izay manimba ny kely tavela. Koa inona no mbola hiangana amin'izany ?

Ny iainan'ny vahoaka mivantana no voalaza hatramin'izao fa mbola manampy trotraka izany koa ny « *kolikoly avo lenta* », mifandray amin'ny sehatra fitantanam-pirenena amin'ny ankapobeny mihitsy.

Marihina aloha fa raha misy ny sehatra azo lazaina fa isan' ny tena « mivoatra » eto amin'ny Firenena dia ny « kolikoly », satria tsy mianona fotsiny intsony amin'ilay « fitiavankely » eto ny resaka, fa efa tena tafapaka any amin'ny « fitiavambe » mihitsy.

Ny « kolikoly avo lenta » no niteraka sy nanome vahana ny « *risoriso avo lenta* » sy ny « *varo-maizina avo lenta* (ihany koa) » avy amin'ny fanondranana *tsy ara-dalàna* ny haren'ny Firenena (hazo sarobidy, vatosoa sy volamena...) mankany ivelany. Very tanteraka ho an'ny Firenena ireny harena ireny, satria ny AVO any ivelany ihany no voatovona amin'izany. Raha izay harena tafavoaka antsokosoko hatramin'izao avy eto izay no nandeha tamin'ny ara-dalàna, dia azo inoana fa tsy nisambo-bola tany ivelany intsony i Madagasikara, ary ho tsara lavitra noho izao ny fiainam-bahoaka. Saingy misy moa ireo olona tsy mahalala afa-

tsy ny ho azy ihany, ka dia Firenena bankirompitra toy izao no mba lova avelany ho an'ny taranany sy ny tarana-bahoaka...

Tafiditra ao anatin'ny « kolikoly avo lenta » ihany koa ny fanomezan-dàlana *tsy mazava* ireo orinasa vahiny manao fitrandrahan-karena isan-karazany eto. Fanomezan-dàlana ahatsapana *fandeferana diso tafahoatra* (?) matetika, ka toa tsy dia tsinjo loatra ny tena tombontsoa maharitra mety ho azon'ny Firenena amin'izany raha voadinika sy voalanjalanja tsara ny fifampiraharahana, fa dia « *tompony mangataka atiny* » hatrany, kanefa izay harena miondrana dia tsy misolo intsony fa dia *very* ihany koa, *ritra* mihitsy aza izany, satria manam-pahataperana. Tsy mba afaka manararaotra ny fisian'izany akory ny Firenena mandritra ny fotoam-pitrandrahana. « *Matin-kanin-kely toa amalona* » indray, mazava ho azy, ny solontenan'ny vahoaka nandray ny fanapahan-kevitra mikasika ireny fanomezan-dàlana ireny... !

Isan'ny zavabitan'ny « kolikoly avo lenta » koa ny fanodin-kodinana fananan'olona na fananam-bahoaka, hatramin'ny fananam-panjakana, na tany izay, na vola, na zavatra hafa... Aza mifanandrify amin'ny filàn'ny vaventy mpanao ity raha ity fotsiny, fa na dia ara-dalàna toa inona aza ny taratasy eo am-pelantanana, dia tsy maintsy hiala maina ihany, satria ny « *atody tsy miady amim-bato* » !

Fa mbola ny « kolikoly avo lenta » koa no niteraka ny « *tsy maty manota* ». Misy ireo sokajin'olona izay tena « ambonin'ny lalàna » tsotra izao. Hitam-poko, fata-pirenena ny heloka vitany sy ny tsy nety nataony, kanefa na dia ny anarany aza tsy sahin'ny gazety sy ny haino aman-jery (tena tsy sahy tokoa ve... ?) tononina akory, fa dia voasarontsarona any, tsy ela aorian'io dia miverina « tsongoin'olom-bolo » eo amin'ny fiarahamonina indray !

Voateny ny gazety sy ny haino aman-jery koa tsy maintsy asian-teny manokana ny fisian'ny « kolikoly » eo amin'ity sehatra ity, satria lehibe sy manan-danja loatra ny adidy aman'andraikitry ny serasera eo amin'ny fiarahamonina sy ny fiainam-pirenena ary ny fampandrosoam-pirenena. « *Felaka* » no fiantsoana izany, kanefa dia « kolikoly » ihany moa izany.

Tsorina aloha fa efa tena tsy takona afenina intsony izy ity, satria isaky ny misy zavatra tian-ko seraseraina dia efa mivonona amin'izany ny tompon-draharaha. Ny ankamaroan'ny mpanao gazety (tsy izy rehetra kosa angamba) dia mihevitra mihitsy fa « zony » ny mahazo izany, ilay izy koa sarontsaronana amin'ny hoe « saran-dàlana » sy « solon-tsakafo » (na dia iantohana fiara sy sakafo aza...) ka dia toa « mandeha ho azy »...

Tsy mampaninona raha tena « zony » tokoa izany, fa ny « indro kely » fotsiny dia izao : rehefa avy mandray izany ny mpanao gazety dia toa voafatotra, ka tsy afaka mitsikera na manakina izay ataon'ny mpanome, tsy afaka manambara zavatra mifanohitra amin'ny tombontsoan'ny mpanome fa dia mipasoka sy manalama izay atolotra azy fotsiny, na mety izany na tsy mety. Indrindra moa rehefa misy zavatra tsy dia mety loatra izay.

Raha ny tsikera mitombina avy amin'ny gazety ny an'ny olona no mampandroso sy mampiezaka, ny eto kosa dia « *fifandambo-lamboana* » enti-manafina ny tsy mety sy ny tsy mahomby no zary lasa vaindohan-draharaha. Dia inona fa tsy izany no atao hoe « *sivana* », *toherin'ny rehetra imasom-bahoaka, saingy ankasitrahana ihany any ambadika ho fiarovan-tombontsoa.* Mitaiza saina amin'izany ny ankamaroan'ny mpanao gazety, ka zary mihataka amin'ny tena andraikiny sy izay andrasana aminy. Mova tsy boloky mamerin-teny fotsiny sisa no iafarany...

Fa ny tena zava-doza dia ny fahaizan'ny sasany (ny mpanao politika -indray- no tena tian-kolazaina eto) manararaotra sy mampiasa io « fahalemena » ao amin'ny gazety sy ny haino aman-jery io.

Ho an'ny vahoaka, izay voasoratra sy voalazan'ny gazety sy ny haino aman-jery moa dia tena zava-dehibe tokoa, *tena zava-marina.* Tsy hanam-potoana sy fitaovana hanamarinana izany rahateo ny vahoaka, fa dia mametraka ny fitokisany amin'izay voasoratra sy voalaza. Io no araraotina !

Noho ny « felaka », dia mahazo avara-patana hatrany ny be resaka isan-karazany, ka na antoko politika tsy dia manao ahoana loatra aza dia toa mahasolo tena ny Malagasy manontolo iny, raha ny filazany. Rehefa mba miatrika fifidianana anefa (satria tsy


maintsy miatrika izany), dia tsy tafahoatran'ny 01% akory ny vato azo ! Eo indray vao mamòrona zavatra hafa handotoana ny saim-bahoaka. Dia toy izany hatrany hatramin'izao !

Fampiasana ny gazety sy ny haino aman-jery mba ahazoana sehatra anaporofoana ny fisiana no imasoan'ny ankamaroan'ireo antoko politika 200 mahery misy ireo, izay tsy maniry faka any amin'ny vahoaka akory ny ankabetsahany, no sady toa tsy dia manao ezaka loatra ho amin'izany, raha ny fahitana azy ety ivelany. Koa raha tsy nisy izany ny gazety sy ny haino aman-jery, dia azo lazaina fa tsy nisy ireo. Raha tsy hainy ny nampiasa ny gazety sy ny haino aman-jery, raha tsy nanana ny ho enti-mihetsika ilaina amin' izany izy ireo dia ho toy ny tsy nisy ihany.

Amin'ny fotoan'ny disadisa politika no tena mihetsika ny antoko politika sahala amin'izany, satria eo ihany no fotoana tena mety « hilalaovana » politika amin'ny alalan'ny gazety sy ny haino aman-jery. Eo no andrarahana solika amin'ny afo, ny fidedahan' izany no mety ahazoana seza amin'ny tsy ampoizina... Fa raha fifidianana mantsy dia kelikely ihany ny fanantenana ny ho tonga amin'izany. Tsy fantatry ny mpifidy (no sady tsy mahafantatra ny mpifidy) akory tsinona !

Mazava ho azy fa raha vao milamina ny tany, dia tsy hita izay anjavonan'ireny antoko ireny, fa dia toy ny miandry kendry tohina fotsiny any ambadimbadika any...

Mbola maro no azo lazaina mikasika ny « kolikoly ». *Ny amaranana azy dia izao : arakaraka ny fihanahan'ny* « kolikoly » *manerana ny sehatra rehetra eto amin'ny Firenena no maika koa mampandositra ny fampandrosoana sy maha mafy orina ny fahantrana. Mampandamoaka sy mamono ny ezaka atao rehetra ny* « kolikoly ».


Point Cadhef


AEROPORT DE NOSY BE

AVY AIZA KA HO AIZA ?

Tsy feno aloha izay vita hatreto, raha ny momba ity Madagasikara ity no resahana. Miaiky izany avy hatrany ny mpanoratra. Mbola maro tokoa ireo lafin-javatra tokony nasiandresaka. Kanefa *toy ilay nahandro takatra ihany : izay aloha no mba takatra ! Mason-tsokina ihany koa ka izay mba kely ananana no nahiratra ! Ny manetsabe* rahateo *mbola hoavy* !

Raha izay voasoratra hatramin'izao ary no fintinina, dia tonga amin'ilay fitenin-jatovo hoe : « henjana ny lalao ! », ary dia tena henjana tokoa, satria :

- *Be loatra ny simba, tsy maintsy amboarina !*
- *Be loatra ny very tsy maintsy tadiavina !*
- *Be loatra ny maloto tsy maintsy diovina :*
- *Be loatra ny aretina mikiky tsy maintsy sitranina sy ahitam-panafany !*
- *Be loatra ny tongo-bakivaky, sady maharary no mahamenatra !*

Be loatra... ! Be loatra... ! Ho an'izay fomba fijery iray izay dia tena maizina ny hoavin'ity Firenena ity.

Amin'ny fomba fijery hafa anefa, dia toa tsy dia misy inona akory. Toa tsy dia misy tsy azo ihoarana akory ! Toa tsy dia misy sakana goavana, mety tsy hampandeha ny raharaha akory !

Mba manana izay ilain'ny fampandrosoana marina ihany mantsy ny Malagasy, mihoatra lavitra noho ireo firenena sasany mitovitovy lenta aminy aza : ny harena voajanahary, ny avarapianarana, ny mpandraharaha, ny mpiasa sy ny tantsaha... Kanefa aloha hatramin'izao dia io tsy hita be ihany io ny raharaha !

Ny voambolana niverimberina matetika teto, raha niresaka ireny sokajin'olona ireny dia ny hoe : « *miraviravy tànana* », « mialangalana »... Teo koa ny hoe : « tsy zarizary ». Tsy zarizary avokoa izay mikasika ireo sokajin'olona samihafa ireo, na ny mikasika ny fiainany izany, na ny momba ny asany.

Voatery miraviravy tànana sy mialangalana ny ankamaroan'

ny Malagasy. Toa tsy dia « mahazo aina » izany eo amin'izay ataony, eto anivon'ny Fireneny. Toa tsy dia mahita làlan-kombana loatra, ary voatery mitetika an-dàlana eny hatrany. Koa tsy mahagaga raha izay natao hatramin'izao dia « *maneno sahona* » avokoa. Ka tsy mifanaraka lava izao tsinona ny « *vetsovetsohetaheta* » sy ny « *atao* »...

Mba mikaro-dàlana ihany anefa, fa tsy hoe mipetra-potsiny, tao anatin'izay 50 taona nahaleovantena izay. Porofon'izany ireny fihetsiketsehana isan-karazany natao teto ireny. Hatramin'ny lehibe indrindra (fanovana Lalam-panorenana sy rafi-pitondrana ankapobeny), ka hatramin'ny madinika indrindra (fanovàna mpitondra), manginy fotsiny ny fandanian-drondoha nataon'ny Firenena manontolo (KIM tamin'ny 1972, fikaonan-doha isan-karazany toy ny tamin'ny 1991...), fa toa tsy hita ihany izay eo !

Tsy mety voafaritra sy voapetraka amin'ny fomba hentitra sy mahomby ary MIZAKA TENA izay làlana marina hitondra ny Firenena ho any amin'ny fampandrosoana marina.

Vokany : toa lasan-ko vavany fotsiny ny Malagasy (hatramin' izao aloha). Resabe, ady hevitra, fifanomezan-tsiny, fifanilihan' andraikitra, fivadibadihan-dela, fifandafarana amin-javatra tsy dia lehibe manao ahoana... Fa izay tena firosoana amin'ny famahana ireo olam-piainana samihafa, toa tsy dia tazana loatra.

Tena ilaina ny ady hevitra, ny « fifanakalozan-kevitra », araka ny voambolana malaza ankehitriny, saingy ny tsinin'izany eo amin'ny Malagasy dia :

- Tsy dia mahafehy izany loatra ho enti-mampandroso ny raharaha ny Malagasy, fa maika koa mampihitsoka ny fandehan-javatra izany, satria dia lany andro mifandrirarira, sy mifandrirotra, ary manadala saim-bahoaka fotsiny...,
- Toa mifono fihatsarambelatsihy hatrany koa ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Malagasy. Resaka fotsiny ka atao ilay « mifanakalo », fa ao ambadika dia samy miezaka tsotra izao ny hampanjaka ny heviny ihany. Ka inona fa tsy dia samy lany andro sy lany ron-doha fotsiny amin-kevitra tsy hahita fampiharana akory...

Lafiny hafa : tsy mety voafaritra amin'ny fomba hentitra sy mazava ihany koa ny antsoina hoe : « tombontsoam-pirenena ».

Malama imolotra fotsiny io matetika, fa rehefa tomorina akaiky dia manjavozavo ny faritra manasaraka azy io amin' ny tombontsoan'ny tena manokana, na amin'ny tombontsoan' ny vahiny any ivelany. Tsy mba nety nahaleo tena mihitsy mantsy ny tombontsoam-pirenena, fa mifangaro amin'ny tombontsoan' ny mpitondra sy ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny eo amin' ny Firenena hatrany (indraindray dia mifangaro ihany amin' ny fiarovan-tseza sy ny « fomba » fanao amin'izany ny tombontsoam-pirenena, ka ny fijanonan'ny mpitondra eo amin' ny seza no lazainy fa « tombontsoam-pirenena » !).

Ny vokatr'izany dia mazava fa lasa miahiahy sy tsy matoky loatra ireo mpitondra azy ny vahoaka, na dia mbola manjavozavo aminy koa aza ny mampitombina na tsia izany fiahiahiana sy tsy fahatokisana izany.

Noho izany, manjary tsy ampy risipo eo amin'izay ataony izy, ary manao zavatra tsy dia mendrika loatra, satria mibahana ao an-tsainy ny toy ny hoe : « izay mitondra eo dia samy mameno paosy avokoa, ka *rehefa ho lany ihany ny paiso an-kady, avelao koa mba hirotsaka llambosalama...* ».

Dia samy mirona any amin'izay « làlana » izay, ka tsy mahagaga raha ny fihemorana sy ny fahapotehan'ny Firenena eo amin'ny lafiny rehetra no mba tena azo tsapain-tànana.

Tsy ireo « zava-bita » tatatatain'ny fitondrana tao anatin' ny 50 taona akory no inona ! Toy ny rano iray zinga ao anatin' ny ranomasimbe ihany ireny, raha ny tena miandry ny Firenena no heverina.

Eo amin'ny tsy fandehanan'ny raharaham-pirenena, dia ny mpitondra sy ny te-hitondra no tena mahazo tsiny matetika. Ary rariny izany, satria izy ireo no nanankinana ny fampandehanana ny raharaham-pirenena. Matoa tsy mandeha izany dia izy ireo no tsy nanao sy tsy nahatanteraka izay nifanarahana, mizaka ny ampahan'andraikitra betsaka eo amin'ny tsy fetezan-javatra.

Mora loatra anefa ny fanakianana mpitondra toy izany, satria mba manana andraikitra amin'izany koa ny vahoaka.

Matoa tokoa mantsy ny mpitondra no be siasia, na tsy mahavita izay tena andrasana aminy, dia ny vahoaka entina no tsy mitady izay tena mendrika, na tsy dia sarotiny loatra eo amin' ny fikatsahana ny fahamendrehana.

Hita taratra eo amin'ny toetoetry ny Malagasy ankehitriny izany. Toa diso mitady *tany malemy anorenam-pangady* izay mantsy ny Malagasy. Mitady hanan-karena tampoka angaha ? Na miandrandra harena hilatsaka avy aiza... ?

Eny e ! Mamely mafy tokoa ny fahantrana, ka simbany hatramin'ny saina ! Ekena izany, kanefa tsy maha afa-tsiny avy hatrany izany. Raha misy mantsy izao mpitondra na tompon' andraikitra manao ny tsy fanao, dia toa tsy rototra loatra amin'ny hanasaziana ireny ny vahoaka. Ny fitsiriritany ny fananambe voaangona (raha halatra na fanodinkodinana ilay izy...) indray aza no toa tsapa...

Ary io no tena loza ! Tsy avy mba hijoro amin'ny Fahamarinana, fa toa midera ny fahaiza-manao ratsy indray aza !

Porofon'izany : haingana loatra ny fifamelan-keloka eo amin' ny Malagasy. FIFANAFENAN-KELOKA angamba no marimarina kokoa !

« *Fahotana mahafaty* » miharihary be izao no vitan'olona iray, na antokon'olona, dia toa vitavita ho azy fotsiny eo, vitan-kononkonona fotsiny eo. Dia samy tsy misy sahy miresaka mivantana ny momba izany akory, dia toa samy tsy misy sarotiny... Dia mivoaka « madio » hatrany ny mpanao ny tsy mety !

Any amin'ny firenen-kafa izao, raha misy mpitondra na tompon' andraikitra manao ny tsy fanao, na dia faran'izay bitika aza izany, dia « mahita raharaha » tokoa, ary tsy « *mahita ravin'avaratra* » amin'ny vahoaka sy ny tany ama-monina intsony iny manomboka eo. Fa ny eto amin'ny Malagasy kosa, dia toy ny toy ireny indray aza no « tafasondrotra » sy lasa « tsongoin'olom-bolo »... Hain'ny mpanao ratsy ny manararaotra izany ka dia tena « tafita amin'ny tsy marina » fotsiny izao izy ireo !

Tsy eo amin'ny fitantanana ny raharaha-pirenena ihany no misy izany, ahitana izany koa ireo sehatra hafa rehetra eo amin'ny Firenena : na eo amin'ny fokonolona, na fikambanana samihafa, eny fa na dia ao amin'ny Fiangonana sy ny fianakaviana aza.

Ka ahoana moa no ahatafita ny Firenena amin'izany ? Ny fijoroana amin'ny Fahamarinana sy ny Fahamendrehana, fototra lehibe tena hampanjary ny fampandrosoana marina, no tsy atao sy tsy iainana.

Angaha izay ihany : ny zavatra hafa rehetra mitory sy mitaky fahamendrehana eo amin'ny fitondrana ny fiainana dia lanin'ny Malagasy tsianjery (izay raiketin'ny ohabolana, ohatra). Tsy misy ampiharina eo amin'ny fiainana anefa ireny, fa dia toy ny teny tsara lahatra sy tsara rindra mampatavy vava fotsiny. Jereo ange itony izy :

- *Aleo very tsikalakalam-bola, toy izay very tsikalakalam-pihavanana.* Dia izany tokoa ve no marina ? Mbola misy hasiny ve izany « tsikalakalam-pihavanana » izany amin' izao fotoana izao ? Tsy efa nosongonan'ilay hoe : « *havako raha misy patsa...* »... ?
- *Raha olona iray no tsy tia, mitotoa koba hatavy; fa raha ny be sy ny maro no tsy tia, misotroa tangena ho faty !* Hafatra mafonja ho an'ny mpitondra sy ny te-hitondra izany. Mbola hamafisin'ilay hoe : « *aleo halan'andriana toy izay halam-bahoaka* ! ». Kanefa moa izay tonga eo misy miraharaha izay « vahoaka » any... ? Tsy mahagaga raha « halam-bahoaka » avokoa no hiafarany...
- *Tsy mety raha sady mandidy no omana !* Nafotitra tokoa ny dikan'io : toa zara aza afaka mandidy, amin'izay dia mihinana mialoha sy betsaka noho ny rehetra !
- *Ny valala aza tsy azo raha tsy andrian'ilika !* Tsy misy zavatra azo mora raha tsy isasarana... Io angamba no tena « lany andro » indrindra, satria raha ny endrim-piainana amin'izao fotoana izao, dia toa izay tena « mandry ilika » indray no tsy velona.

Raha ireo fotsiny no itarafana azy, dia tena mifotitra tanteraka ny fiainana sy ny fisainan'ny Malagasy, mikorontana tanteraka ny fiarahamonina malagasy. Tsy mahagaga raha tsy « mahazo aina » sy tsy mahomby eo amin'izay rehetra atao. Toa « mandainga » amin'ny tenany hatrany mantsy ny Malagasy : manao « *mpitari-*

bato vilam-bava », ka samihafa hatrany ny tondroin'ny vava sy ny tondroin'ny tànana...

Mandaiga amin'ny tenany satria :

- Impiry moa no tsy nandrenesana ilay hoe « manankarena ity tany ity », ary dia sarotiny ery amin'izany, kanefa ny zavamisy tsy mitsaha-miampanga lainga isan'andro vaky izao, manambara fa mahantra ny Malagasy !
- Mirehareha sy matavy vava ery rehefa miresaka ny « maha Malagasy », nefa ny fihetsika faran'izay madinika atao isaky ny posak'andro izao, dia tsy manao afa-tsy ny manitsa-kitsaka sy *manapotika izany*...

Tsy ivalamparana fa betsaka no azo lazaina momba izany. Izao fotsiny : na tsy mandainga aza dia toa mbola tsapa ihany ilay finiavana hanafin-javatra, na koa ilay finiavana tsy hiatrika ny marina sy ny zavamisy. Mitovy tsy misy valaka amin'ilay « fifanafenan-keloka » ihany.

Lasa eritreritra ihany izay mandinika : sao dia mba « enti-paharazana » eo amin'ny Malagasy aza ity FANAFENANA sy FIFANAFENANA ity... ?

Mety ho henjankenjana izay voalaza hatreto, mety hiteraka fanafintohinana mihitsy aza eo amin'ny olona sasany, kanefa moa rehefa alohalika toy izao ny ranombary, dia azo heverina fa ampy izay nifandrotsirotsian-tsofina nandritra ny fotoana ela izay.

Toa nenti-paharazana ny fifanafenana..., ary dia zary lasa fomba fiaina mihitsy aza izany, ka niteraka tsy fandehanan-javatra hatrany. Be loatra mantsy ny « zava-miafina », ny « tsy fanta-pototra »...

Mifamatotra amin'ny Tantaran'ny Malagasy mihitsy anefa izany, *hatrany am-piandohany. Hatrany amin'ny Tantaran'ireo* karazam-poko mivondrona ho « Malagasy ».

Ny fiavian'ny Malagasy ara-jeografia moa dia fantapantatra ihany. Voalaza fa avy any amin'ireo Nosy maro any amin'ny faritra Azia atsimo atsinanana, misy an'ireo firenena fantatra amin'izao fotoana izao amin'ny anarana hoe : Endonezia, Malaizia, Filipina, Papoazia, Ginea vaovao sy ny sisa..., dia misy mandray kely koa aty Endia, Arabia sy Afrika. Tsy iadian-kevitra angamba ny amin'

izay, satria efa maro ireo manampahaizana isan-tsokajiny efa nampisongadina izany fiaviana izany.

Fa ny tsy mba nazava sy tsy nitondram-panazavana hentitra hatramin'izao dia ny ANTONY marina nahatonga azy ireo nanao rodobe nandao ny « tanindrazany » sy ny taolam-balon' ny « razambeny », ka nifindra « tanindrazana » sy namoy razambe tsotra izao.

Tsy maintsy ho antony lehibe dia lehibe tokoa izany, matoa namoizana ireo zava-goavana roa loha eo amin'ny fiainana sy ny fisainana itambarana ireo. Ary azo lazaina fa tsy dia mandresy lahatra loatra ny antony aroson'ny mpahay tantara tandrefana momba izany (fifaneraserana ara-barotra...), kanefa moa nionona tamin'io fanazavana io aloha hatramin'izao.

Ny mahagaga koa : na ny lovan-tsofina aza dia toa « manafina » izany antony izany, ary tsy miresaka kely akory ny momba izany. Ny nitrangan'ilay fifindramonina anefa azo lazaina fa vao haingana ihany, raha ampitahaina amin'ny tantara lavan' ny zanak'olombelona (vao taonjato valo raha be indrindra no nisehoan'izany). Ny an'ny firenena hafa anefa, efa an'arivon-taonany maro mbola ahita-mangirana sy zorony ihany ny amin' izay tantaran'ny fiaviany marina.

Koa aroso ihany fa angamba tena nafenina tokoa ny antony nahatonga ny « Malagasy » nandao ny tany niaviany. Nety nisy zavatra nahamenatra ka nafenina sy nokosehina mba tsy ho fantatry ny taranaka aty aoriana...? Mety tsy maintsy nohadinoina tanteraka satria azo an-tsaina fa tsy ho tafaverina an-tanin-drazana intsony, ka ny namoy no mety ...? (raha mpivarotra tokoa anefa dia tokony ho niverina nody ihany, rehefa azo izay notadiavina...).


Tsy fantatra mazava ny amin'izany rehetra izany amin'izao fotoana izao. Na izany aza anefa, ny tantaran'ireo firenena voalaza fa niavian'ny Malagasy ireo dia mety ahafahana ihany manazava kely ny amin'io « fifindramonina lehibe » io, koa tsara raha mba iaraha-mijery eto izany.

Mialoha izany dia marihina ihany fa tsy manampahaizana manokana momba ny Tantara ny mpanoratra, ka mety tsy dia

hitombina loatra ny fomba fijeriny. Koa ialan-tsiny mialoha amin' ireo tena mahay izany... Ny nanosika azy hanao « fikarohana tsotsotra » momba izany dia ny fahatsapana sy ny fahitana ny Malagasy toa tsy « mahazo aina » lava, mitsingevaheva hatrany, tsy marim-pototra, tsy marin-toerana, tsy mahatsangana fitsipi-piainana hentitra sy matotra ary mahomby, hatramin'izay naha « Malagasy » azy izay.

Sao mantsy ny tsy fahalalan'ny Malagasy ny tena marina momba azy no anton'izany ? Satria moa ny fahafantarana sy ny fanekena ny Lasa no isan'ny fitaovana iray lehibe hahafahana manorina sy mampijoro tsara ny Hoavy. Ho sarotra ho an'ny firenena tsy mahafantatra tsara ny lasany sy ny momba azy tokoa mantsy no hamaritra izay làlan-kombany rahampitso...





AVY AIZA ... ?

Ny mponina voalohany teo amin'io faritra Azia atsimo-atsinanana io, araka ny Tantara, dia ny « *Papous* » sy ny « *Mélanésoïdes* », izay voalaza fa somary mainty fihodirana. Fa nanomboka tamin'ny taona 3000, tany ho any, talohan'i Jesoa Kristy (J.K.) no nisian'ny fifindramonina lehibe voalohany, ka mponina tranainy avy any amin'ny faritra atsimon'i Shina no nanenika iny faritra iny manontolo, nifangaro tamin'iretsy karazan'olona efa nonina tao taloha, ary nanome karazan'olona vaovao tsy dia mainty loatra (toy ny Afrikanina mainty), nefa koa tsy dia mavo loatra (toy ny Sinoa).

Tokony ho taty amin'ny taona 500, talohan'i Jesoa Kristy ihany, dia mbola nisy fifangaroana tamin'ny mpifindramonina hafa indray, avy aty amin'ny faritra atsimon'i Endia (Karana izany), *ary ireto farany ireto no azo lazaina fa namaritra amin'ny fomba* hentitra ny fombafombam-piainana tany amin'iny faritra Azia atsimo-atsinanana iny nanomboka teo, satria na ny rafi-piarahamonina, na ny rafi-panjakana, na ny fivavahana sy ny finoana, na ny fomba amam-panao isan-karazany, dia notakarina betsaka tamin'ny « ENDOISMA » (« hindouisme »), izany hoe ny sivilizasiona endoa.

Nisy fanjakana madinidinika maromaro niforona taorian'izany, ka fanjakana endoa avokoa izy ireny : tao *Kutaï* any amin'ny nosy Kalimantan, tamin'ny taona 400 (taorian'i J.K.); tao *Taruma Negara* any Java andrefana tamin'ny taona 450; tao *Sriwijaya* any Sumatra atsimo teo anelanelan'ny taona 670 sy 1370; tao *Mataram* any Java afovoany tamin'ny taona 732 ; tao *Majapahit* any Java atsinanana sy tao *Airlangga* tamin'ny taona 1010; tao *Hayam Wuruk* tamin'ny taona 1350...

Ireo no isan'ny lehibe indrindra tamin'ireo fanjakana nisy tany tamin'izany. Saika tany amin'ny faritr'i Endonezia amin'izao fotoana izao avokoa no nisy azy ireo. Nisy anefa ny tena natanjaka, toy ny fanjakan'i Sriwijaya sy Majapahit, izay nifehy hatrany Malaizia.

Ampahatsahivina ihany fa tamin'ny fotoana nampatanjaka

ireny fanjakana ireny dia tena nahazo faka tanteraka tany Azia atsimo-atsinanana ny sivilizasiona endoa.

Nanomboka teo amin'ny taonjato faha 13 anefa, dia niova ny fandehan-javatra. Niha nahazo vahana ny sivilizasiona sy ny fivavahana SILAMO, nentin'ireo mpivarotra avy aty Endia sy Arabia (Karana sy Arabo), rehefa nisoko mangina nandritra ny taonjato roa teo ho eo.

Nanjary nisy fanjakana silamo nitsangana mihitsy aza tany amin'ny faritra sasany : *Aceh* sy *Pasaï* (Sumatra avaratra), *Banten* sy *Cirebon* (Java andrefana), *Demak* (Java afovoany)...

Tsy nahaleotena avy hatrany anefa ireny fanjakana silamo ireny tany am-piandohany, fa nanoa ireo fanjakana endoa ihany. Mbola kely ny heriny...

Nitombo tanjaka anefa ny Silamo, ka naongany sy noravany tsirairay ireo fanjakana endoa. Nisy mihitsy ny ady mangotraka nifanaovan'ny Silamo tamin'ireo fanjakana endoa matanjaka, toy ny tao Majapahit, Sriwijaya, ary Mataram, ka rehefa resy ireo dia vaky bao ny ankamaroan'ny mponina sy ireo mpitarika azy, indrindra ireo nifikitra mafy tamin'ny endoisma : tao ireo niafina tany an-tendrombohitra, maro anefa ireo nifindra nosy (an'arivony maro ny nosy any amin'iny faritra iny)... Araka ny tantara, dia namonjy ny nosy BALI (faritra atsimon'i Endonezia) ny ankamaroan'ny mpandositra. Nisy ihany koa anefa ireo niezaka namonjy an'i Endia aty andrefana, satria tany rahateo no vovonana iadian'ny lohany teo amin'ny sivilizasiona endoa.

Izany faharavan'ny fanjakana sy ny sivilizasiona endoa, tany amin'ny faritra Azia atsimo atsinanana izany, dia nitranga teo anelanelan'ny taonjato faha 13 sy ny taonjato faha 16. Teo anelanelan'ireo taonjato ireo no nivadika silamo tsikelikely iny faritra iny; ary teo anelanelan'ireo taonjato ireo ihany koa no nisian'ny fifindramonina (fandosirana) tsy ankiato tany...

Tsy mazava tsara izay tena nitranga nanomboka teo, fa ny fantatra aloha dia aman'alina maro ireo mpandositra tamin'izany, ary nisy tokoa ny tody ka nanandrana nanorim-ponenana tany amin'ny morontsiraka atsinanan'i Endia (saingy efa nisy Silamo koa tao...)

Nisy ireo « diso làlana » ka lasa taty andrefana kokoa. Tsy nahazo ny morontsirak'i Endia, satria mahery loatra ny ria-dranomasina amin'iny faritra avaratry ny Ranomasimbe endianina iny.

Koa nisy tamin'ireo mpitsoa-ponenana nentin'ny riaka, ka tafa-paka taty amin'ny morontsiraka avaratra-atsinanan'i Afrika (Somalia sy Etiopia ?), ary nisy tamin'izy ireo tafahantsona « tsy nahy » (na dia eo aza ny fiheverana fa efa nahay niandriaka avy amin'ny fijerena kintana izy ireo) taty amin'ny morontsirak'i Madagasikara.

Ekena fa sarotra ny manamporofo izany mazava, na dia efa nisy nanandrana nanao izany mivantana aza (tamin'ny alalan' ilay sambokely « Sarimanok »). Ny fifanandrifiana azo asongadina, ankoatra ny toetoetry ny Malagasy sy ny fiteniny ary ny fombany, izay fantatra fa misy itoviany betsaka amin'izay nisy tany amin'iny faritra iny, dia ny vanim-potoana nisehoan'izany rehetra izany, satria araka ny fanadihadiana navoakan'ny mpahay tantara, dia teo anelanelan'ny taonjato faha 13 sy faha 16 koa no tonga nifanesy teto Madagasikara ny ankamaroan'ny « *Malagasy* », nifanindry tamin'ny fotoana nanapotehan'ny Silamo ireo fanjakana maro tany.

Na izany na tsy izany dia azo lazaina fa manodoka tokoa io fanandramam-panazavana ny tantara io, satria mahavaly fanontaniana vitsivitsy momba ny « *Malagasy* ».

Ny voalohany amin'ireny dia ilay efa napetraka tery aloha ihany : ny amin'ny antony nahatonga ny « *Malagasy* » nandao ny tany niaviany, ny tanindrazany. Ny mpahay tantara tandrefana moa dia milaza fa « varotra » no anton'izany, izay tsy dia mandresy lahatra loatra, satria raha nandao an'iny faritra iny ny « *Malagasy* », dia andiany marobe tokoa, azo lazaina fa nombam-bady aman-janaka mihitsy aza. Azo aroso koa fa nentiny nanaraka azy ny rafi-piarahamonina efa niainany tany, satria fiarahamonina efa nisy antanan-tohatra avy hatrany no fantatra fa nampiharina raha vao tonga teto Madagasikara izy ireo (efa nisy mpitarika, na ampanjaka, na tangalamena...).

Ny fanontaniana hafa mety ho voavaly koa dia ny hoe :

nahoana no nizarazara ho foko maromaro ny Malagasy amin' izao fotoana izao, kanefa foko mifanakaikikaiky ihany ara-pomba sy ara-pitenenana, tsy toy ny fahita any amin'ny firenen-kafa ?

Satria amin'ny ankapobeny dia samy avy amin'iny faritra iny avokoa *ireo foko malagasy ireo saingy* :

- Efa foko samihafa no niandohana tany am-piaingana. An'arivony maro, hoy isika, ireo nosy ao amin'iny faritr'i Azia atsimo-atsinanana iny, ary saika isaky ny nosy na vondro-nosy vitsivitsy dia nahitana foko iray, ny sasany aza efa nisy fanjakana madinika, toy izay nisy teto Madagasikara, taty aoriana ihany koa.
- Io ihany koa no manazava ny fomba nahatongavan'ireo foko samihafa ireo teto Madagasikara : tsy niara-tonga teto izy ireo, satria ny fandosirana dia niankina tamin'ny fihanaka sy ny fandresen'ny Silamo tany amin'ireo nosy isan-karazany (*izay no manamarina ilay fifindramonina nanomboka teo* amin'ny taonjato faha 13 ka hatramin'ny taonjato faha 16 – voalaza moa fa ny Merina no isan'ny foko tonga farany indrindra teto, ary efa nahafantatra ny asa « vy » izy ireo tamin'izany...).

Raha mitombina ary izany fanandramam-panazavana izany, ny azo ambara tsotra dia izao : FAHARESENA no nahatonga ny « Malagasy » nifindra monina sy nandao ny tany niaviany. Ary « faharesena » tena niavaka, satria niafara tamin'ny fahafoizana mihitsy ny « tanindrazana ». Azon'izy ireo natao tsara ny tsy nandositra ka nanaiky sy niaina izay *lalàna* sy finoana ary fitondran'ny mpandresy (toy ny nataon'ireo foko maro hafa izay tavela tany, izay nivadika ho Silamo mandrak'ankehitriny). Tsy izany anefa no nitranga, fa ilay faharesena ny azy ireo, dia tena nidika ho TSY FANEKENA mihitsy ny sivilizasiona silamo, ary fitazonana hatramin'ny farany ny « maha izy azy », na dia lafo dia lafo tokoa aza ny fanefana izany, satria nandaozana tanindrazana sy ny taolambalon'ny razana.

Averina indray ! *Raha marina izany rehetra izany, dia izany no zava-dehibe iray nampitovy ny foko rehetra tonga taty*

Madagasikara : tsy fanekena sivilizasiona hafa, ary fitazonana ny maha izy azy..., na dia vidian-dafo aza izany !

Marina fa teo dia teo tokoa ny henatra, noho ny faharesena sy ny fandosirana, izay midika ho fandaozana sy famelàna ny tanindrazana sy ny taolambalon'ny razana niandohana, teo ampelantanan'ny mpandresy. Ity lafiny farany ity no tena naharary, ka nahatonga azy ireo « nanafina » mafy tokoa ny tantara niandohana (nanjary « nafenina » hatramin'ny maty aza, rehefa mandevina ny foko sasany taty aoriana... Mbola misy fitohizany amin'ilay tsy tokony ahafantarana mazava ny niandohana ve no antony anaovana izany ?).

Mampieritreritra ihany, rehefa mandinika izany rehetra izany. Fa toa niniana nafenina mihitsy teo amin'ny Tantara ny manodidina io fifindramonina io. Mba mahagaga ihany mantsy raha dia zavadehibe nitranga teo amin'ny fiainan'ny foko maromaro toy io, dia tsy mba nitahiry na dia « honohono » fotsiny aza ny fitadidiana itambarana.

Mila manampahaizana manokana avy amin'ny sampampahalalana samihafa mifanandrify amin'izany ny fanamarinana izay naroso. Ambara fotsiny fa tena ilaina ny fahalalana marina izay niandohana, mba tsy hampitsingevaheva sy hampialangalana eo am-piatrehana ny Hoavy.

Mandrapahavitan'izay anefa, dia ndeha atao hoe misy fahamarinany kely izay voalaza teo. Raha io tokoa mantsy no izy, dia misy azo sintonina ho an'ny ankehitriny sy ny hoavy tokoa izany :


- Faharesena no iaingana, kanefa faharesena tsy tokony ahamenatra velively satria mifono hevi-dehibe (izay mbola mety tsy takatry ny fisainan'ny olona tamin'izany fotoana izany), dia ilay finiavana mahery hitazona ny « maha izy azy », ka tsy nanaiky mihitsy hilefitra teo anatrehan'ny sivilizasiona hafa, na dia teo aza ny hery tsy mitovy
- Vokatr'izany « faharesena » sy fifindramonina izany, dia nanjary saro-piaro dia saro-piaro amin'ny fananana ny tany Madagasikara ny « Malagasy » taty aoriana, ary dia miaro izany araka izay azony atao, na dia amin'izao fotoana izao aza.


- Foko maro samihafa, samy nanana ny nosy niaviany, kanefa dia noteren'ny Tantara mba hiara-monina ao amin'ny ***NOSY TOKANA*** ! Miteraka fifandraisana sy fifanakalozana ara-piarahamonina vaovao izany. Nanampy izany moa ireo zavatra sasantsasany nentin'ireo karazan'olona vitsy an'isa taty aoriana (avy atsy Afrika, Arabia, sy avy any Eoropa koa aza). Ary dia izany rehetra izany no nanefy miandalana ny ho FIRENENA MALAGASY, izay firenena naorina teo amin' ny FAHARESENA, araka izany, kanefa niezaka ihany teo amin'ny tantara ny mba hamadika izany ho FANDRESENA !


Ary ny FANDRESENA voalohany, sady lehibe indrindra, azony tamin'izany dia tsy inona fa ny fitsanganan'io FIRENENA MALAGASY io mihitsy !

Tena fandresena io raha jerena amin'ireto andian'olona maro samihafa, teo amin'ny fotoan'ny fifindramonina, nanao vy very ny ainy, tsy nitaingina afa-tsy lakana mitsingilahila, nifamahofahoan' ny fihetsem-po samihafa : ny fahakiviana sy ny alahelo noho ny fandaozana ny tany niaviana, ny tahotra noho ny tsy fahafan-tarana akory izay hanjo, ny fanantenana fa ho tody soa aman-tsara any amin'izay noheverina hitodiana, any amin'ny tany tsy misy raorao sy romoromo, tondra-dronono sy tantely !

Marina fa ela dia ela tokoa taty aoriana vao azo izany « fandresena » izany, satria maro ireo fitrangan-javatra sy fisehoan-javatra nanelingelina ny fanamafisana izany, nandritra ny fivoaran'ny tantara. Kanefa anjaran'ny taranaka aty aoriana mifandimby no miezaka manamafy izany hatrany, arakaraky ny fisehoan-javatra eo amin'ny vanim-potoana iainany avy... Koa mba aiza ho aiza ary io « FANDRESEN'NY FIRENENA MALAGASY » io amin'izao fotoana izao, eo amin'ny taranaka ankehitriny ?




FARALEOVANTENA


1917

HO AIZA ... ?

« Ho aiza marina i Mladagasikara ? ». Tsy ny mpanoratra akory no hamaly sy hahavaly izany fanontaniana izany.

Tsy olon-tokana na olom-bitsy rahateo koa no ahavaly izany, satria ny Hoavin'ny Firenena manontolo io, noho izany dia raharahan' ny Firenena manontolo ihany koa.

Na izany na tsy izany, izay voasoratra hatreto dia mety hanampy ny tsirairay eo amin'ny famaliana ny fanontaniana, sy azo entina ihany koa misaintsaina ny amin'izay Hoavin'ny Firenena !

Fanamarihana vitsivitsy ihany no hany azo atao eto am-pamaranana.

Ny voalohany amin'ireny, dia ny famerimberenana hatrany ity tononkira mahazatra : « Fahantrana » ! Firenena tena mahantra tokoa i Madagasikara amin'izao fotoana izao. Fadiranovana tsy misy ohatr'izany ny vahoaka malagasy maro an'isa. Raha ny fandaharan-drizareo ao amin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena dia manakaiky ny gisitra izy raha ny filaharana ara-karena vokatra eo amin'ny firenena maneran-tany.

Raha ny harena voajanahary anefa dia tena mba isan'ny manana tokoa i Madagasikara, mihoatra lavitra noho ny anka-maroan'ny tany afrikanina aza, ary izany dia eo amin'ny lafiny rehetra mihitsy. Torak'izany koa ny vokatry ny fambolena isan-karazany. Saingy io iaraha-mahita io fa TSY MISY RAHARAHA VANONA aloha hatramin'izao !

Diso làlana ary ve ny Malagasy eo amin'ny fitantanana ny taniny, ka any amin'ny tsy izy hatrany no miantefa izay mba ezaka kely atao ? Toa mba manao izay azony atao ihany mantsy ireo sokajin'olona rehetra, indrindra ireo sokajin'ny mpamokatra harena, eo amin'ity « ady amin'ny fiainana » ity, kanefa dia tsy hita be ihany aloha hatreto !

Sao kosa ary tsy fahantrana ARA-TOEKARENA loatra no tena nahatonga izao fahavoazana tsy roa aman-tany izao, fa fahantrana hafa : *fahantrana ara-tsaina sy ara-toetsaina,*

fahantrana ara-pahamendrehana, fahantrana ara-pahamarinana, fahantrana ara-kambom-po... Dia mbola eo koa ny fahantrana vokatry ny afitsok'ireo firenena matanjaka !

Ny mpanao politika nitondra hatramin'izao mantsy, dia toa tsy nanana valiny nomena afa-tsy resaka toekarena hatrany, izay vaha olana famonoana afo fotsiny ihany aloha hatramin'izao. Toa tsy nikatsaka loatra ilay fampandrosoana marina sy maharitra, fa nikendry fotsiny ny itazonana ny fandriampahalemana (mba tsy hisian'ny rotaka...). Ka inona fa tsy dia toa fiarovan-tseza hatrany no iafarany... !

Ny ahiahy tsy mampihavana eo amin'ity resaka ara-toekarena ity koa anefa dia tsotra ihany : toa aankina be loatra amin'ny any ivelany izy ity, eo amin'ny lafiny samihafa, indrindra ara-bola, saingy ahiana ihany koa fa na ho tondraka aza ny vola avy any ivelany, dia toa tsy hampanjary inona eto izany, raha ireo tsy fetezan-javatra (izay tsy ara-toekarena ihany) voatanisa teo ireo, no tsy ahitam-panafany tena mahomby...; toa aankina betsaka amin'ny any ivelany ny raharaha, izany hoe toa tsy ny famahana ny olana ara-piainana mianjady amin'ny vahoaka eto antoerana no namaritana hatrany ireo tetika sy fandaharan'asa, fa voabaikon'ny tombontsoa sy ny filàna isan-karazan'ny toekarena any ivelany sy ny famahana ireo olan'ny toekarena any ivelany hatrany...

Lafiny iray hafa. Tsy mahay mitantana ny Fireneny sy ny fahaleovantenany ve ny Malagasy, tsy manana olona tena mahay mitantana izany ve izy, na dia dokafana ombieny ombieny aza, fa ny olony, ny vahoakany no tena harena voalohan'ity Firenena ity ?

Ny tsapa mantsy dia izao : ny ankamaroan'ny fanaovandraharaha na ny orinasa tena « mandeha » eto Madagasikara, dia izay tantanin'ny vahiny ihany, na izay miray fandraharahana amin'ny vahiny, fa izay kasikasihan'ny Malagasy, na mba tantaniny manokana dia mitontongana avy hatrany (ary ny fitantanampirenena... ?). Tandremo anefa ! Tsy ny Malagasy mpitantana irery no omen-tsiny amin'izany, fa na ny Malagasy mpiasa tsotra koa aza, izay manana fihetsika sy fisaina hafahafa, raha vao

Malagasy ray, Malagasy reny no mampiasa azy. Tsy resahana intsony, etsy andanin'izay ny ataon'ny mpitondra-mpanao politika aty an-tampony manodidina ireny orinasa malagasy ireny !

Ka harena voalohan'ny Firenena ahoana moa no tian-kolazaina eto ?

Ary sao dia BE FAMARITRA loatra kosa ary ny Malagasy, ka manaonao foana no iafarany ? Ny mpitondra vaovao rehetra eto dia *toy ny papangolahy anaty katsaka, ka izay mivoaka babany avokoa.* Faritana avokoa izao rehetra izao : hatao izao ! hatsangana iroa ! hovàna itsy !... Fa rehefa tafapetraka kelikely dia... tsy hita akory izay eo ! Ny adilahy politika no mafotaka !

Ny loza aza, eo amin'izay adilahy politika izay, izay tsy ela dia mivadika ho fiarovan-tseza sy fiarovan-tombontsoa manokana, dia tsy « *namana tsara* » raha tsy mety miray petsapetsa sy miray tsikombakomba amin'ny zava-tsy mendrika sy tsy dia mazava loatra ataon'izay eo amin'ny fitondrana...

Dia toy izany hatrany !

Izay ny amin'iny, fa ny zavatra tena azo inoana aloha dia ny FITIAVANKELIN'ny Malagasy, ankoatra izay voalaza hatramin' izao.

TIA KELY loatra ny Malagasy, ary mety tsy ho ny fahantrana *ihany no manazava izany, na dia io aza no fanazavana aroso* hatrany.

Manjary azo angalarina avokoa mantsy ny zavatra rehetra eto Madagasikara amin'izao fotoana izao : tsy ny volabem-panjakana ihany, fa na dia ny lamban-jaza mihahy eo an-tokon-tany aza, tsy resahana intsony ny halatra lamban-drazana sy taolambalon-drazana !

Sanatria toa efa mangalatra sy sahy mangalatra avokoa ny rehetra, tsy ireo fantatra fa tena mahantra ihany, fa na dia ireo hita izao fa manana ny ampy koa aza, dia roboka amin'izany, na farafaharatsiny mifandray tendro amin-javatra toy izany.

Dia inona moa no raharaha ho vanona amin'izany ? Ny ankamaroam-bahoaka mihitsy no toa efa tsy mahalala na

minia tsy mahafantatra ny fahamendrehana, ny fahamarinana, ny fahavanonana...

Iadiana fo tanteraka ny fanaovan-java-tsy mendrika : toa efa *samy manao izany daholo, hoy ny sasany, ka sao ho « very » eo* raha tsy mba manao !

Ho an'ny Malagasy ankehitriny : toa ny manao ny mendrika sy *miady ho amin'ny fahamarinana indray hono no* VERY !!!

Mankaiza ary ny Firenena anjakan'ny fisainana toy izany ? Inona no fampandrosoana azo apetraka ao amin'ny Firenena toy izany ?

Izay ny amin'ny fitiavankely nanjary fitsipi-piainana, fa ankoatra izay dia toa LASAN-KO VAVANY loatra koa ny Malagasy ! *Efa nasian-tsika teny teto ihany ny momba io. Be resaka ! Be ady* hevitra ! Dia lany andro eo am-pikenonkenonana. Kanefa ny fampandrosoana tsy vitam-bava, tsy efan-tranga lela !

Ireny resabe sy ady hevitra ireny anefa matetika no miteraka fifandafarana sy tsy fifankahazoana, manapotika izay mba kely voatsangana.

Tafiditra ao amin'io sokajin'ny « lasan-ko vavany » io ireny adilahy politika ivoahan'ireny hevitra maro misafotofoto tsy ahita-mitsinjo ireny. Tsy ny ady hevitra politika no ratsy, fa ny ady hevitra tsy mamokatra, sy manapotika ny kely ananana !

Araka izany, reha izay voalaza tato amin'ity boky ity no fintinina, dia hita ihany fa somary ***mikorontana ny fiarahamonina malagasy amin'izao fotoana izao,*** *somary* ***goragora sy mifamotipotitra aza ny fitsipi-piainana sy ny fitsipi-pifandraisana misy ao*** *(« ny tsy mendrika no lasa...mendrika »), ary dia mivahavaha vokatr'izany ny fifampifehezana ara-piarahamonina isan-karazany. Voalaza moa fa ireny rehetra ireny no mahatonga ny Malagasy « tsy mahazo aina » eto amin'ny taniny, sy eo amin' izay ataony rehetra, mahatonga azy hiroaroa saina, sy tsy ahatombon-tsiraka. Dia eo koa ilay tsy fahafantarany ny Tantarany sy ny antom-pisiany eto amin'ity Nosy ity, mahatonga azy tsy mahajoro loatra sy tsy marim-pototra.*

Koa ahagaga ve raha aty amin'ny faha 50 taona nahaleovan-tena aty no misy sahy milaza fa toa naleo ihany faha...zanatany,


fa toa tamin'izany angaha no nirindra kokoa ny fiainana, satria voafehin'ny « mpitondra », antsakany sy andavany, ny fitantanana ny tany sy ny fanjakana !


Asa aloha raha izany tokoa no marina, na ahoana, fa ny fisainana toy izany, avy amin'ny taranaky ny olona azo heverina fa nitsipaka sy nandà ny hiondrika teo anatrehan'ny sivilizasiona hafa, dia mitory FAHAVEREZAM-PANAHY tanteraka !

Koa asa na aiza no hahitan'ny Malagasy indray izay VERY rehetra teo aminy ? Fa raha tsy hitany mantsy izany, dia ho sarotra ihany ny ahatongavany any amin'ny tena fampandrosoana marina !

TSETSATSETSA TSY ARITRA

(Lahatsoratra vitsivitsy nivoaka tao amin'ny gazety « L'Express de Madagascar »)





REPOBLIKA FAHA 4 :
Ho aiza isika ity ?

Hatsangana ny Repoblika faha-4. Eo ampitorontoronina ny ho Lalampanorenana amin'izany izao. Ary koa ny Fotokevi-dehibe hitantanana ny Firenena rahampitso. Koa mipetraka ny fanontaniana : Ho aiza indray ary isika ity e... ?

Fanontaniana nipetraka hatrany tamin'ny vahoaka Malagasy izany, indrindra nanomboka tamin'ny taona 1972, kanefa tsy nahitam-baliny tena matotra, fa valiny vonjy tavan'andro hatrany no nasetry izany.

Isaky ny vanin-tantara noheverina fa fotoana mety hamaliana izany mantsy, izay matetika fotoana mavaivay teo amin'ny Tantaram-pirenena hatrany, dia endri-piarahamonina sy rafi-panjakana sadasada sy tefy maika nateraka fotokevitra sy foto-pisainana manjavozavo, mba tsy ilazana hoe poak'aty, no napetraka sy nohindrahindraina ary nopasopasohana tsy nisy ohatra izany.

Noteren-ko masaka sy natao amboletra mba hifanojo amin' izay heverina fa "hetahetam-bahoaka" ireny ... Natao toton'ondry bory mba "hitondra fandrosoana sy fivoarana eto amin'ny tany sy ny fanjakana", hono... Saingy niaraha-nahita fa izay nametraka sy nampihatra izany, tamin'izay saim-pantany fotsiny na koa mifanaraka amin'izay *zava-kinendriny* any am-pony tsy miloaka any, dia toa ilay Rafotsibe kendam-bomanga hatrany no niafarany, ka izay nasesiky ny tanany ihany no naha kenda azy !

Tandrametaka sy tsy dia ampy fahamatorana loatra ve izany no fomba nitondrana ity firenena ity hatramin'izao ?

Asa aloha na ho izay tokoa na ahoana, fa raha ny tsapa sy iainana ankehitriny dia toa tsy misy fanafany foana ilay "heta-hetam-bahoaka"... Isaky ny fiandohana mantsy (izany hoe isaky ny tonga ny mpitondra vaovao mitondra "rivo-baovao"...), na dia

nampilendalenda sy maty paika aok'izany aza ireo *teti-pampandrosoana* nentin'ireo mpanao politika papangolahy anaty katsaka : dia main'ny hetahetany hatrany ny vahoaka! Azo lazaina ho niha tsy nahita ravin' avaratra aza, satria isaky ny fitondrana nifanongana dia tena nihombo hatrany ny aretina. Dia toy izany foana no niainana teto, nandritra izay fotoana elaela izay...

Ny tena mahalasa eritreritra aza dia ity : isaky ny mitsoka ny "rivo-baovao" dia resy tosika hatrany ny Malagasy sy ny maha Gasy ny Gasy, tsy mba mahazo avara-patana ny tombontsoan'ny Malagasy, ary tsy resahana akory ny amin'izay mba ZOn'ny Malagasy. Fa ireo ankapoben-dresaka ihany no aroso, ankapoben-dresaka tsy mamaha ireo olana fototra, tsy mitondra fanafody akory aza, fa toa natao hanamafisana ny fototry ny fitondrana *vaovao vao najoro fotsiny ihany.*

Ny tsy iadian-kevitra anefa dia ity : **tsy misy afaka hampandroso marina an'i Madagasikara afa-tsy ny Malagasy ihany** ! Ny Malagasy sy ny hambom-pony, ny herim-pony, ny herin-tsandriny, ny herin-tsainy, ary ny herim-panahiny, izay maha olona azy ! **Ny Malagasy ihany no manana tombontsoa amin'izany "Madagasikara mandroso sy miadam-pinaritra" izany, ary izy irery ihany no afaka mahavita izany** !

Zava-dehibe tsy azo adinoina izany !

Ny tsapa anefa hatreto dia izao : tsy dia matoky loatra ny Malagasy (ny vahoaka malagasy) izay mpitondra tonga eo amin'ny fitondrana, tsy matoky fa mba mety ho vitan'ny Malagasy antsakany sy andavany tokoa anie izany hampandroso an'i Madagasikara izany ! Hany ka miandrandra hatrany ny mana avy amin'ireo mpanambola sy mpamatsy vola vahiny no atao vain-dohan-draharaha. *Terena hifanaraka amin'izany rahateo* moa ny "hetahetam-bahoaka", koa rehefa miraraka ny vola avy any ivelany dia izay no atao hoe "fahombiazan'ny fitondrana"...

Odian-tsy hita fa isaky ny dollar iray na euro iray entin'ny mpanambola vahiny eto dia miha mafy orina hatrany ny fiankinandohan'ilay Madagasikara "mahaleotena". Odian-tsy hita ihany koa fa tsy hitovy mihitsy ny tombon-tsoan'ny mpanam-bola vahiny sy ny Malagasy, satria samy manana izay kinendriny... Koa zarandrizareo aza mpitondra tsy te ahalala loatra izay tena manjo ny vahoaka fa mahay "mitazona" fotsiny ny vahoaka no eo amin'ny fitondrana. Amin'izay dia izy ireo ihany no mandahatra ny zavadrehetra araka izay baikoin'ny tombontsoany.

Tsy mahagaga ary raha miverimberina eto hatrany ny disadisa sy ny rotaka enti-manongana mpitondra.Tsy adala akory anie ny vahoaka satria, na ela na haingana izany, hainy foana ny manavaka ny rano madio manala ny hetahetany amin'ny kapoaka mangidy izay asaina ateliny...!

Johary RAKOTONIRINA
(09/06/2010)

OLOM–PANJAKANA...

Ny antsointsika hoe "olom-panjakana" eto dia izay azo adika amin'ny teny frantsay hoe : "homme d'Etat".

Tsy voatery ho ny famaritana nataon'ny Frantsay anefa no hamaritantsika izany, satria "*sakamalao sy havozo*, ny Malagasy sy ny Frantsay, *ka samy manana ny hanitra ho azy*"... Na izany aza mety misy ihany ireo zana-kevitra iraisana, tsy amin'ny Frantsay ihany fa amin'ireo firenena hafa maneran-tany.

Raha vao miteny hoe "olom-panjakana" ary dia mby ao antsaina avy hatrany ny hoe "mpitondra fanjakana", "mpanao politika", "olom-boafidy"... Iza tokoa moa no "olom-panjakana", tsy ireo izay mihodinkodina manodidina ny fitondram-panjakana ihany ve ?

Tsy dia izay loatra anefa ity atao hoe "olom-panjakana" ity, satria, raha ny marina, dia somary mbola mandeha lavidavitra kokoa noho izay, satria ny voafaoka ao anatiny dia tsy tsangan' olona fotsiny loatra, fa voaray ao avokoa ny toetoetra, ny fahaizana, ny fihetsika, ny fomba fiaina sy fisaina, ny fomba fiasa, ny fomba fifandraisana aman'olona..., sy ireo zavatra hafa tsy ary ho voatanisa eto avokoa. Fa na dia ireo voatonona ireo fotsiny aza, dia tsy ho voavahavaha eto satria midadasika loatra izy ireo.

Famintinana tsotsotra ihany no ndeha ataontsika. Ny tena "olom-panjakana" ary izany dia izao :

1.- Tsy olona voafatotry ny fiaviany sy ny firazanany ary ny antoko politikany, malala-tsaina, mahafehy tsara ny fahalalana an'i Madagasikara sy ny Malagasy, ary *tena latsaka ao anatiny ny maha Malagasy azy*. Tsy afaka hiaro ny tombontsoan'i Madagasikara sy ny Malagasy izy raha tsy izany. Kanefa tsy an-tendro-molotra fotsiny io.

2.- Tsy olona matim-bola, na voan'ny tazon-karena, fa tena mahay manavaka tsara sy mazava ny tombontsoany

manokana amin'ny tombontsoan'ny daholobe. Tsy tia kely! Tsy tia tena ! Tsy miditra mihitsy amin'ny zavatra "maizimaizina" na tsy ara-dalàna mety hahazoan-karena, izany hoe tsy mankasitraka ny fahazoan-karena amin'ny tsy marina sy ny tsy rariny.

3.- Mifandraindraika amin'izay ihany : tsy voabaikon'ny tombontsoan'ny fianakaviana na ny foko sy faritra niaviana, tsy mijery tavan'olona, tsy manao tany avo avaratra na mizana tsindrian'ila, teny filamatra ho azy ny hoe : "*Na sakako na sakan'iza, rehefa vandana dia kary !*". Ao ambadik'izay ny hoe: rehefa mendrika, na iza na iza, na avy aiza fiaviany na avy aiza, na inona ny antoko politika misy azy, dia mendrika, ary tokony apetraka amin' ny fahamendrehana manandrify azy...

4.- Tsy manana toetra vangavanga. Tsy mpandainga ! Tsy aorina amin'ny lainga ny fitondrana ny raharaham-pirenena ! Tsy manao izay hiarovana ny rambo tsy ho tapaka fotsiny, fa tena tompon'andraikitra tanteraka amin' izay fahombiazana na tsy fahombiazana ! Tsy mpihatsara ivelan-tsihy ! Tsy mpitari-bato vilam-bava, ka ny lazain'ny vavany hafa nefa ny tondroin'ny tanany hafa ! Tsy manao bemarenina sy mamono sofina amin'izay lazain'ny hafa fa mahay mihaino ! Fa tsy hoe "*rehefa halako ny bikany sy ny tarehiny*" dia " tsy asiako lanjany akory izay ambarany" na dia misy fahamarinany izao aza.

5.- Tsy manana toetra sadasada. Tsy manampatra fahefana ! Tsy manararaotra ny fahefana eo am-pelantanana mba hanosihosena ny hafa, na hanaovana valifaty, fa mampiasa izany kosa amin'ny hitsiny ! Tsy manao "tsindrio fa lavo" ! Tsy manosika izay mihazakazaka ! Olona manana fanetren-tena! Mahalala ary manaiky tsara ny "fetrany"sy ny kilemany ary ny lesoka ao aminy, fa tsy hoe rehefa mpitondra fanjakana dia tampom-pahaizana

sy tompon'ny fahamarinana ary mahay ny zavatra rehetra sy mitompo teny fantatra, ka manao tsinontsinona ireo manam-pahaizana (na koa ireo izay tsy nandia fianarana loatra) isan-tsokajiny eo amin'ny firenena, izay mba afaka mitondra ny anjara birikiny koa anefa.

6.- Tsy manana toetra tsy fampiseho masoandro ! Mahafehy tsara ny filan'ny nofony, ka tsy malaza ho mpilalao vehivavy (lehilahy no resahana eto), ary dia mampifangaro izany amin'ny raharaham-panjakana matetika! Tsy malaza mpidoroka na mpiloka, fa manana ny toeram-boninahitra izay tandrovany toy ny anakandriamaso mandrakariva.

Santionany ihany ireo hoy isika fa mbola azo tohizana ny fitanisana, raha ilaina.

Fanontaniana tsotra no apetraka eto am-pamaranana : "Moa misy tena *olom-panjakana* ve eto Madagasikara ?"

Johary RAKOTONIRINA
(13/06/2010)

MBOLA "OLOM-PANJAKANA" IHANY...

Mitohy ihany ny fitanisana ny mombamomba ny atao hoe "olom-panjakana". Ilay fanontaniana napetraka teo am-pamaranana ilay lahatsoratra voalohany dia tsy natao hitsikerana na iza na iza, na hamelezana an'izatsy na izaroa, fa natao kosa mba hisarihana ny saina sy hampirisihana izay hiantefan'izany rehetra mba "handini-tena". Tsy eo amin'ny Fivavahana ihany mantsy no mila fandinihan-tena, fa eo amin'ny raharaham-pirenena ihany koa.

Ary dia izay indrindra no toetra isan'ny lehibe tokony ananan' ny tena "olom-panjakana"

7.- Olona tsy sasatry ny mandini-tena ary manao izany isan'andro vaky ! "Ny fihetsiko androany..., ny teniko..., ny nataoko..., inona no tsy nety ? inona no nety ? inona no tsy hatao intsony ? inona no tokony mbola hatsaraina ? inona no tsy voafehiko mihitsy? Inona no tena tsy haiko ka ilana fandalinana manokana ? ..." ... Ny tena "olom-panjakana" mantsy dia tsy variana loatra amin'ireo sangodim-panina politika natao hiarovan-tseza ! Tsy "olon' ny seza" mihitsy aza izy satria fantany tsara fa tsy ny "seza" no tanjona ! Fitaovana enti-manatontosa ny raharaham-pirenena fotsiny ihany izany, koa rehefa tsy hay na tsy hita izay hampiasana ny fitaovana, na misy antony hafa ankoatra ireo, dia tsy tokony hamikirana mihitsy izany...

8.- Olona mahatanty tsikera. Tena mahatanty tsikera, fa tsy foizina, ka tsy mahalala afa-tsy ny hamokona totohondry raha vao misy tsy fitovian-kevitra. Tsy misendaotra amin' ny fanaratsiana na dia mivaivay aza izany, fa miatrika izany am-pahendrena sy am-pahamendrehana kosa. Miatrika..., izany hoe mandanjalanja amin'ny saina tsy miangatra ny antony nahatonga ny fitsikerana, satria tokoa hono "*ny vy tsy mikitrana irery*"...

9.- Voatonona teo ny hoe : *"amin'ny saina tsy miangatra"* ! Io no fomba fisainan'ny tena "olom-panjakana". Tsy misy afaka hihambo ho tompon'ny Fahamarinana (*"fisaka ny marina, ka saro-tadiavina"*, hoy ny Fahendrena malagasy), indrindra eo amin'ny raharaham-pirenena. Ny zavamisy dia samy manindraindra sy miaro izay heveriny ho Fahamarinany avy ireo ankolafin-kery isan-karazany eo amin'ny firenena. Mba toy izany koa ny "olom-panjakana", saingy tsy manompo fotokevitra loatra izy, na mitompo teny fantatra, fa manana fomba fisainana "tsy miangatra" ahafahany manakatra ny Fahamarinan'ny hafa. Noho izany dia mandala tanteraka ny ady hevitra sy *ny fifanakalozan-kevitra izy, izay hany fomba ahafahana* mampitaha ireo Fahamarinana samihafa. Hanakekezana kokoa ny tena Fahamarinana, satria ny "hevitry ny maro, hono, mahataka-davitra"!

Johary Rakotonirina
(14/06/2010)

BOKY NAMPIASAINA

- ANDRIAMBOAVONJY BENJAMINA RANAIVO (Ny Onja) : Ohabolana malagasy hazavain'Ny Onja, Boky I-VI, Antananarivo, Impr. Volamahitsy, 1960, 184 p.

- R. BATTISTINI – J.M. HOERNER : Geographie de Madagascar, Paris, EDICEF-SEDES, 1986, 194 p.

- P. BOITEAU :Contribution à l'histoire de la nation malgache, Madagascar, Ed. Sociales, 1981, 445 p.

- H. BOURGOIN : L'Afrique malade du Management, Paris, Ed. Jean Picollec, 1984, 226 p.

- H. DESCHAMPS : Histoire de Madagascar, Paris, Ed. Berger-Levrault, 1972, 358 p.

- H. DESCHAMPS : Madagascar, Paris, PUF – Que sais-je ? n°529, 1968-76, 128 p.

- Encyclopedie QUID, Paris, Editions Laffont, 1983, 1900 p.

- J. KI-ZERBO : Histoire de l'Afrique Noire, Paris, Lib. Hatier, 1972, 226 p.

- Le développement accéléré en Afrique au Sud du Sahara : Programme indicatif d'action, Washington-DC Banque Mondiale, mai 1982, 226 p.

- Madagascar, le pays et son marché, Paris, Groupe J.A. Marchés Nouveaux, n° 18, juin 1979, 138 p.

- Madagascar : Politiques financières pour une croissance diversifiée, Washington-DC, Les rapports économiques de la Banque Mondiale.

FANOROAN-TAKILA

• *SASY* 5

• **FAHANTRAM-BAHOAKA SY TANY MANANKARENA** 7

- Ny Mpanao politika sy ny Politika 11

- Mirefarefa 12

- Maniratsira 14

- Renivola 19

- Misara-bazana 27

- Fehiny 31

- Mpandraharaha ara-toekarena 34

- Miakin-doha 41

- Fehiny 45

- Ny Avarapianarana 46

- Mihen-danja 50

- Tena malagasy 52

- Ny Raiamandreny 57

- Ny Tanora 64

- Ny Vehivavy 74

- Ny Tantsaha 79

• **DRIDRAN'INGILO** 89

- Merina sy Tanindrana 91

- Tontolo lainana 105

- Madagasikara 110

- Ny Fihavanana malagasy 114

- Ny Kolikoly 119

• AVY AIZA KA HO AIZA ? 127
- Avy aiza ? 136
- Ho aiza ? 143

• TSETSATSETSA TSY ARITRA 148
- Repoblika faha 4 : Ho aiza isika ity ? 150
- Olom-panjakana... 153
- Mbola olom-panjakana ihany... 156

• Boky nampiasaina 158

• Fanoroan-takila 159

TRANO PRINTY
FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

T.P.F.L.M. - Fametrahana Lah. fah. 2663/05/11 - Isan' ny natonta : 500



Johary RAKOTONIRINA

Io no anarana ahafantarana ny mpanoratra. Tsy dia misy holazaina firy ny momba azy.

Nandranto fianarana teto Antananarivo (EPP Ampasandratsarahoby, Lycée Andohalo, Oniversiten' Antananarivo - Sosiolojia sy Filozofia), dia nanao asa isan-karazany nanerana an'i Madagasikara.

Mpampianatra filozofia, mpanao gazety, mpikajy ny tontolo iainana, mpilatsaka an-tsitrapo tao amin'ny Croix-Rouge malagasy...

Avy amin'ireo rehetra ireo no nahafantarany sy nitiavany an'i Madagasikara sy ny Vahoaka malagasy.

Mpanoratra tantara foronina sy tantara tsangana ihany koa.

johary.rakotonirina@moov.mg

MICHIGAN STATE UNIVERSITY LIBRARIES
3 1293 03325 2937

Daraina, Masoarivo, Mandabe, Betanty, Benato, Lavaraty, Masomeloka, Kiranomena, Sandrakatsy, Antsakabary... Tanàna malagasy avokoa izany ! Santionany fotsiny ireo fa an' arivony maro no sahala amin'ireo manerana an'i Madagasikara.

Tanàna tsy mba fantatry ny fandrosoana sy ny fampandrosoana... Kanefa tsy handroso izany i Madagasikara, raha tsy mahazo ny anjara masoandrony ny mponina amin'ireny !

50 taona no nahaleovantena ! Nitondra inona ho an'ny Malagasy monina any amin'ireny tanàna ireny izany ?

Samy manana ny hanitra ho azy ireny tanàna ireny, fa ny itambarany dia ny fahantrana, ny tsy fandriampahalemana, ny fitazonana ny mponina eo ambany vahohon' ny tsy fahalalàna, ny tsy fahampiana na ny tsy fisian'ny zavatra mety mba hanatsarana ny fiainana, ny tsy fahalalàna fa mba mety ho tsara lavitra noho izao ny fiainana...

Saingy... Manao ny ataony ny mpanao politika, ny mpanao fanjakana, ny dahalo an-tsaha sy ambony latabatra, ny mpanararaotra isan-karazany... Tsy lazaina intsony ao anatin'izany ny kolikoly.

Mba mamokatra ihany anefa, mba miady mafy amin' ny fiainana, fa... tsy hita be ihany ! Ny ain'olombelona sy ny fananany aza tsy voaaro araka ny tokony ho izy ! Maika moa fa izay zon'olombelona any !

Natao mba hampieritreritra ny taranaka malagasy ity boky ity !